



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA



**VOLAVOLAN-DALANA FAHA 037/2016  
TAMIN'NY 26 OKTOBRA 2016 NATAO HO  
LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-  
PANJAKANA HO AMIN'NY TAONA 2017**



**VOLAVOLAN-DALANA FAHA 037/2016**

**TAMIN'NY 26 OKTOBRA 2016**

**NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-  
PANJAKANA HO AMIN'NY TAONA 2017**



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

❖❖❖

### VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 037/2016

TAMIN'NY 26 OKTOBRA 2016

MIFEHY NY LALANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2017

❖❖❖

#### FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Miditra amin'ny taona fahatelo amin'ny fanatontosana ny Paikady Natao Dinasa (PND) i Madagasikara, ary manohy ireo fanamby nifanekena mba tsy hahavery ireo tombon-dàlana efa azo eo amin'ny fanarenana ny toekarena. Nisy ireo dingana vita izay nahazoana vokatra azo tsapain-tànana.

Noho ny ezaka vita, indrindra ny mikasika ny fanarenana ny toekarena, ny Governemanta dia afaka nifampiraharaha tamin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) momba ny FEC, nahazoana famatsiambola mitentina 220 tapitrisa DTS (izany hoe 304,7 tapitrisa USD). Hita soritra mivaingana avy amin'ny alalan'ny fitomboan'ireo famatsiam-bola ivelany ireo ny fiverena'ny fahatokisan'ireo mpiray ombon'antoka ara-bola sy teknika.

Etsy andanin'izany, maneho ny fahavononany hanatratra ireo tanjona fito ambin'ny folo (17) amin'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra (ODD) i Madagasikara amin'ny alalan'ireo soritrasa ao amin'ny Drafirasam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (PND). Arak'izany, ny Governemanta dia mikendry ny hanamafy ny fiaraha-miasany amin'ireo mpiray ombon'antoka mba hanamasina orina ny fototry ny fampandrosoana iarahana sy maharitra. Ny Governemanta dia hanome tosika ireo fandaharan'asa ahitan'ny firenena tombony kokoa raha ampitahaina amin'ny faritra misy azy sy eo amin'ny lafiny seha-pihariana.

Hiompana amin'ny sehatra sosialy toy ny fampianarana, ny fahasalamana, ny mponina, ny rano sy ny fanadiovana, ary koa ny fampandrosoana ny fotodrafitr'asa indrindra ny any ambanivohitra ny vain-dohan-draharahan'ny Fitondram-panjakàna. Isan'ireo soritrasa lehibe arahin'ny Fanjakàna ihany koa ny fampiroboroboana ny asa fampandrosoana eny ifotony. Ny fampitomboana ny kitapom-bola fanohanana avy amin'ny Fanjakana, dia hanohana ny fampivoarana ny faritra sy ny Fanjakàna manakaiky vahoaka. Io famindrana ny volam-panjakàna io dia hanamafy ny andraikit'ireo solontenam-panjakàna eny ifotony ireo. Etsy andanin'izany, ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny mpiray ombon'antoka amin'ny Fanjakàna foibe - fiarahamonim-pirenena sy mpampiasa vola ary vondrombaoko itsinjaram-pahefana - dia hihatsara ka mifanaraka amin'ny didy aman-dalàna mifehy azy. Izany no nahafahana namaritra miaraka ireo laharam-pahamehana sasantsasany ankoatra izay efa voafaritry ny Fanjakàna.

Farany, satria ivon'ireo hetsika rehetra ataon'ny Fanjakana ny fandaniana hoan'ny hanapamokarana, dia ho hita soritra amin'ny fiakarana tsikelikelin'ny fandaniana mahakasika ny hanapamokarana ireo fanamby napetraky ny Governemanta. Hahatratra 8,1%-n'ny Harikarena Faobe (HAF) mantsy ny fandaniana mahakasika ny hanapamokarana ho an'ny taona 2017 raha toa ka 5,2% izany tamin'ny taona 2016. Ireo ezaka ireo dia harahin'ny fanatontosàna ny politika fampidiram-bola izay mikendry hampiakatra tsikelikely ny tahatsindrin-ketra sy ny momban'ny fampiakarana ny fahombiazan'ny fandaniana. Izany dia hahafahana mifehy ny tsy fahampiana eo amin'ny tetibola miaraka amin'ny fahamalinana mikasika ny fahafahana manefa ireo trosa. Ny Governemanta tokoa mantsy dia mikendry fitomboan'ny harikarena maharitra sy tsara tohana.

## I) **SORITRASA SY FIVOARAN'NY TOEKARENA AMIN'NY ANKAPOBENY**

### ***Fanamafisana sy fanohanana ny fampiharana ny PND***

Nankatoavin'i Madagasikara tamin'ny taona 2015 ny Paikady Natao Dinasa (PND) niaraka tamin'ny Paritra Malagasy zary Ohabolana (PMO) mba hamaritana ireo hetsika hanarenana ny toekarena sy hampiroboroboana ny fampandrosoana iarahana sy maharitra. Mandritra ny taona fahatelo hanatanterehana azy, ny laharam-pahamehana dia mikasika hatrany ny fanohanana ny sehatra sosialy, ny fiantsorohana ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra amin'ny alalan'ny fametrahana ireo fotodrafitr'asa fototra sy ny fanamafisana ireo fotodrafirasam-pamokarana.

Mirazotra amin'izany, ireo mpiray ombon'antoka mahazatra dia naneho ny fahavononany hanohana ny fampandrosoana ny firenena na dia eo aza ny fahasarat'an'ny toe-drahahaha. Ho an'ny taona 2017, mahavelom-bolo ny vinavina, indrindra noho ny fahazoana ny FEC. Izany fanampiana ho an'ny fifadanjan'ny fifanakalozana ivelany izany dia manome fahalalahana kokoa ny Fanjakàna hitantana tsara ny politika aratoekarena. Io fandaharanasa maharitra telo taona , izay ifanarahana tamin'ny Tahirimbola Iraisampirenena io, dia ahafahana manampy tosika ny fivoaran'ny toekarena sy manamafy ny fahamarinan-toeran'ny harifaobe indrindra miaraka amin'ny famoaham-bola avy hatrany izay mitentina 43,5 tapitrisa Dolara Amerikana. Araka izany, ny Fanjakana Malagasy dia handray ny andrikiny amin'ny fitarihama ireo fanavaozana mitohy mikasika ny fitantanana ny harinkarena faobe sy ny tetibola ary ny vola.

### ***Fanamafisana ny fampandrosoana iarahana***

Taorian'iny fahasahiranana izay tsy nahitana fitombonan'ny toekarena afatsy 3,1% tamin'ny taona 2015, dia somary nihanahazo aina ny famokarana ny taona 2016 nifandraika tamin'ny tahatombon'ny toekarena 4,1%. Anton-javatra efatra lehibe no manazava io ainga io : (i) ny firoboroboan'ny sehatra fambolena, (ii) ny fiverenan'ny AGOA, (iii) ny fisokafan'ireo orinasa mpamokatra siramamy izay vokatry ny fiarahamiasa amin'ireo orinasa tsy miankindina (iv) ny fandraisana ny fivoran'ny COMESA ary ny Fihaonana an-tampon'ireo firenena mampiasa manontolo sy amin'ny ampahany ny teny frantsay, izay nampiroborobo betsaka ny sehatra Trano sy Taozava-baventy. Ny voka-tsoa azo dia hitondra vokatra tsara ho an'ireo "Orinasa afaka haba" (9,4%), ho an'ireo "Orinasa miankindina amin'ny fambolena" (6,4%), ho an'ireo "orinasa manodina hazo" (6,4%), ho an'ireo "orinsana mpanao tao vy" (6,4%), ary ho an'ny Taoatrano sy Taozava-baventy (13,6%). Ankoatr'izay, ireo sampana mifandray amin'ny fitaterana dia nahavita dingana 3,5% tamin'ny taona 2016. Ny sehatra fizahan-tany dia nahazo tombony noho fialan'ny orinasa Air Madagascar tao amin'ny lisitra B-n'ny Vondrona Eropeana, ny fanamafisana ny fiarovana ireo seranam-piaramanidina, ary noho ny fidiran'ny orinasam-pitaterana an'habakabaka vahiny.

Ho an'ny taona 2017, hotohizana ireo ezaka hametrahana fampandrosoana matanjaka sy iarahana. Vinavinaina ho 4,5% ny fitomboan'ny Harikarena Faobe (PIB) amin'io taona io. Ny seha-pamokarana faharoa no tena hitondra an'izany. Ny fisokafan'i Madagasikara amin'ireo tsena vahiny vaovao izay mifanojo amin'ireo tombon-dahiny azo avy amin'ny fivoaran'ny rafitry ny toekarena Sinoa, ary ny fampandehana indray ireo orinasa mpamokatra siramamy no hitondra fitomboana 5,4% ho an'io sehatra io. Ny fivoarana lehibe 11,2% ho hita eo amin'ny orinasa afaka haba, ny an'ny lalam-pihariana "hazo" 8,5%, ary ny an'ny "orinasa mpanodina ny voka-pambolena" 7,7% no hiantoroka io sehatra io amin'ny taona 2017. Raha mikasika ireo mpitrandraka harena ankibon'ny tany indray, tahatombo 5,0% no andrasana noho ny fiakarana tsikelikely ny vidin'ny metaly.

Ankoatra izay, vokatra tsara izay vinavinaina ho 2,8% no andrasana amin'ny sehatra voalohany. Izany toe-javatra izany dia azo avy amin'ny fitomboana 3,5% eo amin'ny seha-pambolena vokatry ny fanatanterahana ireo tetikasa fanarenana fotodrafitsara fitarihan-drano sy ny fitantanana ireo faritra ahitana loharano ipoiran'ireo renirano ao atsimo andrefan'ny farihin'Alaotra na ny fanitarana ny lemak'i Mangoky ambany.

Farany, ny sehatra fahatelo dia hahitana fivoarana 5,1% noho ireo tan-tsoroka omena ireo sampam-pamokarana toy ny Taotrano sy Taozavabaventy BTP (12,8%), ny Fitaterana (5,0%), ary ireo lahasa ho an'ny orinasa sy ho an'ny tokantrano (5,5%).

Eo anelanelan'ny taona 2017 sy 2019, ny taha-pitomboan'ny toekarena amin'ny ankapobeny dia voafaritra ho 4,8%. Ny fepetra tsy maintsy tanterahina mba hanatrarana izany tanjona izany dia ny fitandroana ny fahamarinan-toeran'ny harifaobe amin'ny alalan'ny ireo politika ara-toekarena malina. Zava-dehibe amin'izany ny fahaizana mandanjalanja vokatra azo raha oharina amin'ny sandany eo amin'ny fandaniambolam-panjakàna sy ny fifehezana ny fisondrotry ny vidim-piaianana. Ankoatr'izay, ny fampiasam-bola dia tokony hitarika ny fivoaran'ny toekarena. Misy ny asa efa natomboky ny Governemanta, ary mbola hitohy, izay hisintomana ireo fampiasam-bola.

### **Fampiroboroboana ny fampiasambola**

Hihamafy ny ezaka ataon'ny Governemanta hampiroboroboana ny fampiasam-bola. Ny fitomboan'ny toekarena eto Madagasikara mantsy dia azo avy amin'ito farany. Taha-pampiasam-bola 18,3%, miohatra amin'ny Harikarena Faobe (HAF), no andrasana ho an'ny taona 2017, ka 10,2% ho tanterahin'ny sehatra tsy miankina ary 8,1% ny an'ny Hanapamokaram-panjakàna. Ambony dia ambony io taha io raha oharina tamin'ny an'ny taona 2016 satria ny ezaka nataon'ny Fanjakàna amin'ny hanam-pamokarana ho an'ity taona ity dia 5,2%-n'ny HAF.

Hikarakara Diniky ny Mpamatsy vola sy ny Mpampiasa vola (CBI) ao Paris i Madagasikara amin'ity faran'ny taona 2016 ity mba hanetsehana ireo loharanom-bola ilaina amin'ny fampandrosoana. Ny famatsiam-bola ho tadiavina dia mahakasika ny vanim-potoana hanatanterahana ny PND, sy ho an'ireo tetikasa lavitr'ezaka koa kanefa.

Etsy andaniny, mba hahafahana manamafy ny fahombiazan'ny Hana-pamokaram-panjakàna, dia nanaiky ny hampiasa ny fomba fiasa PIMA (Public Investment Management Assessment) na fisandàna ny fitantanana ny hana-pamokaram-panjakàna. Ny fisandàna PIMA dia fitaovana fizahana izay hahafahana mitsara ny kalitaon'ny fomba fanao mikasika ny fitantanana ny Hana-pamokaram-panjakan'ny firenena

anankiray. Mifototra ami'ireo antontan'isa misy amin'ireo firenena maro maneran-tany izay ahitana firenena mandroso, vao manomboka miainga ara-toekarena sy ny firenena mahantra, ny fisandana PIMA dia milaza momba ireto :

Ny fironan'ny hana-pamokaram-panjakàna sy ny sandan'ny tahiry ara-renivola an'ny Fanjakàna ;

Ny fahombiazan'ny hana-pamokaram-panjakàna mikasika ny fanatsaràna ny fisandrahana sy ny kalitaon'ny fotodrafitr'asa;

Ny kalitaon'ny fitantanana ny hana-pamokaram-panjakàna isaky ny ambaratonga amin'ny fiainan'ny hana-pamokaram-panjakàna;

Avy amin'io fisandàna io, dia azo faritana ny hery sy ny fahalemen'ny firenena iray mikasika ny fitantanana ny hana-pamokaram-panjakàna. Fanitsiana izay mikendry ny fampitomboana ny fahombiazana sy ny vakatra entin'ny hanam-pamokaram-panjakàna no azo raikefina noho izany.

### ***Fisondrotry ny vidim-piaianana tsy nampisy vesatra loatra***

Tamin'ny taona 2015, 7,6% ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piaianana nokajiana avy amin'ny fiovaovan'ny tondrom-bidy eo am-panjifana amin'ny fiafaran'ny taona, noho ny fironana miakatra teo amin'ny vidin-tsoliha teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, sy ny fikorontanan'hy toetrandro nisy tany amboalohan'ny taona. Ho an'ny taona 2016, voafehy ho 7,1% ny fisondrotry ny vidim-piaianana amin'ny fiafaran'ny taona. Nandritra io taona io dia tsy dia nahery vaika loatra ny andro ratsy sy ny rivo-doza ary nitombo ihany koa ny voka-bary. Ireo anton-javatra roa ireo no nametra ny fitombon'ny vidim-bary vakatra eto an-toerana na dia nahitana fiakaram-bidy aza teo amin'ny arina fandrehitra sy ireo entana ilaina andavan'andro tamin'ny telovelana faharoa.

Ho an'ny solika, ny fiovaovan'ny vidin'ny barila eo amin'ny lanjan'ny Ariary mihoatra amin'ny Dolara amerikana dia nampiovaova be ny vidin-tsoliha teny amin'ny mpanjinjara. Notanterahin'ny Governemanta tokoa ny fanambiny amin'ny fanafoanana ny fanampiana ara-bola sy ny fampiharana ny vidiny tena izy eo amin'io sehatra io. Napetraka ihany anefa ny rafitra mpanara-maso sy mpikajy ny vidiny tokony ampiharina arahana mba hahafahana mifehy ireo fiakaram-bidy eny amin'ny mpanjinjara.

Ho an'ny taona 2017, ny fisondrotry ny vidim-piaianana amin'ny fiafaran'ny taona dia hitovy amin'ny tahan'ny taona 2016, izany hoe 7,1%. Io tombatombana io dia maneho ny fahamailoan'ny fitondram-panjakana amin'ny fitondrana ny politika ara-bola, indrindra fa amin'ny alalan'ny fifehezana ny antontam-bola. Na izany aza, ny vola Malagasy dia mirona mankany amin'ny fihenan-danja ka ho lasa ho 3510,0 Ariary ny Dolara Amerikana ary 4897,8 Ariary ny DTS amin'ny fiafaran'ny taona. Io fihenan-danja io dia hahatratra avy 8,7% sy 8,8%. Ny tena zava-dehibe dia ny tokony hifehezana ny fisondrotry ny vidim-piaianana sy ny tsy hanavesarana ny toekarem-pirenena.

### ***Fifanakalozana ivelany tsy nahazoana tombon-dahiny***

Ny fifanakalozana ivelany dia hahitana fitotonganana kely amin'ny taona 2017. Na dia nahitana tombony 197,1 tapitrisa DTS aza ny toe-danja ankapobeny ny taona 2016 dia fatiantoka 24,4 tapitrisa DTS na 0,3%-n'ny HAF no andrasana.

Mihatsara ny toe-danjan'ny fifanakalozana ivelany amin'ny taona 2016. Fampiasam-bola mivantana avy any ivelany marobe, izay hitentina 367,4 tapitrisa DTS, no andrasana raha 215,5 tapitrisa DTS no voasoratra tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna 2016 teny am-boaloahany. Araka izany, ny kaontin'ny renivola sy ny vola dia tokony maneho ambim-bava 316,5 tapitrisa DTS raha nahitana ambim-bava 181,5 tapitrisa DTS izany ny taona 2015. Ny toe-danja tsotra ho an'ny taona 2016 anefa dia hijanona ho fatiantoka 119,4 tapitrisa DTS, na 1,7%-n'ny HAF, noho ny sisa an-tànana miiba eo amin'ny toe-danja ara-barotra izay mitentina 213,2 tapitrisa DTS, vokatry ny fiakaran'ny fanafarana entana raha mihoatra amin'ny fanondranana entana.

Ho an'ny taona 2017, noho ireo soritrasa nofaritan'ny Governemanta, izay mifanaraka amin'ny fanamarinan-toerana ny harifaobe, dia tsy ahitana fatiantoka be loatra ny fifanakalozana ivelany. Eo amin'ny kaonty tsotra, ny fatiantoka izay tsy mitsaha-mitombo dia vokatry ny fahavesaran'ny faktioran'ny fanafarana solika izay mifanojo amin'ny fahambanian'ny vidin'ny barila maneran-tany. Noho izany, raha nitentina 223,9 tapitrisa DTS ny fanafarana solika ny taona 2016 dia hanjary 269,2 tapitrisa DTS izany ny taona 2017. Izany hoe fitomboana 20,2%. Ny toe-danja ara-barotra dia hahitana fatiantoka 380,8 tapitrisa DTS ary io no hanazava ny fatiantoky ny toe-danja tsotra izay mitentina 203,1 tapitrisa DTS. Ao anatin'ny taona vitsivitsy, ny tahan'ny fitomboan'ny fanafarana entana dia tombanana ho 8,5%. Izany rehetra izany dia aravon'ny sisa an-tanana eo amin'ny toe-danja ara-barotra izay mirona mankany amin'ny fatiantoka ho an'ny taona 2017 ary koa ho an'ny taona 2018 sy 2019.

Ny toe-javatra miseho eo amin'ny kaontin'ny renivola sy ny kirakira ara-bola dia afaka hanonerana ireo fatiantoka eo amin'ny kaonty tsotra. Ny sisa an-tanana amin'io dia hahitana ambim-bava 178,7 tapitrisa DTS na dia nidina 43,5% aza izy io raha oharina amin'ny taona teo aloha. Ny kaontin'ny renivola no tena niandohan' io toe-javatra io satria ny tombony nandrasana dia 215,8 tapitrisa DTS avy amin'ny fanomezana ara-bola hamatsiana tetikasa. Etsy andaniny, ireo fampiasam-bola mivantana avy any ivelany sy ireo mizaka tena dia tokony hahatratra 399,1 tapitrisa DTS.

#### **Fampiroboroboana ny fampandrosoana eny ifotony**

Ny fanarahana ireo tanjon'ny PND dia hivadika ho lahsa hotanterahan'ireo mpaintsehatra eny ifotony izay manaraka ny foto-kevity ny Fanapariaham-pahefana sy ny Fitsinjaram-pahefana. Io soritrasa io no ahafahana miara-mirona mankany amin'ny fampandrosoana iarohana sy ny fitomboan'ny harikarena voatohana.

Ny Governemanta dia hanamafy ny fampandraisana andraikitra ireo mpaintsehatra eny ifotony amin'ny alalan'ny fanomezana teti-bola ireo sampan-draharam-parity ny Ministera isan-tsokajiny sy ny fanohizana ireo fandefasam-bola mankany amin'ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Noho izany, ny sora-bola omena ny distrika tsirairay avy mikasika ny tahiry fanohanana ny fampandrosoam-paritra dia mitentina 250 tapitrisa isaky ny distrika ho an'ny taona 2017 raha toa ka 200 tapitrisa Ariary izany tamin'ny taona 2016.

#### **Fandraisana andraikitra ara-bola sy ara-tetibola ataon'ny Fitondram-panjakàna**

Ny PND no lasitra harahina amin'ny famolavolàna tetibola ho an'ny fandaharan'asa mandritra ny vanim-potoana 2015-2019. Hotohan'an'ny fandaharana FEC izany. Ireo lasitra roa ireo no fototra iorenan'ireo

soritrasa ara-bola sy ara-tetibolan'ny Fanjakàna ho an'ny vanim-potoana 2017-2019. Araka izany, ho tsindriana manokana amin'izany ny soritrasa fahatelo sy fahaefatra amin'ny PND, dia ny «FITOMBOAN'NY HARIKARENA IARAHAMISALAHY SY FAMPIORENAM-PAKA IFOTONY NY FAMPANDROSOANA» sy ny «FOTOKARENA MAHA-OLONA MIFANDRAIKA AMIN'NY ZOTRAM-PANATANTERAHANA NY FAMPANDROSOANA».

- Vola miditra

Mikasika ny vola miditra, Ny Tahan'ny Tsindrin-ketra (TPF) dia tokony hiakatra teboka 0,5 isantaona mandra-pahatonga ny taona 2019. Io tanjona io dia mifototra amin'ny fanamby hanomezana fahalalahana ara-tetibola bebe kokoa amin'ny alalan'ny fampitomboana ireo loharanom-bolam-panjakana sy ny fandanjalanjana tsara ireo laharam-pahamehana eo amin'ny fandaniana. Noho izany, ny Tahan'ny Tsindrin-ketra vinavinaina dia 11,0% ho an'ny taona 2017 (izany hoe 12,0% amin'ny taona 2019) raha 10,8% izany ny taona 2016. Araka izany, ny fitambaran'ny vola miditra sy ny fanomezana andrasana ambangovangony dia mitentina 5389,6 miliara Ariary, ka ny 4156,6 miliara Ariary dia fidiram-bola araka ny tetibola ary ny 1233,0 miliara Ariary kosa dia fanampiana.

Vinavina mitentina 2004,1 miliara Ariary no andrasanao amin'ny lafiny hetra anatin'y. Manomboka ny taona 2017, hisy fepetra vaovao hampiharina ho fanatsarana ny raharaha atolotra ireo mpandoa hetra, izay anisan'ireo toromarika arahana mba hanatrarana ny tanjona fanatsaràna ny fampidiran-ketra. Ambonin'izany, ny departemanta misahana ny hetra anatin'y dia nanapa-kevitra ny hanavao ny torolalana fampiharana ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra sy hametraka sehatra ho an'ny mpandoa hetra eny amin'ireo Sampan-draharaham-paritra misahana ireo orinasa.

Raha ny momba ny faditseranana indray, ny vola miditra dia tokony hahatratra 1926,9 miliara Ariary vokatry ny fanamasina ny fanaraha-maso sy ny fitantanana anatin'y mba hatrarana ireo tanjona azo tsapain-tanana avy hatrany. Ireo rehetra ireo dia mandray anjara amin'ny fitohizan'ny ezaka hampiaranana ny Tahan'ny Tsindrin-ketra. Na dia maro aza ireo hetsika fitakiana hetra eritreretina, dia marihana fa ny fahombiazana eo amin'ny fampidiran-ketra dia mifamatotra bebe kokoa amin'ireo asa fihariana tena misy ary indrindra ny tontolon'ny fandrahaharana sy ny fampiasam-bola.

Mikasika ireo vola miditra tsy avy amin'ny hetra, ao anatin'ny taona vitsivitsy, ny fizotrany dia manaraka ny fironan'ny vola miditra avy Hetra sy ny fivoaran'ny vidim-piainana. Ho an'ny taona 2017, ny vola miditra tsy avy amin'ny hetra dia hitentina 76,5 miliara Ariary.

- Fandaniam-bolam-panjakana

Ho fanampin'ireo fanavaozana ara-draftra, ny tanjon'ny fampandrosoana iarahana sy maharitra dia mitaky fandaniana betsaka kokoa any amin'ireo fotodrafir'asa, ireo sehatra sosialy ary ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Nanomboka teo amin'ny fampiharana ny PND, ny famariparitana ny fandaniam-bolam-panjakana dia miompana betsaka any amin'ireo sehatra ireo. Ny Governemanta dia manohy ny fanaovana laharam-pahamehana hatrany ireo tetikasa miantraika mivantana amin'ny tontolo ara-tsosialy sy ara-toekarena. Araka izany, noraisin'i Madagasikara ny andraikitra ny amin'ny hampitomba farafahakeliny 0,1%n'ny HAF (izany hoe 36,0 miliara Ariary) ny fandaniana ara-tsosialy ho an'ny taona 2017 raha oharina amin'ny 2016.

Ny fitambaran'ny fandaniana ataon'ny Fanjakana dia hahatratra 6560,0 miliara Ariary amin'ny taona 2017, raha toa ka 5161,6 miliara izany ny taona 2016 (izany hoe fiakarana 26,9%), ka 3666,8 miliara Ariary no atokana amin'ny fandaniana andavanandron'ireo Ministera sy Andrim-panjakàna, ary 2881,9 miliara Ariary ho an'ny hana-pamokarana ataon'ny Fanjakàna. Ny fiakaran'ireto farany ireto dia tena misongadina satria io

fitomboana io dia mahatratra 73,4% raha oharina amin'ny fandaniana voasoratra tao amin'ny Lalana fanitsiana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna 2016.

Etsy andanin'izany, ny fahombiazan'ny fandaniam-bola dia hiakatra mandritra ny vanim-potoana 2017-2019 noho ny fametrahana ny Lasitra Ara-tetibola Faobe ivo ezaka (CMBMT), ny Lasitry ny tetibola ivo ezaka (CBMT), ary Lasitry ny Fandaniana ivo ezaka (CDMT) eny anivon'ireo Ministera sy Andrim-panjakàna tsirairay. Noho izany, io fomba fiasa io dia miantoka ny fitohizan'ny famolavolana ny tetibola ao anatin'ny taona vitsivitsy, sy ny fifandrindran'ny famariparitana ny harifaobe mandritra io vanim-potoana io ihany. Ankoatr'izay, ny fanamafisana ireo fanaraha-maso no hanampy tosika io fahombiazana io.

### **Fifehezana ny fatiantoka ara-bola**

Na dia maro aza ireo ezaka ataon'ny fitondram-panjakàna hahabetsaka ny vola miditra, izany dia tsy ampy anefana ny fandaniana rehetra izany. Noho izany, ferana ho 4,4%-n'ny HAF ny fatiantoky ny tetibola ny taona 2017 raha 4,3% izany ny 2016. Io fitomboan'ny fatiantoka io dia mampiseho ny fahavononan'ny Fanjakàna hanampy tosika ny toekarena amin'ny alalan'ny tetibola izay azo lazaina fa tena fomba entin'ny Fanjakana mirotsaka an-tsehatra eo amin'ny toekarena.

Amin'ny taona 2017, ny famatsiana anatin'ny fatiantoka io dia hahatratra 400,0 miliara Ariary. Amin'ny ankapobeny, miantoka ito farany ito ny fivarotana ireo Taratasim-bolan'ny Tahirimbolam-panjakàna eny amin'ireo banky sy ny sehatra ankoatry ny banky. Raha ny momba ny famatsiana any ivelany indray dia ho 1208,6 miliara Ariary izany.

Ao anatin'ny ivo ezaka, io fatiantoka io dia hahatratra 4,6%-n'ny HAF amin'ny taona 2019, noho ny ny fitomboana tsy miato ny Tahan'ny Tsindrin-ketra. Ny Fanjakana dia maminavina ny hampakatra ny fandanina amin'ny ho avy mba hiantsoroka ny fivoarana sy ny fampandrosoana.

**Voadidina 1 : Fafan'ny famariparitana harifaobe**

	2015 LFR	2015 vita	2016 LFI	2016 LFR	2016 Mbola miova	2017 PLF	2018 vina	2019 vina
<b>KAONTIM-PIRENENA</b>								
HAF amin'ny sanda andavanandro (miliara Ariary)	28 618,3	28 584,8	32 117,2	31 773,3	31 773,3	35 707,5	39 838,4	44 290,3
Fitomboan'ny harikarena (fiovana %)	3,2	3,1	4,5	4,1	4,1	4,5	4,8	5,0
Seha-pamokarana voaloahany	0,7	-0,7	2,5	2,2	2,2	2,8	3,2	3,6
Seha-pamokarana faharoa	4,1	7,3	5,7	4,9	5,2	5,4	4,9	5,0
Seha-pamokarana	4,2	3,4	5,2	4,8	4,9	5,2	5,7	5,8
Tondrom-bidin'ny HAF (fiovana %)	7,6	7,6	7,4	6,8	6,8	7,5	6,4	5,9
Tondrom-bidim-piaínana, e.o.p(fiovana %)	7,9	7,6	7,2	7,1	7,1	7,1	6,3	5,9
<b>SANDAM-BOLAM-PIFANAKALOZANA</b>								
1 DTS/Ariary (p.a)	4 140,0	4 520,8	4 899,0	4 443,9	4 431,9	4 670,9	5 168,9	5 383,3
1 US dolara/Ariary (p.a)	2 950,0	3 249,3	3 478,0	3 199,2	3 176,9	3 349,8	3 725,1	3 870,9
<b>FAMPIASAM-BOLA (% HAF)</b>								
Sehatra ara-panjakana	16,6	13,1	16,9	15,3	15,3	18,3	21,7	20,1
Sehatra tsy miankina	4,5	3,5	5,1	5,3	5,2	8,1	11,1	8,0
	12,1	9,6	11,8	10,0	10,1	10,2	10,6	12,0
<b>FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA</b>								
Taha-tsindrin-ketra (%HAF)	10,5	10,5	11,2	10,8	10,8	11,0	11,5	12,0
Totalim-pandaniana (%HAF)	17,0	15,3	16,6	16,2	16,2	18,3	21,1	17,8
Hanampamokaram-panjakana (%HAF)	4,5	3,5	5,1	5,3	5,2	8,1	11,1	8,0
Fatiantoky ny tetibola (-) (% HAF)	-5,2	-3,7	-3,7	-4,5	-4,3	-4,4	-7,1	-4,6
<b>SEHATRA IVELANY</b>								
Fatiantoky ny toe-danjam-pifanakalozana tsotra (-)(% HAF)	-1,8	-2,1	-1,8	-2,2	-1,7	-2,7	-3,7	-3,9
Fatiantoky ny toe-danjam-pifanakalozana ara-barotra (-)(% HAF)	-3,0	-3,7	-4,2	-4,0	-3,0	-5,0	-5,7	-5,7
Kitapom-bola vahiny (isam-bolana fanafarana)	3,1	2,9	2,7	3,9	3,2	3,6	3,7	3,6
Fanafarana entana (fiovana %)	-1,3	-5,9	5,8	2,1	3,8	3,5	4,0	6,5
Fanondranana entana (fiovana %)	8,7	1,3	2,3	4,9	2,0	12,7	6,4	6,4
<b>SEHATRA ARA-BOLA</b>								
Antontam-bola (fiovana %)	13,4	14,6	12,7	17,9	20,9	7,6	12,5	14,5

## **II) SORIDALAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2017**

### **A. NY VOLA MIDITRA**

#### **1. HETRA**

Ho fanatanterahana ireo laharam-pahamehana amin'ny Paikady Natao Dinasa, ny fampidiran-ketra mba hiatrehana ny filàn'ny Firenena vola, ny Fandrahaharana ara-ketra dia manamafy ny fanohizana hatrany ireo ezaka efa natomboka.

Araka izany, ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana 2017 dia natao mba hametrahana ireo fepetra manome lanja ny fangaraharana hiadiana amin'ny kolikoly, fametrahana ny fifampitokisana eo amin'ny Fandrahaharana ara-ketra sy ny sehatra tsy miankina mba ho famporisihana ireto farany hiditra amin'ny sehatry ny ara-dalàna. Ampidirina amin'izany koa ny fepetra ara-ketra mirona amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy fanamorana ny fiainana andavan'andro ao an-tokantrano.

Noho izany, ny votoatin'ny fanovana ireo fepetra ara-ketra ireo amin'ny taona 2017 dia miompana amin'ireto teboka manaraka ireto:

- Ny fangaraharan'ny fepetra fampivelarana ny sehatra ampiharana ny famerana ny hetra amin'ny alalan'ny :
  - Fametrahana ny hetra fandoa farafahakeliny araka ny sokajin'asa amin'ny hetra tambatra (vola miditra 1 913,06 tapitrissa Ariary);
  - Fanovana ny hetra amin'ny vola miditra mitsitapitapy ho hetra tambatra mitsitapitapy, izany hoe ho tombontsoan'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD) ;
- Ny fampidirana ny fepetra famporisihana handoa hetra mba hanetanana indray ny toekarena sy fiarovana ny tontolo iainana toy ny:
  - Fanafahana amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana ny ethanol fandrahitra nasiam-panovana mihoatra ny 90°;
  - Fampidinana 5 isan-jato ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny fanafarana fiara vaovao ( fatiantoka 1 745 tapitrissa Ariary);
  - Fanafahana amin'ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny vatoaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro sy famanan-drano tsy mandeha amin'ny herinaratra fa herin'ny masoandro ;
  - Fanesoran-ketra ho an'ny fandaniana sasantsasany ataon'ny orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany madinika;
  - Fanesorana ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fividianana solika ataon'ny mpitatitra akoranafo andranomasina ( fatiantoka 724,77 tapitrissa Ariary);
  - Fanitarana ny fahafaha-misitraka ny fampihenan-ketra amin'ny fampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny fambolena ( fatiantoka 1150,00 tapitrissa Ariary);
  - Fampidirana ny mpampindram-bola zary fanofàna, izay nahazo alàlana, amin'ny famerenana trosa-kaba amin'ny tataom-bidy;

- Fampidinana ny sara-panoratana amin'ny varotra fiarakodia ataon'ny matihanina amin'izany( fatiantoka 80,01 tapitrisa Ariary ho an'ity farany) ;
- Ny fiarovana sy ny fanatsarana ny vola miditra amin'ny alalan'ny:
  - Fanovana ny sandan'ny sara-panoratana amin'ny fividianana sambo fivarotana sy fiaramanidina rehetra (vola miditra 5,55 tapitrisa Ariary) ;
  - Fanasarahanana ny fakàna ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny fananan-tany sy ny vola miditra avy amin'ny raharaha ataon'ny orinasa (vola miditra 6 473,68 tapitrisa Ariary);
- Ny fametrahana ny fepetra mba ahitana kokoa ireo hetra aloa ho an'ny CTD amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo ao anatin'ny lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana araka ny lalàna 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 momba ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- Ny fanamorana sy fanamaivanana ny fombafomba amin'ny alalan'ny:
  - Fanambarana isan-telovolana ao anatin'ny fifanarahana iray ny vola ao amin'ny kaonty azo etsehina;
  - Fanitsiana ny fepetra mikasika ny fombafomba arahina amin'ny fifanolanana ara-ketra;

Farany, ho famenoana ireo fepetra misy ankehitriny, dia natao ny fanadiovana vitsivitsy, fampanarahana toetr'andro, fanazavana sy fanoritana mazava.

## 2. FADINTSERANANA

### 2.1. FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA

Ny fanovana entina amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana dia manodidina ireto tanjona telo manaraka ireto:

#### **2.1.1. *Fanamafisana ireo fepetra ahafahan'ny Sampandrahaharan'ny fadinseranana manataneraka an-tsakany sy an-davany ny asa sahaniny***

- Ny paika arahina amin'ny fitsirihana entana raha misy ny filàna maika noho ny fiahiahiana mafy ny fisian'ny hosoka na dia tsy eo aza ny tompony na izay mitazona ny entana (andininy 46) na ny mpanao fanambarana (andininy 09) ary ny sokajin'ny fandikan-dalàna mifanaraka amin'izany ( andininy 365) ;
- Ny fahefan'ny mpandrahaharan'ny fadintseranana momba ny fanaraha-maso sy ny fitadiavana hosoka: fahefana hivezivezy amin'ny toerana sy faritra fiasana, fanaraha- maso any aoriania sy ny zo hampiasa ireo olona manam-pahaizana manokana (andininy 52 sy 53);
- Ny fanitarana ny zo fampitan-draharaha ho an'ny mpandrahaharan'ny fadintseranana misahana ny famoriam-bola mba ho fanamafisana ny fandoavana ny trosan'ny fadintseranana (andininy 54) ;
- Ny fampiharana haba amin'ny fivezivezen'ny sambo izay mifandraika amin'ny zavamisy aratoekarena ankehitriny (andininy 262) ;
- Ny famaritana ny tompon'andraikitra mahefa amin'ny fampikatsoana ny asa famoahana entana (andininy 319-1<sup>a</sup>) ;
- Ny fanamoràna ny fametrahana antoka mikasika ny fanerena avy amin'ny fadintseranana

(andininy 328.4°);

- Ny firaisansa antoky ny mpanelanelana sy ny mpanao fanambarana amin'ny fadintseranana mikasika ny fanerena isam-batan'olona; (andininy 353); ary ;
- Ny fametrahana sazy henjana kokoa raha misy fanoherana ny baiko omen'ny mpandraharahan'ny fadintseranana (andininy 361), na fahapotehana na fahatapahan'ny firaka (andininy 362), ary ny fandikan-dalàna mikasika ny harem- pirenena iharan'ny fandraràna tanteraka (andininy 378).

#### **2.1.2. *Fiarovana sy fanamoràna ny paika arahina***

Izany fepetra izany dia mahakasika:

- Ny fiantohana ny fahamarinam-pototry ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo (andininy 58);
- Ny fampidirana avy hatrany ireo entana ho atao lavanty ampahibemaso vao tapitra ny fotoanan'ny sata fitobian'entana sy ny fanatsarana ny fikarakarana izany lavanty izany (andininy 83, 237 ary 238); ary;
- Ny fampidirana ny paika fanamaivanana ara-taratasy ny sora-panekena momba ny fifolanana (andininy 266 bis).

#### **2.1.3. *Fanitsiana teny sasantsasany***

*Ny fiovàna mikasika ny andininy faha-67, 152, 157 ary 360-2.*

### **2.2. LAZAM-BIDY MOMBA NY FADINTSERANANA**

Ny fanovàna mikasika ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia mikatsaka ny tanjona toy izao manaraka izao:

- Fampiharana ny toromariky ny Vondrona iraisam-pirenena momba ny Fadintseranana mikasika fanovàna ny sokajy sasantsany anaty lazam-bidy ho fampitoviana amin'ny "Système Harmonisé" 2017 ;
- Fanajana ny fifanarahana amin'ny Vondrona Eraopeana mikasika ny fampihenana ny tahan'ny habantseranana mifandraika amin'ny vokatra anelanelana miisa 1546, izay 8% lasa 5%, araky ny tetiandro 2017 voafaritry ny "Accord de partenariat économique intérimaire (APEi) " ;
- Fanohanana ny lafiny fitsaboana, indrindra ny ady amin'ny tsy fahampian'ny iodide sy ny fluor araky ny fangatahan'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, amin'ny alalan'ny fanesorana ny habantseranana alaina amin'ny "fluorure de potassium sy iodate de potassium" ;
- Fisorohana ny mety ho vokatry ny fanambarana diso ny entana amin'ny alalan'ny fanambarana zana-tsokajy sy fampitoviana ny tahan'ny haba amin'ireo entana sasany toy ny « gruaux et semoules » anaty 11.03, ny « produits laminés plats » anaty 72.10, ny « articles de robinetterie » anaty 84.81 ary ny « mobilier de déménagement » anaty 98.05 ;
- Fanesorana ireo fepetra manome vahana ny fitondrana tsy mitovy eo amin'ny samy mpanafatra entana, toy ireo fitaovana sokajiana ao amin'ny 8519.81 sy 8521.10 ampiasain'ny TVM sy ny RNM ;

- Fanavahana ny zana-tsokajy misy ny "chauffe-eau non électrique", izay tsy andoavana habantseranana sy haba amin'ny tataom-bidy ary fampiharana ny fanafoanana ny haba amin'ny tataom-bidy narocon'ny Foibem-pitantanana ankabopen'ny Hetra mikasika ny fanafarana "batterie solaire" anaty 8507.80 10; izay tafiditra ao anatin'ny politika fampiroboroboana ny angovo azo avaozina ;
- Fanitsiana teny.

**Ny fiantraikan'ireo fanovàn'ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tombanana ho fatiantoka mitentina -21.5 miliara Ariary ( - 24.5 miliara Ariary ho an'ny APEi sy + 5.5 miliara Ariary ho an'ny ambin'ny fanovàna) na 1% an'ny tanjona amin'ny fampidiram-bolan'ny fadintseranana ny taona 2017.**

## **B. NY FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA**

### **1. NY TONTOLON'NY FANDANIANA**

#### ***Fandaniana ankabopeny***

Ny fanavaozana ara-bola no manamarika hatrany ny tontolo ara-bola nanomboka tamin'ny fametrahana ny Lalana fehizoro 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ireo Lalana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna, izay mbola mitohy hatrany. Ny fivadihana mankany amin'ny tetibola ho an'ny fandaharan'asa sy ny fampandraisana andraikitra ireo mpisehatra no tena manamarika io lalàna io. Ireo fanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakàna dia mikendry ny hampitombo ireo vola miditra anatiny, sy hanatsara ny fahombiazana sy ny mangaharahara eo amin'ny fandaniam-bolam-panjakana.

Asa maro no efa natomboka niainga tamin'ireo fanadihadihana ny valin'ny tomban'ezaka anatiny mikasika ny fandaniam-bolam-panjakàna sy ny andraikitra ara-bola (PEFA) tamin'ny taona 2013, ary efa andàlana ny famolavolàna paikady hampanarahana toetr'andro ny Fitantanana ny volam-panjakàna hatramin'ny taona 2024, arahan'ny draftrasa maharitra ny telo taona, izay havaozina isan-taona mandritry ny taona 2016-2018.

Etsy andanin'izany, ny fanavaozana tokony ho tanterahina mikasika ny fandaharanasa FEC dia mandrafitra ihany koa ireo tanjona izay tokony hiasan'ny Governemanta. Anisan'izany ny fanamasifana ireo fanarahamaso ny fanatanterahana ireo fandaniana an-davan'andro, ary koa ny fanarahana entitra ireo zava-bitamrina amin'ireo Fandaharanasa momba ireo hanam-pamokarana ataon'ny Fanjakana (FFBP).

Ho an'ny taona 2017, ny fampidirana ny lasitra fandaniam-bolam-panjakna ivo ezaka (CDMT) ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna dia natomboka teo anivon'ireo Ministera filamatra enina (fanabeazana fototra, fahasalamana, fambolena, vola sy ny tetibola, asam-panjakàna, asa vaventy), mba ahafahana manaraka ny fizoran'ny asa fampandrosoana araka izay noeritreretina. Io tsirin-kevitra io dia aparitaka amin'ireo minisitera sy Andrim-panjakàna rehetra amin'ny taona manaraka. Etsy andanin'izany, ny fanapariahana ny hetsika any amin'ireo sampan-draharaha teknika eny anivon'ny faritra (STD) dia hampahomby kokoa azy ireo, satria ireto farany no mahafantatra ny zava-misy eny ifotony. Ireo ezaka ireo no

fepetra hahazoana vokatra tsara eo amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny PMO/PND. Manaraka izany hevitra izany, ny fampiasana ireo loharanom-bola dia hatsaraina.

Ny vinavina sy ny fanatontosana ny fandaniam-bolam-panjakàna dia atao miaraka amin'ny ezaka ho fampangaraharàna ny tetibola sy ny fanapariahana ireo lahasa eny amin'ireo rantsamangaikan'ny sampandrahaham-panjakàna (STD), izay lalana tsy maintsy lalovana hahazoana vokatra tsara amin'ny fanatrarana ireo tanjon'ny PND/PMO. Ankoatra izay, ny fidiran'ny CDMT ao anatin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna 2017 dia zava-dehibe tokoa entina manaraka ny fivoaran'ireo lahasam-pampandrosoana. Io fanapaha-kevitra io dia nampiharina teo amin'ireo Ministera santatra (fanabeazana fotora, fahasalamana, fambolena, vola sy ny tetibola, asam-panjakàna, asa vaventy), ary hihitatra any amin'ny Ministera sy Andrim-panjakàna rehetra amin'ireo taona ho avy. Mitohy amin'izany dia hokendrena ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo vola miditra amin'ny Fanjakàna ary hampanarahana ireo zotra arapakadin'ny PND/PMO izany indrindra ny fitazomana ny fahamarina-toeran'ny harifaobe sy ny tohana ho an'ny fampandrosoana.

### ***Fandaniana isan-tsehatra***

Eo anivon'ireo sehatra, ireto lahasa manaraka ireto dia nofaritana avy amin'ny fametrahana fizotra manasokajy ireo laharam-pahamehana ao anatin'ny fandaniam-bolam-panjakàna, araka ny vokatra entiny any amin'ireo vahoaka na any amin'ny fampandrosoana, ary arak any loharanom-bola mety ho azo ary voamarina ny fisiany.

#### *Ny ady amin'ny kolikoly*

Ny ady amin'ny kolikoly dia voalaza ho anisan'ireo fepetra azo raisina ho an'ny fampandrosoana ny firenena. Ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna 2017, ny fanamasiana ireo asan'ny BIANCO amin'ny alalan'ny fanomezana azy tetibola fanampiny 40% mihoatra amin'ny tetbolany tamin'ny taona 2016, dia manaporofo ny finiavan'ny Governemanta ho amin'izay tanjona izay. Mitovy amin'izay ihany koa, ny fanomezam-bola ho an'ny Filan-kevitra momba ny Fitsipika ara-tetibola sy ny ara-bola (CDBF) dia ho porofon'ny fampandehanana izany amin'ny taona 2017. Ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ireo asa fampihorohoroana amin'ny alalan'ny Sampandrahahala Malagasy Iadiana amin'ny famotsiam-bola sy ny fampirohorohoana (SAMIFIN) dia hotohanana ihany koa miaraka amin'ny fanomezana fitaovana enti-miasa sy ny fampidirana azy ao anatin'ny vondrona EGMONT. Ao anatin'ny asa fampiroboroboana ny tontolom-pirenena ho an'ny maha olom-banona (SNI), ny famolavolàna sy ny fampiharana ny Politika Nasionaly ho an'ny Fanjakàna tsara tantana sy ny fandaminana, ny fizohiana ary ny fisandàna ny sehatra iadiana amin'ny kolikoly, ny seha-pirenena ho an'ny fizohiana sy ny fisandàna (SNISE) dia hapetraka ihany koa.

#### *Ny fanabeazana*

Satria ny fanabeazana dia fototr'ireo asa fampandrosoana, ny Governemanta dia hanokana vola betsaka ho an'izany ato anatin'ity tetibola ity. Ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena no mipetraka eo amin'ny toerana faharoa amin'ny fitsinjarana ankabopeny ny tetibola. Ao anatin'ny fampiroboroboana ny fampianaranana mba hanatsarana ny hana ara-olona eto amin'ny firenena, ny Fanjakàna dia mihevitra ny hanatanteraka ireto asa manaraka ireto:

- Ny fanorenana/fanamboarana ireo fotodrafitr'asam-pampianarana sy ny fanatsaràna ny fampisitrahana ny fanabeazana fotora;
- Ny fanohizana ny fandraisana ho mpiasam-panjakàna ireo mpampianatra FRAM;

- Ny fanatsaràna ny kalitaon'ny fampianarana mba hifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fanofanana ireo mpanabe;

Etsy andan'izany, eo anivon'ny Fampianarana Teknika, dia hisy ezaka ho tanterahina hoan'ny :

- Fampiroborobona sy fanomezan-danja ny Ambaratonga Faharoa Teknika sy Fampianaran'asa;
- Fanamaroana ireo ivotoerana fanofanana ara-kasa;
- Fanatsarana ny fahombiazana ny Asa, Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana ara-kasa mba hanamora ny fidirana eo amin'ny sehatry ny asa.

Farany, ankoatra ny fepetra vaovao izay heritreretina eo anivon'ny Fampianarana Ambony, dia ho tazomina ireo zotra paikady telo lehibe, izany hoe:

- Ny fahombiazan'ny fivadihana makany amin'ny rafitra LMD;
- Ny fifamenoana mahomby misy eo amin'ireo asa fikaroana sy ireo Sekoly ambony eto Madagaskara;
- Fanatrarana ireo tanjona mba hisiana fandriampahalemana ara-tsosialy maharitra.

#### Ny fahasalamàna

Ny Ministeran'ny fahasalamàna dia anisan'ireo Ministera santatra araha-maso akaiky ao anatin'ny fandaharan'asa FEC. Ny fanamby lehibe miandry io Ministera io dia ny fanolorana ny vahoaka tsy ampy fivelomana fitsaboana fototra tsara kalitao. Noho izany, ho an'ny taona 2017, io Ministera io dia mihevitra ny hametraka paikadim-pirenena hiahiana ny fahasalamana ho an'ny rehetra, izay manana tanjona roa: (i) ny fiarovana ny tsirairay sy ny fianakaviany amin'ny hamehana ara-bola izay tsy hahafahany misitraka ireo fitsaboana; ary (ii) ny fanatsarana ny tolotra ara-pitsaboana tsara kalitao. Ny faritra Atsinanana, Analanjirofo, Vakinakaratra et Amoron'i Mania no faritra hisantaranterahana io paikady io.

Etsy andanin'izany, ireto lahsa manaraka ireto dia hotohizana:

- Ny fanamafisana ny fandaharan'asa fampivelarana ny fanaovana vaksiny;
- Ny fampihenana ny taham-pahafatesan'ny zaza vao teraka, ireo latsaky ny 5 taona, ary ny reny;
- Ny fampihenàna ny taham-pahazoana ireo areti-mifindra sy tsy mifindra;
- Ny fanamafisana ny fanaraha-maso ireo areti-mandringana;
- Ny fanamafisana ny ady amin'ny aretina mandringana sy vao mipoitra;
- Ny ady amin'ireo olana ateraky ny tsy fahampiana ioda sy fluor,

Eo amin'ny lafiny fitantanan-draharaha ny fahasalamàna, ny Governemanta dia mihevitra ny hampandeha hopitalim-panjakàna maromaro any amin'ireo faritra, amin'ny alalan'ny fampitomboana isa ireo mpisia sy ny fanomezana fitaovana azy ireo,

#### Ny mponina

Ny fanaovana lahara-pahamehana ireo tetikasa manana fiantraikany mivantana any amin'ireo mponina dia anisan'ireo fepetra ho tanterahina amin'ny taona 2017, Noho izany, ny Governemanta dia mihevitra ny hanatanteraka ireto asa manaraka ireto:

- Tohana ho an'ireo vahoaka marefo amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mifandray amin'ny asa fanatsarana ny antoka ho an'ny fanjarian-tsakafo, Satria tokoa, raha ny momba ny fiarovana ireo vahoaka marefo, ny tetikasa fanomezana sakafo ireo fokonolona dia handraikitra ho anjara asa lehibe ireo lahsa fanorenana sy fanamboarana ireo

toerana eny amin'ny fokontany ary ny fanatanterahana ireo lahasa fiarovana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, Ireo kitapom-bola famatsiana ara-tsosialy dia hitodika mankany amin'ny fametrahana ireo tetikasa kely "vola ho takalon'ny asa mamokatra" any amin'ny toerana 60, Ny fanamboarana ireo fotodrafitr'asa fototra eny amin'ireo fokotany misy ireo toerana voakasik'ireo loza ara-boajanahary dia vinavinaina ihany koa;

- Ny fampiarana fandaharan'asa manome vahana ny fandraisana anjara mavitrika ny vehivavy amin'ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena sy fandaharan'asa ahafahan'ireo ankizy avy amin'ny tokantrano sahirana sy/na tsy ampy fivelomana misitraka fitsaboana sahaza. Ny fanovana ara-tsosialy, hiankinan'ny fahatratraran'ny tanjona voafariry ny zotra fahaefatry ny PND « FOTOKARENA MAHA-OLONA MIFANDRAIKA AMIN'NY ZOTRAM-PANATANTERAHANA NY FAMPANDROSOANA » no manosika an'izany ;
- Ny fanamafisana ny fahafahana miatrika ireo loza ara-boajanahary any amin'ireo mponina marefo sy ambany fidiram-bola,

#### Ny rano sy ny fidiovana

Ny fanamafisana ireo fotodrafitr'asa mifandrainka amin'ny fahadiovana, ny rano ary ny fidiovana dia ho ivon'ny fanatsaràna ny fisitrahan'ny mponina io sehatra io amin'ny taona 2017. Ireo ezaka tamin'ny taona teo aloha dia ho tohizana amin'ny alalan'ny tetikasa fanomezana rano fisotro madio sy ny fampiroboroboana ny fisitrahana rano fisotro madio eto amin'ny tanin'l madagasikara, na amin'ireo renivohitra na eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Ny fandavahana lava-drano any amin'ny faritra atsimon'ny nosy dia mikendry ny hahatratra fantsakàna miisa 25 000 amin'ny taona 2018.

#### Fanapariaham-pahefana sy fitsijaram-pahefana

Ny Fanjakàna dia efa nanaporofa ary manohy ny fahavononany ny hametraka ny fitsinjaram-pahefana ny fanapariaham-pahefana tena izy, amin'ny alalan'ny; i)fametrahana ny tahiry ho fanohanana ny fampandrosoana ny faritra/distrika ao anatin'ny tetibolam-panjakàna, ii) ny fampitomboana ireo famindram-bola mankany amin'ireo Faritra sy Kaomina , iii) ny fanamafisa ny Tahiry ho an'ny fampandrosoana ny eny Ifotony (FDL); iv) ny fampandraisana andraikitra ireo Sampan-draharaha any amin'ny faritra; ary v) ny fanapariahana ny tetibolan'ireo sampan-draharaha aty amin'ny foibe mankany amin'ireo sampan-draharaham-paritra. Io fanapahakevitra io dia hihamafy hatrany ho an'ny taona 2017 amin'ny alalan'ny fanomezana vola ambony kokoa raha oharina amin'ny an'ny taona 2016, Ny firotsahana an-tsehatry ny Fanjakana dia ho tanterehin'ireo sampan-draharaham-paritra amin'ny alalan'ny fametrahana fotodrafitr'asa na lahasa hafa. Afaka ho tohizana izany aorian'ny vokatra azo tsapain-tanana ho an'ireo faritra sy ny fampandrosoana tsapa eny ifotony, Ireo tahirim-bola ireo dia ahafahana ihany koa manampy tosika ny teti-pivoarana eny amin'ny faritra momba ny fampandrosoana ara-toekarena, amin'ny fanaovana lahara-pahamehana ireo sehatra miroborobo ; ary amin'ny fametrahana ny fananan-tany no fototra iray amin'ny fampandrosoana,

#### Ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra

Ny tontolo ambanivohitra dia mahakasika ny 80,0% ny mponina izay mivelona amin'ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono. Noho izany dia tafiditra ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny Fanjakana ny fijerena azy ka ny fanjarina ara-tsakafo sy ara-pivelomana no anisan'ny zotra goavana amin'izany eo anoloanan' ny fiovaovan'ny toetrandro. Noho izany, amin'ny resaka fambolena, dia nametraka tanjona ny Governemanta : i) Mampitombo amin'ny fomba maharitra ny ventim-pamokarana ao anaty sehatra afa-mitaha ary mifanaraka

amin'ny fenitry ny tsena anatiny sy iraisam-pirenena ; ii) Mampivelatra sy mampaharitra ireo toeram-pamokarana sy ireo fotodrafirasa fitrandrahana ; iii) Manatsara ny fidiram-bolan'ireo mpamokatra sady mampivelatra ny famoronana asa eny ambanivohitra ; iv) ary fanamafisana ny tohi-bely manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro.

Mikasika ireo loharanon-karena an-dranomasina kosa, dia ny jono no anisan'ny sehatra tena mampiroborobo ny toekarena na amin'ny lafiny famoronana asa na amin'ny fampidirana vola vahiny. Toy ny an'ny fambolena, dia nametraka ny Governemanta ho lahaba-pahamehana hoan'ity sehatra ity ny fitomboana maharitra ny vokatra amin'ny alalan'ny fitantanana tsara ny loharanon-karena an-dranomasina. Telo noho izany ny zotra ara-kasa: i) Fanaovana ho matihanina an'ireo mpisehatra, indrindra ireo mpanjono; ii) Fanaraha-maso ny jono, ary iii) Fampilaharinan ny vokatra amin'ny fenitra iraisam-pirenena,

#### Ny fotodrafitr'asam-pampandrosoana:

Amin'io sehatra io, mikasà ny Fanjakana hanamafy orina ireo fotodrafirasa fototra sy fanampiny amin'ny alalan'ny fampivelaran'ireo fotodrafirasa fitanterana. Noho izany, raha ny asa-baventy no resahina, ny tanjona dia : i) Mitazona ireo tamba-jotran'ny lalam-pirenena ho tsara ahafahana mivezivezy, ii) Miahys ny tsy hisian'ny fahatapahana amin' ireo tamba-jotran'ny lalan'ambanivohitra mba hialana amin'ny fitokanan'ireo toeram-bokatra, ary iii) ny Fampiharana ireo fepetra mifandraika toy ny fanaovana ireo famakafakana ny fietraikan'ny tetikasa fanaovana lalana amin'ny tontolo iainana.

Ankoatra izay, ny fanorenana sy ny fanamboarana ireo fotodrafirasa ara-tsosialy sy ekonomika lehibe dia hitohy ihany koa tahaka ny lalambe, fotodrafirasa sy fampitaovana ny tanan-dehibe ary koa ny lalan'ireo 22 renivohi-paritra.

Raha mikasika ny fitanterana, ny tanjona dia ny fanatsarana ny fitantanana, ny ventim-pamokarana ary ny filaminana eo amin'ny ny rafi-pirenenan'ny fitanterana. Noho izany, dia nasiana tsindry manokana ny : i) fanatsarana sy ny fanamafisana ny rafitry ny fitanterana an-tanety amin'ny alalan'ny fandaminana sy fanaovana fotodrafirasa, ii) famelombelomana indray ny fitanterana an-dranomasina amin'ny alalan'ny fametrahana serana-tsambo eny amin'ny faritra sy ny fanajariana ireo lalan-tsambo amin'ny renirano , iii) fanarenana ny fitanterana an-dalamby, ary iv) fanaraham-penitra ny fitaovana fitandrovana sy fiarovana eo amin'ny sehatry ny fitanterana anabakabaka.

Anilan'ny Fotodrafirasa, ny sehatry ny Angovo dia anisan'ny fototry ny fitomboan'ny harikarena. Noho izay maha zava-dehiba azy izay, ny Fanjakana nametraka fanamby ny hamatsy angovo amin'ny vidiny mirary mba hanohanana ny fitomboan'ny harikarena ary ny fampandrosoana lovain-jafy sy inclusif. Ireto avy noho izany ireo fepetra noraisina amin'izany :

- Fampitomboana ny fahazoana herinaratra
- Fampirisihana ny sehatra tsy miankina hiditra amin'ny sehatry ny angovo
- Fampiroborobona ny angovo madio sy ny fampienanan'ny fampiasana solika amin'ny famokarana herinaratra
- Fampienanana ny fanapahana hazo amin'ny alalan'ny programa fambolen-kazo
- Fijerena ny tontolo iainana amin'ny famokarana angovo

#### Ireo sehatra hafa ambiny

Ireo sehatra hafa ambiny dia ahitana ny fitondrana ny Fanjakàna, ireo andraikitra izay natokana ho an'ny Fanjakàna toy ny fitsarana, ny fitantanana ny fanananam-panjakàna sy ny volam-panjakàna ary ireo

sehatra hafa ambiny ara-toekarena, Marina fa tsy azo hamaivanina izy ireo, saingy ireo sehatra rehetra voalaza etsy ambony dia mampiseho ny laharam-pahamehan'ny Fanjakàna araka izay voafaritry ny PND. Ho an'ny taona 2017, ireto fepetra ireto no eriteretina:

- Ny fanatsarana ny tontolon'ny voafonja sy ny fiambenana ireo fonja;
- Ny fanohanana ny fanajàna ny zon'olombelona;
- Ny fitantanana mangarahara sy mari-pototra ireo harena ara-boajanahary sy ankibon'ny tany miaraka amin'ny fanajàna ny tontolo iainana;
- Ny fampiroboroboana ny fizahan-tany sy ny fanomezan-danja ny asa Tanana mba hampitomboana ny vola vahiny miditra;
- Ny fanaovana ho matihanina ireo mpitrandraka harena ankibon'ny tany madinika; Ny fiarovana ireo faritra arovana, ny fambolen-kazo ary ny ady amin'ny doro tanety;
- Ny fikarakarana ny CAN U17;
- ...

Mba hanatontosana ireo rehetra ireo dia hitentina 6548,7 miliara Ariary ny fandaniam-bolam-panjakàna ao anatin'ny Tetibola ankapobeny ho an'ny taona 2017.

## 2. NY FANDANIANA MOMBA NY MPIASAM-PANJAKANA

Raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2016, ny fandaniana momba ny karama ao amin'ny tetibolam-panjakana 2017 dia nahitàna fitomboana 9,3%, Marihina fa izy io dia mandrafitra ny 31,3%-n'ny fitambaran'ny fandaniam-bola (izany hoe 47,4% raha esorina ny famatsiam-bola avy any ivelany), Nanjary 1977,2 miliara Ariary izany raha 1808,4 miliara Ariary teo aloha , lo fitomboana antotakarama ankapobeny io dia vokatry ny:

### ***Ireo karama***

*Ny fandaniana momba ny karama dia hanjary 1806,8 miliara Ariary raha 1665,2 miliara Ariary, izany hoe fiakarana 8,5%*

- Fanintsiana ny sanda-karama isan-taona ho an'ny Mpiasam-panjakana raha mitaha amin'ny fiakaran'ny vidim-piaina ankapobeny: 85,2 miliara Ariary,
- Fandraisana ny Mpampianatra FRAM eo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena (10000 isan-taona, fa ny fandraisana ho mpiasam-panjakàna ho an'ny vola sisa taona 2016 dia nafindra any amin'ny taona 2017);
- Ny fanolorana toeran'asa mifandray an'ireo fanadinana hidirana ho Mpiasam-panjakana ENAM, INFA, ENMG ...
- Ny sandan'ny fampiakarana sokajin'asa noho ny nahavitan'ny fianarana sy ny faharetana teo amin'ny asa - GVT (fiakarana kilasy/grady ary ny fanonerana ny vola mbola tsy efa mifandrainka amin'izany) : 12 miliara Ariary ;
- Ny sandan'ny fiovan'ny isan'ny mpiasam-panjakana : 35,6 miliara Ariary ;

### **Ireo tambin-karama**

Ireo tambin-karama kosa, dia hiakatra 19,0% raha oharina amin'ny LFR 2016. Niainga 142,8 miliara Ariary izany ka tonga 170,4 miliara Ariary teo anelanelan'ny taona 2016 sy 2017. Io fiakarana io dia nandray ihany koa ny fiakaran'ny vidim-piaínana sy ny fangatahan'ireo Ministera sy Andrim-panjakàna hampiditra mpiasa antselika (ECD).

### **3. NY FANDANIANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA IVELAN'NY KARAMA**

Ireo fandaniana momba ny fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama dia hiakatra 4,6% (ankoatra ireo fandaniana ifandraisan'ny sehatra maromaro) ary hanjary 1273,2 miliara Ariary izany ny taona 2017 raha toa ka 1217,6 miliara Ariary ny taona 2016 (LFR).

#### **Ny entana sy raharaha**

Oharina amin'ny LFR 2016, ny fandaniana ho an'ny entana sy ny raharaha dia hiakatra 47,7% ka hanjary 313,5 miliara Ariary raha 212,3 miliara Ariary teo aloha. Io fiakarana io dia noho ny fampiakarana ny fandaniana vokatry ny fampiharana ny foto-kevitra Fanjakàna manakaiky vahoaka, ny fiomanana amin'ny fifidianana, ny fiakaran'ny vidim-piaínana ary ny fametrahana ho laharam-pahamehana ireo Ministera misahana ny sehatra sahala amin'ny fiarovana sy ny fanjarian-tsakafo.

#### **Ny famindram-bola sy ny fanohanana ara-bola**

Raha ny famindram-bola sy ny fanohanana ara-bola indray dia tombanana amin'ny ankapobeny ho 959,7 miliara Ariary izany ny taona 2017 raha 1005,3 miliara Ariary izany ny taona 2016 (na fidinana 4,5%). Io fidinana io dia avy amin'ny fampiatoana ny vola omena ireo mpandraharahan'ny solika ary koa ny fampihenana ny fanampiana ara-bola ny orinasa JIRAMA mba hanamaivanana ireo vesatra mianjady amin'ny tetibola araka izay nangatahin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena. Ny famindram-bola nekena omena ny JIRAMA dia hanjary 250 miliara Ariary ny taona 2017 raha 290 miliara Ariary izany ny taona 2016.

Vokatry ny fanohizana ny fanadiovana ny lisitry ny mpisotro ronono, ny famatsiana ny Tahiry fisotroan-dronono ho an'ny miaramila sy ny sivily (CRCM) dia hihena ka hitentina 230 miliara Ariary raha toa ka 290 miliara Ariary tamin'ny taona 2016.

Voadidina 2 : Fafana mamitina ny Tetibola ankapobeny

	(miliara Ariary)	
	PLF 2017	% -n'ny fandaniana
<b>TETIBOLA ANKAPOBENY- IVELAN'NY ASA MARIKA FANITSIANA– IVELAN'NY ZANA-BOLAN'NY TROSA</b>	<b>1 977,2</b>	<b>30,1</b>
<b>Fandaniana ho an'ny karama</b>		
Karama	1 806,8	27,5
Tambin-karama	170,4	2,6
<b>Fandaniana fampandehanan-draharaha</b>	<b>1 273,2</b>	<b>19,4</b>
Entana sy raharaha	313,5	4,8
Famindram-bola	959,7	14,6
<b>Fandaniana ho an'ny hana-pamokarana</b>	<b>2 881,9</b>	<b>43,9</b>
Famatsiam-bola avy ato anatiny	686,4	10,5
Famatsiam-bola avy any ivelany	2 195,5	33,5
<b>FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBENY - IVELAN'NY ASA MARIKA FANITSIANA– IVELAN'NY ZANA-BOLAN'NY TROSA</b>	<b>6 560,0</b>	<b>100%</b>

#### 4. NY FANDANIANA HO AN'NY HANA-PAMOKARAM-PANJAKANA

##### NY FANDAHARAN'ASA FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA (FFBP)

Ho an'ny taona 2017, ny vola natokana ho an'ny FFBP ao anatin'ny tetibola ankapobeny dia hampisongadina ireo fanavaozana ara-toekarena izay ataon'ny Governemanta ao anatin'ny FEC, sy ny fanamafisana ny fanatanterahana ny PND amin'ny alalan'ny fampiharana ireo foto-kevitra mifandraika amin'ny Fanapariaham-pahefana sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Noho izany dia hiakatra 73,4% ny vola ho an'ny FFBP raha oharina ny tamin'ny taona 2016, ka hitentina 2881,9 miliara Ariary. Raha ny famatsiam-bolaavy any ivelany no raisina dia mitentina 1008,2 miliara Ariary ny fanohanana ara-bola ka ny mpamatsy ny ampahany betsaka amin'izany dia ny Vondrona Eropeana ao anatin'ny andiany faha-11-n'ny FED. 1187,3 miliara Ariary kosa no vola trosaina, ka ny Banky iraisam-pirenena sy ny BAD no mpamatsy lehibe indrindra ao anatin'izany. Ankoatr'izay, dia singanina manokana ihany koa ny fanamboarana ny seranatsambon'i Toamasina izay mitentina 51,3 miliara Ariary azo avy amin'ny fampindramam-bola hafa.

Betsaka ireo tetikasa hisongadina amin'ny taona 2017, toy ny fanarenana ireo fotodrafirasa momba ny fambolena (PRIASO) ho an'ny sehatra famokarana, sy ny tetikasa anohanana amin'ny fomba haingana ny fanabeazana hoan'ny daholobe (PAUET) ao anatin'ny sehatra sosialy. Mifandray amin'ny fiaraha-miasa maro lafy, ny Banky iraisam-pirenena dia hanampy tosika ny sehatra angovo amin'ny alalan'ny tetikasa PAGOSE izay hanomboka amin'ny taona 2017, ary ny tosika ho an'toekarena miaraka amin'ny tetikasa PIC 2. Ny fanamafisana ny filaminana anatiny dia tetikasa ho tanterahana ihany koa amin'io taona io.

	LFR 2016	PLF 2017	miliara Ariary fiovana %
<b>FFBP ivelany</b>	<b>1189,1</b>	<b>2195,4</b>	<b>84,6%</b>
Findramam-bola	553,1	1187,1	114,6%
Fanohanana ara-bola	636,0	1008,2	58,5%
<b>FFBP anatiny</b>	<b>492,0</b>	<b>686,4</b>	<b>45,7%</b>
<b>Fitambarany</b>	<b>1681,1</b>	<b>2881,9</b>	<b>71,4%</b>

Marihana fa ireo laharam-pahamehana voasoritra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakàna 2017 dia hifantoka amin'ireo zotra fahatelo « FITOMBOAN'NY HARIKARENA IARAHA-MISALAHY SY FAMPIORENAM-PAKA IFOTONY NY FAMPANDROSOANA » sy zotra fahaefatra « FOTOKARENA MAHA-OLONA MIFANDRAIKA AMIN'NY ZOTRAM-PANATANTERAHANA NY FAMPANDROSOANA » ao anatin'ny PND. Ireo zotra roa an'ny PND ireo no fototra hametrahana ny fivoaran'ny toekarena iaraha-misalahy sy lovain-jafy. Noho izany dia hahazo tohana manokana ireo fandaharan'asa mifanjohy amin'izy ireo, ka ahitana fiantrainkany any amin'ny sehatra sosialy sy any amin'ny fanabeazam-boho ny fotodrafitr'asam-pampandrosoana sy enti-mamokatra, miaraka amin'ny ampahany 82,0%-ny vola natokana ho an'ny FFBP, na 2363,4 miliara Ariary. Raha oharina amin'ny taona 2016 dia hiakatra 92,0% io ampahany io. Ny ambiny dia ahompana amin'ny fanatanterahana ireo zotra hafan'ny PND mba hahafahana miantoka ny Fanjakàna tsara tantana, ny tany tan-dalàna, ny fijoroan'ny Fanjakàna eo akaikin'ny vahoaka ary ny fandehanan'ny raharaha-panjakàna amin'ny ankapobeny.

Eo amin'ny lafiny famatsiam-bola, dia hifantoka amin'ny zotra fahatelon'ny PND ny 66,9%-n'ny tohana avy amin'ireo mpamatsy vola, ary 20,8% ny an'ny zotra fahaefatra, na 1468,9 miliara Ariary sy 457,4 miliara Ariary. Raha ny resaka loharanom-bola no jerena dia voamarin'ny fiakarana 84,6%-n'ny famatsiam-bola avy any ivelany ny fiverenan'ny fahatokisan'ny mpamatsy vola, sy ny famenoan'izany ny ampahany 76,2%-n'ny vola ilaina hamatsiana ny FFBP 2017. Raha ny momba ny loharanom-bola avy ato anatiny ho an'ny FFBP 2017 kosa dia hanohana ny fanatanterahana ny zotra faharoan'ny PND « FITANDROVANA NY FAHAMARINAN-TOENTRY NY HARIFAOBE ARY TOSIKA HO AMIN'NY FAMPANDROSONA » izany miaraka amin'ny fiakarana lehiben'ny loharanom-bola avy ato anatiny ho an'io zotra io noho ny fanavaozana atao eo ami'ny fitantanana ny toe-karena sy ny volampanjakàna.

#### FITSINJARAN'NY FFBP ISAKY NY PAIKADIN'NY PND

miliara Ariary

Zotra PND	PLF 2017			LFR 2016	Fiovana 2017/2016
	IVELANY	ANATINY	FITAMBARANY	FITAMBARANY	
<b>ZOTRA 1</b> : FITANTANANA, TANY TAN-DALÀNA, FILAMINANA, FITSINJARAM-PAHEFÀNA, DEMOKRASIA, FIRASANKINAM-PIRENENA	131,4	118,0	249,4	<b>301,4</b>	<b>-17,3%</b>
<b>ZOTRA 2</b> :FITANDROVANA NY FAHAMARINAN-TOENTRY NY HARIFAOBE ARY TOSIKA HO AMIN'NY FAMPANDROSONA	40,0	111,2	151,2	<b>30,4</b>	<b>397,4%</b>
<b>ZOTRA 3</b> : FITOMBOAN'NY HARIKARENA IARAHA-MISALAHY SY FAMPIORENAM-PAKA IFOTONY NY FAMPANDROSOANA	1 468,9	268,1	1 737,0	<b>725,0</b>	<b>139,6%</b>
<b>ZOTRA 4</b> :FOTOKARENA MAHA-OLONA MIFANDRAIKA AMIN'NY ZOTRAM-PANATANTERAHANA NY FAMPANDROSOANA	457,4	169,0	626,5	<b>505,7</b>	<b>23,9%</b>
<b>ZOTRA 5</b> : FANOMEZAN-DANJA NY FOTOKARENA VOAJANAHARY SY FANAMAFISANA NY FAHAFABA-MIATRIKA IREO TANDINDONIN-DOZA VOAJANAHARY	97,8	20,2	117,9	<b>119,6</b>	<b>-1,4%</b>
<b>FITAMBARANY</b>	<b>2 195,5</b>	<b>686,4</b>	<b>2 881,9</b>	<b>1 682,3</b>	<b>71,3%</b>

#### FITSINJARAN'NY FFBP ISAN-TSEHATRA AMIN'NY 2017

Rehefa manasongadina ny fitsinjaran'ny FFBP isan-tsehatra dia tokony ho voamarika ny fahalebiazan'ireo sehatra laharam-pahamehana voalaza ery ambony. Satria, ny sehatra fotodrafitr'asa dia hahazo ny 46,7%-n'ny FFBP 2017 ary ny ambin'ny tetibola dia hozarain'ny sehatra famokarana, sosialy ary ny fitantanand-draharaha, izay voalazan'ity tabilao manaraka ity:

	PLF 2017		
	IVELANY	ANATINY	FITAMBARANY
<b>FOTODRAFITR'ASA</b>	<b>39,4%</b>	<b>7,3%</b>	<b>46,7%</b>
SOSIALY	14,4%	5,2%	<b>19,6%</b>
FAMOKARANA	16,9%	3,2%	<b>20,1%</b>
FITANTANAN-DRAHARAH	5,5%	8,1%	<b>13,6%</b>
<b>FITAMBARANY</b>	<b>76,2%</b>	<b>23,8%</b>	<b>100,0%</b>

### Ny Sehatra « Fotodrafitr'Asa »

Ireo fandaharan'asa dia manamafy hatrany ny fanatsarana ny fahafahan'ny mponina mampiasa ny sampan-draharaha sy ny fotodrafitr'asa, antoky ny fampandrosoana.

Koa amin'izany, ny asa vaventy dia hahitana ny asa fanorenana sy fanamboarana lalàna (RN5, RN9, RN13, RN6, RNT12A, RN5A, RN44, RN32, RN33), tetezana (Fiherenana, Manakarabe, ...), izay mikendry noho izany ny hampifandray 65%-n'ireo faritra ara-toekarena izay manana fahafaha-mamokatra betsaka amin'ny tambazotram-pitaterana. Ny fanomezana fahafahana mivezivezy dia anisan'ireo tanjon'io sehatra io, noho izany dia 60%-n'ny kaomina no ho azo aleha amin'ny alalan'ny lalana an-tanety mandritra ny taona. Ny lafiny tontolo iainana ihany koa dia ampidirina amin'ny tetikasan'ny sehatra fotodrafitr'asa indrindra ireo tetik'asa momba ny lalana.

Ankoatr'izay, ireto lahasa manaraka ireto no atao:

- Eo amin'ny lafiny fananan-tany sy ny fanajariana ny tany: ireo fotodrafitr'asa lehibe ara-tsosialy sy toekarena dia arenina sy amboarina;
- Fanamboarana toerana fiantsonan'ny fiara mpitatitra olona, fanarenana ireo tetezana 4, fanarenana ny lalam-by 70 km any amin'ny tambazotra Avaratra sy atsimo,
- Fampanaraham-penitra ireo seranam-piaramanidina madinika Maroantsetra, Mananara, Antalaha, Maintirano sy Ampanihy mikendry mpandeha 1,200,000 ary entana milanja 20,000 taonina amin'ny alalan'ny fiaramanidina;
- Fampitomboana ny isan'ny trano mahazo herin'aratra, 68% an-drenivohitra ary 50% eny ambanivohitra, amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny angovo azo avaozina: herin'aratra azo avy amin'ny toha-drano, ny rivatra, ny herin'ny masoandro, ny angovo azo avy amin'ny zava-maniry sy ny biby fiompy, Ireo toeram-pamokarana herin'aratra avy amin'ny toha-drano dia havaozina na arenina, toy ny any Ranomafana, Andekaleka, Antatofobe, Ireo angovo azo havaozina sy ireo angovo natao ho solon'ny herin'aratra dia hampiroboroboana ihany koa ao anatin'ny FED andiany faha -11.

### Ny Sehatra « Sosialy »

Ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna 2017, ny sehatra sosialy dia omena ny 19,6%-n'ny FFBP, Ny fandaharan'asan'ny PND: "Fahasalamana manaraka kalitao sy sitrahin'ny rehetra" dia hahazo anjara toerana lehibe ao anatin'ny Lalàna mifehy ny tetibola, Noho izany, ezaka bebe kokoa no atao ho an'ireo tetik'asa mifandraika amin'ny fanamafisana ny fandaharan'asa mivelatra fanaovana vakisiny, ho an'ny fampihenana ny tahan'ny fahafatesan'ny zaza latsaky ny 5 taona sy ny fahafatesan'ny zaza eo am-pahaterahana, ny fampihenana ny fiparitahan'ny areti-mifindra sy aretina tsy mifindra ary ny fanaraha-maso ireo areti-mandringana,

Eo amin'ny sehatra fanabeazana fototra, ankoatry ny fanamafisana ny fanomezana sakafio ireo mpianatra any amin'ireo faritra izay tena marefo dia hifantoka amin'ny fametrahana ivotoerana momba ny serasera sy fifandraisana "COM CENTER" any amin'ireo faritra 22 ny sampan-draharaha miandraikitra ny fanabeazana fototra. Ao anatin'ny vinavina ara-tetibola 2017, ny vola atokana hividianana ireo "kits scolaires" dia hitentina 7,6 miliara Ariary. Ny Ministera dia mihevitra ny hanamboatra efitra fampianarana vaovao 400 isa ho an'ny Fanabeazana Fototra (EPP), efitra 70 ho an'ny Ambaratonga Faharoa Fototra (CEG), ary efitrano 60 ho an'ireo "Ambaratonga faharoa" (Lycée) any amin'ireo faritra marefo, ary hanome azy ireo dabilio.

Ho an'ny fampianarana ambony kosa dia hitodika any amin'ny fanatsaràna ny tontolom-pampianarana any amin'ireo Universite sy IST (famoronana, fanarenana, fampitaovana ireo laboratoara, fanarenana ireo efitrano fampianarana 20 any amin'ny Universiten'i Toamasina, ...). Ny fototra sy ny fahombiazan'ny rafitra LMD koa dia hohamafisina. Etsy andanin'izany, ireo sekoly ambony mampiofana ho doktora dia ho tohanana.

Ho an'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa dia atao laharapahamehana ny fanatanterahana ny Politikam-pirenena momba ny asa sy ny fanofanana arak'asa (PNEF) amin'ny taona 2017. Ny zotra arahina amin'izany dia ny fiaraha-miasa mahomby eo amin'ny Fanjakàna sy ireo mpiara-miombon' antoka ara-tsosialy aminy ho an'ny fitantanana iaraha-misalahy.

#### Ny Sehatra « Famokarana »

Ny Sehatra famokarana dia ahitana ny lafiny fambolena sy fiompiana, tontolo iainana, fizahan-tany, industria sy ny fitrandrahana. Ity farany dia mitana ny 20,1%-n'ny ny fitambaran'ny vola atokana ho an'ny FFBP.

Ao amin'ny lafiny fambolena, ny tetikasa manana anjara toerana lehibe dia hisahana :

- Ny fanarenana foto-draftrasa ny fambolena, ka anisan'izany ireo ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana;
- Ny fanitarana sy ny fanavaozana ny fambolena mitodika eo amin'ny tsena iraisam- pirenena any amin'ireo toeram-pamokaram-bary (Alaotra Mangoro, Itasy, SAVA) ary ny any amin'ny faritra simban'ny andiam-balala;
- Ny fanohanana ny fampiroboroboana ny fambolena mba hiadiana amin'ny fahantrana ao amin'ny faritra Atsinanana, Analajirofo, Analamanga, Vakinakaratra ary Anosy ;
- Ny fikojakojana ny fampidiran-drano, ny fitantanana ny loharano mamelona renirano (anisan'izany ny ao atsimo andrefan'ny farihin'Alaotra) ;
- Ny fanomezana tosika ho an'ireo tanora mpandrahahaha eny ambanivohitra (anisan'izany ireo any amin'ny faritra afovoany andrefan'i Madagasikara) ;
- Ny fifehezana ny rano, ny ady amin'ny fikaohan'ny riaky ny nofon-tany rano ny tany sy ny fanamafisana orina ny ady amin'ny valala.

Eo anivon'ny fiompiana, hifantohana betsaka ny fampanaraham-penitra ny fitsaboana biby fiompy, ny tohana ho fampiroboroboana ny seha-pihariana fiompiana ondry sy osy ary ny fampiroboroboana ny fiompiana omby, ny fitandrovana ireo sakafy avy amin'ny biby fiompy mba ho ara-pahasalamana, ny fananganana fotodraftr'asa toy ny toera-pamonoana omby, ...

Mombany harena an-dranomasina, ny Governemanta dia mikendry ny hampiroborobo ny sehatry ny jono ary hanatsara ny faripiainan'ireo mpanjono indrindra ny ao amin'ny faritra Analamanga, Vatovavy-Fitovinany, Atsimo-Atsinanana, Analanjirofo, Menabe, Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Boeny ary Atsinanana. Ankoatra ny fanamafisana orina ny famokarana, ny fiantohana ny maha ara-pahasalam'an'ny ny vokatry ny harena an-dranomasina mifanaraka amin'ny filan'ny tsena iraisam-pirenena ary ny fiarovana ny mpanjifa iraisam-pirenena ny vokatra malagasy ihany koa dia ho laharampahamehan'ny Governemanta. Noho izany, ny sampan-drahahaha ara-pahasalamana momba ny harena an-dranomasina dia hotohanana mba hitazomana an'ny Madagasikara ho anisan'ny firenena afaka manondrana.

Ny tetikasa dia misahana ny vondron'ny mpanjono sy ny mpandraharaeo anivon'ny faritra Analamanga, Diana, Boeny, Atsinanana, Analanjirofo, Menabe, Atsimo Andrefana ary Anosy.

Etsy andanin'izany, eo amin'ny lafiny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny, tany, antitranterina ny fangarahaerana sy ny fanajana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fiarovana ny vokatra nogiazan'ny Fanjakana, ny fampiezahana ho matihanina ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany madinika eo anivon'ny faritra Analamanga Vakinankaratra, Diana, Amoron'i Mania Atsinanana, Vatovavy-Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe, Atsimo Andrefana, Betsiboka

Eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana, ireo lahasa dia hiompana amin'ny fiambenana ireo faritra arovana, ny ady amin'ny doro-tanety ary ny fambolen-kazo. Ny sehatra fizahan-tany, izay mitana toerana lehibe eo amin'ny fanatsarana ny fidiran'ny vola vahiny, dia hivoatra amin'ny alalan'ny ny fanatsarana ny fotodrafirasa mahakasika ny fizahan-tany, ny fampirantiana sy ny tsenabe ary amin'ny alalan'ny fidirana ao anatin'ny vondrom-paritra « nosy vanilles », eo ihany koa ny fampivoarana ny fizahan-tany eto Madagasikara,

#### Ny Sehatra « fitantanana-draharaha »

Ny sehatra fitantanana-draharaha dia hahazo ny 13,6%-n'ny FFBP, Ny sehatry ny fiarovana dia hahitana ny fanaraha-maso ny morontsiraka sy ny tontolo an-dranomasina, ny fanarenana ny fotodrafirasan'ny foloalindahy Malagasy, ny fanamasana ny fiarovana eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary ny fampitaovana ara-teknika. Eo amin'ny lafiny Fitsaràna, hametraka ho laharam-pahamehana ny asa fanatsarana ny tontolon'ny voafonja sy ny fiarovana ny fonja, ny fanamasana ny fampiroboroboana ny fitsarana manakaiky vahoaka noho ny fisokafan'ireo Japan'ny fitsaràna sy fonja vaovao, noho ny fampaharetana sy fanamaroana isa ireo toera-pitsaboana any amin'ireo fonja sy ireo kioska fandraisana sy fanomezam-baovao, ny fanamasana ny fahatokisana ny fitsarana: fampiharana ny paikadim-pirenena hamongorana ny kolikoly, fanamasana ny fampiroboroboana ny fahatokisana ny tontolon'ny fitsarana ary noho izany ireo fanaraha-maso sy fanadihadiana ao anatin'ny fitsarana, ...

Momba ny tontolon'ny fiarovana, mana-danja lehibe izany na izany ho an'ny fiarovana ny ranomasina, na ho an'ny renivohitra na ho an'ny eny ambanivohitra satria ny olona rehetra dia maman-jo ny ho arovana.

Ao anatin'ny fitantanana ny toekarena, hanohy ireo ezaka nataony ny Governemanta mba hanorenana tontolo manome aina ny fanarenana ny toekarena, sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina. Ny fanisam-bahoaka ankabopeny sy ny toeram-ponenana dia endirka iray ampisehoana izany ezaka ataon'ny Governemanta izany mba ahazahoana manavao ireo tondro sy antontan'isa isan-karazany izay ilaina amin'ny fandrafetana fandaharan'asam-pampandrosoana ary ihany koa ampiasaina amin'ny fandraisana fanapahakevitra.

Ireo fandaharan'asa rehetra mifanaraka amin'izany dia mirona mankany amin'ny fanatanterahana ireo tanjon'ny PND toy ny fanajana ny tany tan-dalàna sy ny filaminam-bahoaka.

## **c. NY TROSAM-PANJAKANA**

### ***TROSA IVELANY***

Misy fiakarana 14,6% ny trosam-panjakana ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2017 raha ampitahaina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2016. Izany dia noho ireo zanabola ateraky ny findramam-bola vaovao vinavinaina ho atao amin'ity taona 2017 ity sy ny famerenam-bola tamin'ny Irak izay tokony natao tamin'ny taona 2015 ary nahemotra amin'ity taona 2017 ity.

Noho ireo antony ireo dia, mitentina 345,6 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina voarakitra ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2017 ka 243,1 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 102,5 miliara Ariary kosa ny zanabola.

### ***TROSA ANATINY***

Ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2017 dia tombanana ho 209,0 miliara Ariary. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tombanana ho 9%.

## **d. NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAMPANJAKANA**

Ny vola miditra sy ny vola mivoaka amin'ny kaontin'ny varotra dia hifandanja eo amin'ny 568,0 miliara Ariary ka ny 497,1 miliara Ariary dia mikasika ny tahirim-bola fisotroan-dronono. Ankoatr'izay, ny fandraisan'anjara ataon'ny Fanjakana Malagasy amin'ny orin'asam-panjakana sy amin'ny sampandrahahaha iraisam-pirenena dia mitontaly 197,4 miliara Ariary.

## **e. NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 1,4 miliara Ariary.

## **NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA**

Ny fanetsemana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia ho tanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 3 044,3 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 2 442,3 miliara ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 602,0 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritrany taona 2017.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia afaka manao avansy amin'ny Banky Foibe arakany fetra voalaza ao amin'ny fitsipiky ny Banky Foibe an'i Madagasikara.

Toy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**NY MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA**

**RAKOTOARIMANANA François M.M. Gervais**

**VOLAVOLAN-DALANA FAHA 037/2016**  
**TAMIN'NY 26 OKTOBRA 2016**  
**NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-**  
**PANJAKANA HO AMIN'NY TAONA 2017**



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

❖❖❖

### VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 037/2016

TAMIN'NY 26 OKTOBRA 2016

NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA

AMIN'NY TAONA 2017

❖❖❖

Ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona no nandany tamin'ny fotoam-pivoriany avy ny faha-JJ MMMM 2016 sy ny faha JJ MMMM 2016,

#### NY FILOHAN' NY REPOBLIKA,

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny Fanapahana laharana faha-XX-HCC/D tamin'ny JJ MM 2016 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

#### DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NYVOLAVOLAN-DALÀNA IZAY TOY IZAO MANARAKA IZAO NY ANDININDININY:

#### I – FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

#### ANDININY VOALOHANY

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2017, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

#### ANDININY FAHA-2

##### Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao:

**BOKY I**  
**HETRAM-PANJAKANA**  
**FIZARANA I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY**  
**LOHATENY I**  
**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**  
**ZANADOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**  
**TOKO II**  
**SEHATRA AMPIHARANA AZY**  
**SOKAJY IV**  
**OLONA TRATRY NY HETRA**

• **Andininy 01.01.05.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny III amin'ity andininy ity:

*“III- **Iharan’ny hetra amin’ny vola miditra ny olona rehetra izay tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra araka ny fepetry ny andininy 20.05.01 sy 20.05.02 ka manao fanafarana na fanondranana entana.”***

**TOKO IV**

**FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

• **Andininy 01.01.10.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'ny 1° amin'ity andininy ity:

*“1°**Ny fandaliana rehetra ankapobe na teto an-toerana na tany ivelany, ny karaman’ny mpiasa sy ny fandaliana hafa mahazatra ary koa ireo fividianana entana sy saikin’asa mahakasika ireo raharaha voalazan’ny andininy 01.01.05-II sy 01.02.02-II izay nanaovana fitazonana ifotony sy fandrotsahana hetra alaina amin’ny vola miditra na hetra tambatra. Na izany aza, ny fandoavan’ny orinasa ny hetra amin’ny vola miditra an’ny olon-tsotra izay zakain’ny mpiasa iray na maro dia tsy azony esorina amin’ny tombombarotra, kanefa dia tsy voakasik’izany ny fakana ny hetra mikasika io tombotsoa manokana io amin’izay olona nahazo azy. Ny karama mifantana amin’ny asa natao sady tsy tafahoatra noho ny tokony ho izy raha jerena araka ny raharaha vita dia azo esorina amin’ny tombony hakana hetra.”***

Ampidirana andalana fahatelo izay mirija toy izao aorian'ny andalana faharoa amin'ny 4° amin'ity andininy ity:

*“Ankoatra izany, ny ampaham-bola narotsaka mialoha amin’ny kaonty azo kirakiraina voarakitra amin’ny kaonty ara-dalàna ao anatin’ny telo volana izay natokana hamatsiana ny fandaliana mahazatra ny orinasa dia azo akambana amin’ny fifanarahana iray.”*

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faharoa amin'ny 11° amin'ity andininy ity:

**"Na izany aza, ho an'ny olona iharan'ny famerana tena izy notsorina, dia tsy azo esorina:**

- **Amin'ny vola miditra manontolo, ny fatiantoka mifandraika amin'ny asa amin'ny tsenandraharam-panjakana voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka;**
- **Amin'ny ny vola miditra amin'ny fananan-tany, ny fatiantoka amin'ny asa ara-barotra, ara-indostria na asa tànana, ara-pambolena, momba ny ala, amin'ny sehatry ny fizahan-tany sy fandraisam-bahiny, momba ny harena an-kibon'ny tany na ny fitaterana."**

Foronina ny 15° izay mirija toy izao :

**"15° Ho an'ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, ireto fandaniana manaraka ireto dia azo esorina :**

- **Fandaniana miendrika fanomezana ary mifandraika amin'ny andraikitra ara-tsosialin'ny orinasa ka voafaritra ao anatin'ny bokin'andraikitra voasonia miaraka amin'ny antokondrahara ara-panjakana izay tsy maintsy atao. Ileo fangatahana vaovao ataon'ny vondrom-bahoaka-paritra itsinjaram-pahefana ka manova io andraikitra ara-tsosialy io dia tsy maintsy ankatoavin'ny sampandrahara teknikan'ny Minisitera mpiahy misitraka ilay fotodrafitsara na ny sampadrahara sy ny Foibem-pitondrana rejonalin'ny harena ankibon'ny tany mahefa ara-paritra**
- **Fandaniana natao ho fampananan'antoka ny toerana anaovana fitrandrahana ary ny asa tana-maro ihany koa (HIMO), fa tsy maintsy arahan'ny taratasim-panamarinana izany sady tsy tafahoatra noho ny tokony ho izy raha jerena araka ny raharaha vita. Ny vola mifanaraka amin'izany izay narotsaka dia tsy maintsy anaovana, raha misy, fitanana mialoha ary fandrotsahana ny hetra tambatra mitsitapitapy."**

## TOKO VI FOMBA AMERANA NY HETRA

- **Andininy 01.01.13.**

Ampidirana andalana fahefatra izay mirija toy izao aorian'ny andalana fahatelo amin'ny II amin'ity andininy ity:

**"Ho famaritana ny fomba amerana ny hetra dia raisina avokoa ny fitambaran'ny vola miditra amin'ny fampanofana sy ny vola miditra tamin'ny asa aman-draharaha."**

## TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

- **Andininy 01.01.14.**

Ampidirana andalana fahefatra izay mirija toy izao aorian'ny andalana fahatelo ny I amin'ity andininy:

**"Ho an'ireo antokon-draharaha sy fikambanana tsy mitady tombom-barotra tsy mahafeno ireo fepetra voalazan'ny 5° sy 6° ny andininy 01.01.03, ka tompon'ny tany**

*misy fanorenana na tsia, dia ferana ho 10 isan-jato ny taha mikasika ny vola miditra azo avy amin'ny fampafana izany.”*

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 12 ny I amin'ity andininy ity:

*“Ny orinasa izay mampiasa vola amin'ny famokarana sy famatsiana angovo azo havaozina, sy ireo orinasa ao anatin'ny sehatr'asa fambolena, fizahan-tany, indostria, tao-trano sy ny asa vaventy, dia afaka mahazo fampihenanketra mitovy amin'ny hetra mifanaraka amin'ny 50 isan-jaton'ny fampiasam-bola nataony.”*

Ovàna toy izao manaraka ny rijantenin'ny paragirafy fahefatra ny II amin'ity andininy ity:

*« Ho an'ireo olona tsy manana laharam-pamantarana voalazan'ny andininy 01.01.05 – III, 5 isan-jato ny tahan'ny hetra ampiharina ka ny fototra sy fomba fandraisana ny hetra dia voafaritra toy izao manaraka izao:*

*Kajana sy raisin'ny sampandrahaharan'ny fadintseranana ny hetra:*

*- mialoha ny fakana ny entana nafarana, ny fototra amerana ny hetra dia ny sanda CAF (coût-assurance-frêt) na raha tsy misy dia faritana araka ny vidin'ny entana mitovy aminy eny an-tsena;*

*- mialoha ny fampiakarana ho an'ny entana aondrana, ny fototra amerana ny hetra dia mitovy amin'ny sandan'ny entana eo am-pamoahana azy, tataovana, raha toa ka misy, ny saram-pitaterana hatre amin'ny sisin-tany ka tsy tafiditra ny sara efaina eo am-pamoahana ny entana, ny haba anatiny sy ny fandaliana mitovitovy amin'izany izay nanomezana fanamaivanana ho an'ny mpanondrana entana. Raha tsy misy ny sandan'ny entana eo am-pamoahana azy, io fototra hamerana ny hetra io dia faritana araka ny vidin'ny entana mitovy aminy eny an-tsena.”*

## TOKO X

### ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

- **Andininy 01.01.19.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

*“Ny filazana toe-bola voalaza etsy ambony ary koa ny fampahalalana farafahakeliny ampiarahana amin'izany filazana izany dia atambatra ao anatin'ny antontan-taratasin-ketra.*

*Ny filazana toe-bola dia atao mifanaraka amin'ny fepetry ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe 2005 (PCG 2005) ary ny fampahalalana farafahakeliny dia manaraka ny lasitra napetraky ny Fandrahaharana momba ny hetra.*

*Ireo lasitra ireo sy ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia voafaritry ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika.”*

- **Andininy 01.01.21.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*"Ny fikambanana sy ny olon-tsotra ampiharana ny famerana ny hetra araka ny zava-bitu notsorina voalazan'ny andininy 01.01.13- II dia, raha toa ka nisafidy ny famerana araka ny tena zava-bitu voafaritry ny andininy 01.01.13- I, tsy maintsy mitana kaonty araka ny rafitra kely indrindra ahafantarana ny vola kirakirainy na fitanan-kaontin'ny rakibola manebo:*

- *ny toe-bola amin'ny faran'ny taom-piasana;*
- *ny kaontin' ny vokatra;*
- *ny tabilaon'ny fiovaovan'ny vola afa-karatsaka nandritry ny taom-piasana;*

*Ny filazana toe-bola dia atao mifanaraka amin'ny fepetry ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe 2005.*

*Ny fampahalalana farafahakeliny manaraka ireto dia tsy maintsy ampiharahina amin'ireo filazana etsy ambony:*

- *ny tabilaon'ny fikajiana ny vokatra ara-ketra,*
- *ny tabilaon'ny filazana ny fandaniana tamin'ny fandraharahana,*
- *ny tabilaon'ny fanavotam-bidy izay tena misongadina.*

*Tsy maintsy ampiarahin' ireo olona iharan'ny satan'ny TVA manokana amin'ireo tovana voalaza etsy ambony ireto tabilao manaraka ireto:*

- *ny tabilao amin'ny antsipirihany sy manavaka ireo vokatra mifandray amin'ny tsenandrahara amin'ny Fanjakana voafaritry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo hafa ankoatra ny tsenan-drahara amin'ny Fanjakana tamin'io vanim-potoana io,*
- *ny tabilao amin'ny antsipirihany sy manavaka ireo fandaniana manokana sy itambarana mifandray amin'ny tsenan-drahara amin'ny Fanjakana voafaritry ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ary ireo hafa ankoatra ny tsenan-drahara amin'ny Fanjakana tamin'io vanim-potoana io,*

*Ireo tabilao voalaza etsy ambony ireo dia atao araka ny lasitra napetraky ny Fandraharahana momba ny hetra.*

*Ireo lasitra ireo sy ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia voafaritry ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika.*

*Ho fampiharana ny lalàna ara-ketra, izy ireo dia afahana amin'ny fanomezana antontan-taratasy ara-kaonty voalazan'ny andininy 01.01.19 sy 01.01.20 nefo kosa tsy maintsy mitana rejisitry ny vola mivoaka amin'ny fividianana sy ny vola miditra. Io rejisitra io dia voamarika sy vita rangopohin'ny mpisafo na ny mpanaramason'ny hetra mahefa ara-paritra alohan'ny ampiasana azy.*

*Ny filazàna vita sonia dia alefa any amin'ny mpisafo na ny mpanaramason'ny hetra ao amin'ny toerana hamerana ny hetra izay manome tapakila nandraisana.*

*Ireo orinasa mpaninjara iharan'ny fameran-ketra tena izy na notsorina, izay tsy manana fahafahana hanome fakitora misy ireo toromarika takiana isaky ny mahalafo entana, dia mahazo alàlana hametraka isam-bolana ny antontan-taratasy fanamarinana izay ahitana ny fehin'ny varotra natao nandritra ny vanim-potoana iray.*

*Ny orinasa izay mampidi-bola amin'ny fananan-tany sy ny asa maha matihanina azy dia tsy maintsy, isaky ny faran'ny taom-piasana, mamoaka filazàna sy fanambarana miavaka ho an'ireo fidiram-bola roa ireo. Ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

*Ny fikambanana sy ny olon-tsotra iharan'ny iray amin'ireo sata ara-ketra alaina amin'ny vola miditra ireo izay mividy entana amin'ny olon-tsotra sy ny orinasa*

*voalazan'ny andininy 01.02.02, dia mahazo alalana hamoaka antontan-taratasy mahasolo fakitora amin'ny anaran'ny mpamatsy entana, raha toa ka ireo entana ireo dia hamidy amin'ny endriny tsy misy fanovana, ary ireo antontan-taratasy dia ahitana ny anarana, ny adiresy mazava sy ny laharam-pamatarana ara-ketra ara-tamba-jotran'ny mpamatsy entana, ny sokajin'ny entana, ny vidin'ny iray sy ny totalim-bidiny ary ireo zavatra voalaza etsy ambony ireo dia voamarin'ilay mpamatsy entana eo amin'ilay antontan-taratasy ihany."*

**LOHATENY II**

**HETRA TAMBATRA**

**TOKO II**

**SEHATRA AMPIHARANA AZY**

**SOKAJY I**

**OLONA VOAN'NY HETRA**

• **Andininy 01.02.02.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*“ I- Voakasiky ny hetra tambatra, ireo olon-tsotra na fikambanana sy ireo orinasan'olon-tokana izay manao asa tsy miankina raha ny vola matiny isan-taona, vola miditra ankapobeny na ny vola azony tsy misy hetra, dia fara-fahakeliny na mira Ariary 20.000.000 :*

- *ny mpamboly, mpiompy ary mpanjono;*
- *ny mpamokatra;*
- *ny mpanao asa-tanana;*
- *ny mpivaratra;*
- *ny mpisahan-drahahara isan-karazany;*
- *ireo mpanao asa-tena;*
- *ny mpanakanto sy ny toa azy;*
- *ny mpanao hani-masaka manana trano fivarotana na tsia;*
- *ny mpanao fitaterana an-tanety, an-dalamby, an-dranomasina, an-dranomamy izay manana fitaovam-pitaterana misy maotera na tsia.*

*II- Iharan'ny hetra tambatra ihany koa ireo olona tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra araka ny fepetry ny andininy 20.05.01 sy 20.05.02 ka manao ny varotra rehetra entana sy/na saikin'asa amin'ny olon-tsotra na fikambanana manana laharam-pamantarana ara-ketra.*

*Ny sampandrahaharan'ny hetra dia manam-pahefana hametraka avy hatrany ny mpandoa hetra ho amin'ny fomba fameran-ketra ho an'ny daholo be, raha araka ny singa voaray dia tsy mahafeno ny fepetra voalaza etsy ambony ny mpandoa hetra.”*

**TOKO III**

**FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**SOKAJY I**

**FOTOTRA HAKANA HETRA**

- **Andininy 01.02.04.**

Ampidirana andalana fahatelo izay mirija toy izao aorian'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity:

*“ Ho an'ireo olona voalazan’ny andininy 01.02.02 II, ny hetra dia kajiana ary tazonin’ ny olon-tsotra na fikambanana manana laharam-pamatarana ara-ketra izay miantoka ny fandrotsahana izany eo anivon’ny mpandray volan’ny ivo-ketra mpitantana ny antonta-taratasin-ketrany alohan’ny faha 15 ny volana manaraka ilay nanaovana ny fitazonana; ny fototra hakana ny hetra dia ny vidin’ny entana sy/na saikin’asa. Ny filazana dia atao araka ny lasitra sy tovana faritan’ny Fandraharahana momba ny hetra.”*

## SOKAJY II

### TAHAN’NY HETRA

- **Andininy 01.02.05.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

*“ Ny tahan’ny hetra dia ferana ho 5 isan-jaton’ny fototra hakana hetra. Na inona na inona ny tranga misy, ny hetra dia tsy tokony ho latsaky ny fetra voalaza manaraka eto:*

**1° Ar 16 000 ho an’ny:**

- **Ny mpamboly**
- **Ny mpiompy**
- **Ny mpanjono**
- **Ny mpitrandraka harena an-kibon’ny tany madinika**
- **Ny mpanao fitaterana manana fitaovam-pitaterana tsy misy maotera ( sarety, posiposy, lakana etsetra...)**

**2° Ar 50 000 ho an’ny:**

- **Ny mpanao asa-tanana**
- **Ny mpanao hani-masaka**
- **Ny mpamokatra madinika**

**3° Ar 100 000 ho an’ny:**

- **Ny mpitrandraka harena an-kibon’ny tany salantsalany**
- **Ny mpanakanto sy ny toa azy**
- **Ny mpivarotra**
- **Ny mpitantana trano fandraisam-bahiny**
- **Ny mpisahan-drahahaha**
- **Ny mpitantana trano fisakafoanana**

**4° Ar 150 000 ho an’ny:**

- **Ny mpandrahahaha mahaleo tena sy hafa**
- **Ny mpanao asa maromaro**
- **Hafa**

*Na izany aza, ho an'ireo mpitatitra, ny hetra fandoa farafahakeliny dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

*Manan-kery isan-taona io hetra io.”*

TOKO IV

FAMORIAN-KETRA

• Andininy 01.02.06.

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana faha 2 amin'ity andininy ity:

*“ Na izany aza dia azo ahemotra io daty io araka ny fanapahan’ny Talem-parity ny hetra mahefa raha tsapany fa ilaina izany.*

*Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy manao filazàna ny vola maty, ny vola miditra tsy afakaratsaka na ny fidiram-bola, ary mandoa ny hetra mifandraika amin’izany alohan’ny daty voalazan’ny andalana voalohany, raha tsy hoe nisy famelàna handingana fepetra voalazan’ny andalana etsy ambony.”*

Foanana ny andalana faha 3 amin'ity andininy ity.

LOHATENY III

HETRA AMIN’NY KARAMA SY NY TOA AZY

TOKO VI

FAMERANA NY HETRA

• Andininy 01.02.06.

Ovàna toy izao ny rian-tenin’ny B. Sata manokana amin'ity andininy ity:

*“ B- Sata manokana*

*Ho famelana handingana ireo fepetra etsy ambony ho an'ireo karama manana toeatra manokana na amin’ny taha ara-tsinga ka ny lisitr’izany dia faritan’ny didimpitondrana raisin’ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra ary ny tahan’ny hetra dia ferana toy izao:*

- *2 isan-jato ho an'ireo karama ka ny taha ara-tsinga dia latsaka na mira Ar 700;*
- *4 isan-jato ho an'ireo karama ka ny taha ara-tsinga dia mihoatra ny Ar 700 ary latsaka na mira Ar 2000:*
- *10 isan-jato an'ireo karama ka ny taha ara-tsinga dia mihoatra ny Ar 2000.”*

FIZARANA II

SARAM-PANORATANA SY FAMINDRAM-TOMPO

TOKO II

SANDA SY FIKAONTIANA NY HETRA

SOKAJY II

SARANY RAIKITRA

- **Andininy 02.02.03.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rian-tenin'ity andininy ity :

**"Soratana araka ny sara raikitra Ar 2000:**

- 1- **Ny didim-pitsarana sy didy maika, didy ampiharina tsy misy hatak'andro;**
- 2- **Ny fitanana an-tsortra momba ny fampihavanana nataon'ny mpitsara sy filohan'ny fitsarana, ny diddim-pitsarana mila tanterahina avy hatrany sy ny fifanarahana natao nandritra na taorian'ny fomba arahina momba izany;**
- 3- **Ny didy avoakan'ny mpitandro filaminana;**
- 4- **Ny fifanekena fehivava;**
- 5- **Ny fifanekena fampisamboram-bola ho an'ireo orinasa mpikirakiara vola;**
- 6- **Amin'ny ankapobeny, ireo sora-panekena sy fifanarahana ka tsy voalaza ao amin'ity fehezan-dalàna ity ny sandany, na tsy maintsy soratana ao anatin'ny fotoana voafetra izany na nataony an-tsitrano.**

*Na izany aza, ho an'ireo fitanisana ny fanaka sy ny entana mifandraika aminy, ny sora-pizakana sy taratasy dia andoavana sarany isaky ny fisahanan-drahahaha. Na eo aza izany, ny fitanisam-pananana natao taorian'ny faha-bankirompitra dia ny sara raikitra ihany no ampiharina na firy na firy ny isan'ny fisahanan-drahahaha."*

#### SOKAJY IV

#### FAMINDRAM-TOMPO TSY MISY SETRINY

#### SORA-PANEKENA NA FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA

Varotra sy fanekeena hafa misy setriny  
mamindra tanana fahazakana na fizakam-bokatry ny tany aman-trano

- **Andininy 02.02.39.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny 1° amin'ity andininy ity:

*" 1° Iharan'ny haba 5 isan-jato ny lavanty, ny fivarotana, ny famarotana, ny famoizana, ny famerenana fanavotana atao aorian'ny fotoana nifanarahana amin'ny fanekekem-barotra azo avotana, sy ny soratra hafa rehetra misy setriny ifanaovan'ny isam-batan'olona na aton'ny mpitsara amindrana tanana arahin-tsetriny ny fizakana fananana na ny fizakam-bokatry ny fanana-mitoetra.*

*Ny haba dia kaontiana amin'ny vidiny voalaza, miampy ny loloha amin'ny renivola ary koa ny honitra rehetra ho an'ny mpivarotra na inona fomba na anton'izany.*

*Raha toa ka ny fanana-mitoetra araka ny toetrany sy fanana-mitoetra noho ny fampiasana azy no indray afindra tanana dia tsy maintsy omena vidiny manokana ity farany ary hanaovana fanondroana amin'ny antsipirihany.*

*Na dia eo aza ny fepetra voalaza etsy ambony, ny haba mifantenana amin'ny famindran-tanana voatondro eo ambony dia ampiharina ihany koa amin'ny fahazoana*

*fanana-mitoetra amin'ny alalan'ny fahafatesam-paik'andro mitera-jo voalazan'ny andininy 82 amin'ny hitsivolana laharana faha 60-146 tamin'ny 03 oktobra 1960.*

*Ny haba dia ferana amin'ny tombam-bidy marin'ny fanana-mitoetra izay afindra tanana amin'ny vaninandron'ny fanapahana ara-pitsarana (didim-pitsarana amin'ny ambaratonga rehetra) mizaha ny fototra milaza fa tanteraka ny fetra mitera-jo. Io tombam-bidy io dia voafaritra amin'ny fanombanana an-tsortatra sy voasonia ataon'ny tompony vaovao eo am-pototry ny didim-pitsarana eo ambany fanaraha-mason'ny Fanjakana.”*

**Varotra sy faneke na hafa misy setriny  
mamindra tanana banana-manaraka sy fanaka**

- **Andininy 02.02.42.**

Ampidirana paragirafy faha 3 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

***“Ny varotra fiara efa niasa ataon’ireo mpivarotra fiara matihanina dia iharan’ny sara mifantenana amin’ny taha 2 isan-jato.”***

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy roa farany amin'ity andininy ity:

***“Ho an’ireo lavanty misy songom-barotra atao ampahibemaso fananana manaraka, entana, entam-barotra, hazo, voankazo, vokatra ary fanaka hafa rehetra ataon’ny mpiraiki-teny araka ny fombafomba voalazan’ny andininy 02.04.23 sy ny manaraka, ny haba dia raisina amin’ny fitambaran’ny vola aloa izay voalazan’ny fitanana an-tsortatra ary raiketina ao anatin fe-potoana voalaza.***

***Na eo aza ny endrika ara-barotra ananany dia iharan’ny sara raikitra manokana Ar 2 000 isaky ny fiara ny varotra fiara vaovao ataon’ireo mpivarotra fiara matihanina sy mpivarotra fiara rehetra.***

***Ny fifanekena fividianana sambom-barotra sy izay mety fiaramanidina, na atao araka ny fombam-barotra izany na fifanekena tsotra dia andoavana sara raikitra Ar 400 000 isaky ny fitaovana.”***

**TOKO V  
NY HABAN’NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY  
SOKAJY I  
FEPETRA ANKAPOBE**

- **Andininy 02.05.01.**

Ampidirana andalana faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

***“Na izany aza, ny vokatry ny sara amin’ny fanomezan-dalana hiditra ho an’ny sambo fitsangatsanganana voalazan’ny andininy 02.05.06 dia tsinjaraina ho 50 isan-jato ho an’ny Tetibola Ankapobe sy 50 isan-jato ho an’ny Birao Nasionaly misahana ny Fizahan-tany eto Madagasikara.”***

**SOKAJY III**  
**SARA AMIN'NY FANOMEZANA ANTONTANTARATASY**  
**SY FANDRAISAN-KETRA SAMIHAFA**  
**A- Hajam-pasipaoro**

• **Andininy 02.05.06.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

- *Fahazoan-dalana mandalo 24 ora fara-fahabetsany.....Ar 0,00*
- *Fahazoan-dalana hiditra ho an'ny sambo fitsangatsanganana latsaky ny 15 andro....Ar 50 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina latsaka na mira iray volana ..... Ar 80 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina mihoatra ny iray volana sy latsaka na mira roa volana ....Ar 100 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina mihoatra ny roa volana sy latsaka na mira telo volana ....Ar 140 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina mihoatra ny telo volana hatramin'ny telo taona.....Ar 150 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina mihoatra ny telo taona hatramin'ny dimy taona.....Ar 200 000,00*
- *Fahazoan-dalana honina mihoatra ny dimy taona sy hipetraka tanteraka.....Ar 250 000,00*
- *Fahazoan-dalana hivoaka tanteraka.....Ar 80 000,00*
- *Fanalavam-potoana honenana.....Ar 80 000,00*

**FIZARANA III**  
**HETRA TSY MIVANTANA**  
**LOHATENY VOALOHANY**  
**HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (D.A)**  
**TOKO I**  
**SEHATRA AMPIHARANA**  
**SOKAJY II**  
**VOKATRA TSY VOAN'NY HETRA**

• **Andininy 03.01.02.**

Foronina ny 4° amin'ny faran'ity andininy ity izay mirija toy izao:

*“ 4° ny éthanol hatao solika fandrehitra izay nasiam-panovana mihoatra ny 90° ka ny fombafomba fampiharana izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”*

**TOKO V**  
**FITSIPHIKA MIFEHY NY FANOVAR-TOENTRY NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA**  
**TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**  
**SOKAJY I**  
**FEPETRA ANKAPOBE**

- **Andininy 03.01.51.**

Ovàna toy izao ny rian-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

***"Ny olona rehetra mikasa hanova toetra ireo vokatra na zavatra iharan'ny hetra dia tsy maintsy manao fangatahana avantana amin'ny Tale misahana ny fepetra manokana izay manapaka ary afaka mamindra izany fahefana izany."***

- 
- **Andininy 03.01.52.**

Ovàna toy izao ny rian-tenin'ity andininy ity:

***"Raha misy hosoka sy tsy fanarahen-dalàna tafahoatra hita fototra avy amin'ny mpanova toetra dia azon'ny Tale misahana ny fepetra manokana na ny solon-tenany atao ny misintona ny fanomezan-dalana nomena."***

### SOKAJY III

#### MOMBA NY FANOMEZAN-DALANA HO FAMPIASANA VOKATRA NOVAN-TOETRA

- **Andininy 03.01.61.**

Ovàna toy izao ny rian-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

***"Ny olona rehetra izay hampiasa vokatra novan-toetra voan'ny haba amin'ny taozavatra ataony na ao amin'ny fambolena dia tsy maintsy manao fangatahana an'izany amin'ny Tale misahana ny fepetra manokana izay manome na mandà ny fanomezan-dalana. Izy dia afaka mamindra izany fahefana izany."***

- **Andininy 03.01.62.**

Ovàna toy izao ny rian-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***"Ho an'ny famokarana izay mety hitaky fampiasana vokatra voan'ny haba tsy misy fanovan-teotra mialoha ao amin'ny taozavatra na ao amin'ny fambolena, ny Tale misahana ny fepetra manokana na ny solon-tenany dia afaka manome alalana ny fampiasana ny vokatra amin'ny maha izy azy raha toa ka ny mpampiasa dia:***

1. ***Manamarina ny filàna ny fampiasana ny vokatra tsy novan-toetra amin'ny alalan'ny iray amin'ireo fomba nahazoan-dalana.***
2. ***Mitana ny rejisity ny miditra sy mivoaka amin'ny vokatra tsy novan-toetra."***

Ovàna toy izao ny tabilaon'ny hetra tsy mivantana:

### FANAMPINY

#### TABLEAU DU DROIT D'ACCISES

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
20.09	Jus de fruits (y compris les moûts de raisin) ou de légumes, non fermentés, sans addition d'alcool, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants. - Jus d'orange :		
11 00	- - Congelés .....	Ar 25/L	Ar 25/L
12 00	- - Non congelés, d'une valeur Brix n'excédant pas 20 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
19 00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L

		- Jus de pamplemousse ou de pomelo		
21	00	- - D'une valeur Brix n'excédant pas 20 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
29	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
		- Jus de tout autre agrume		
31	00	- - D'une valeur Brix n'excédant pas 20 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
39	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
		- Jus d'ananas		
41	00	- - D'une valeur Brix n'excédant pas 20 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
49	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
50	00	- Jus de tomate .....	Ar 25/L	Ar 25/L
		- Jus de raisin (y compris les moûts de raisin)		
61	00	- - D'une valeur Brix n'excédant pas 30 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
69	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
		- Jus de pomme		
71	00	- - D'une valeur Brix n'excédant pas 20 .....	Ar 25/L	Ar 25/L
79	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
80		- Jus de tout autre fruit ou légume .....	Ar 25/L	Ar 25/L
81	00	- - Jus d'airelle rouge (Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccus, Vaccinium vitis-idaea) .....	Ar 25/L	Ar 25/L
89	00	- - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
90	00	- Mélanges de jus .....	Ar 25/L	Ar 25/L
22.01		Eaux, y compris les eaux minérales naturelles ou artificielles et les eaux gazéifiées, non additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ni aromatisées ; glace et neige.		
	10	- Eaux minérales et eaux gazéifiées :		
	10	10 - - Eaux naturelles non distillées .....	Exo	Exo
	20	- - - Eaux minérales naturelles, eaux minérales artificielles, non aromatisées ni sucrées .....	Exo	Exo
	30	- - - Eaux gazéifiées non aromatisées ni sucrées .....	Ar 25/L	Ar 25/L
	90	90 - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
22.02		Eaux y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées, et autres boissons non alcooliques, à l'exclusion des jus de fruits ou de légumes du n° 20.09.		
	10	10 - Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées .....		
	10	10 - - Eaux minérales, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées .....	Exo	Exo
	10	20 - - - Autres eaux, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées .....	Ar 25/L	Ar 25/L
	90	90 - Autres .....		
	91	91 - - Bière sans alcool .....	Ar 25/L	Ar 25/L
	99	99 - - Autres .....	Ar 25/L	Ar 25/L
22.03	00	Bières de malt		
	10	---D'un titre alcoolique de 4° ou moins .....	Ar 290/L	Ar 290/L
	90	---D'un titre alcoolique de plus de 4° .....	Ar 290/L	Ar 290/L
22.04		Vins de raisins frais, y compris les vins enrichis en alcool ; moûts de raisin autres que ceux du n°20.09		
	10	-Vins mousseux :		
	10	10 ---De champagne .....	200%	200%
	90	90 ---Autres .....	200%	200%
		-Autres vins; moûts de raisins dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :		

		--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	50%	50%	
22	00	-- En récipients d'une contenance excédant 2 l mais n'excédant pas 10 l	50%	50%	
29		--Autres ---Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :			
	11	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	50%	50%	
	19	----Autres .....	50%	50%	
		---Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais:			
	21	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	150%	150%	
	29	----Autres .....	150%	150%	
		---Vins vinés :			
	31	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	50%	50%	
	39	----Autres .....	50%	50%	
	90	----Autres .....	50%	50%	
30	00	-Autres moûts de raisin .....	50%	50%	
22	05	Vermouths et autres vins de raisins frais préparés à l'aide de plantes ou de substances aromatiques.			
	10	-En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l			
	10	---Vermouths .....	150%	150%	
	90	---Autres .....	150%	150%	
	90	-Autres :			
	10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	150%	150%	
	90	---Autres .....	150%	150%	
22	06	Autres boissons fermentées (cidre, poiré, hydromel, par exemple);mélanges de boissons fermentées et mélanges de boissons fermentées et de boissons non alcooliques, non dénommées ni comprises ailleurs.			
		---Cidre, poiré et hydromel présentés :			
	11	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l .....	50%	50%	
	19	----Autres .....	50%	50%	
	90	---Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de cocotier etc).....	50%	50%	
22	07	Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres.			
  - 2° *Indroa ny sara voalaza etsy ambony raha toa ka ny afisy dia nanaovana fanomanana manokana mba hampateza azy, na nasiam-panamboarana ny taratasy, na narovana amin'ny fitaratra, nosorana varinesy na zavatra hafa, na talohan'ny nametrahana azy dia napetraka tamin'ny lamba izy, takeka hazo, vy sns...Ampitoviana amin'ireo afisy ireo ny afisy amin'ny taratasy tsotra, natao sora-boky na sora-tanana izay apetraka akalamanjana na amin'ny fiarakodia na inona na inona endriny ka anaovana fitateram-bahoaka.*
  - 3° *Ar 15 000 isaky ny metatra tora-droa na ampahana metatra tora-droa isan-taona ho an'ny afisy miloko, ny takelaby ary amin'ny ankapobeny ireo afisy hafa rehetra ankoatra ny amin'ny taratasy, apetraka akalamanjana na dia tsy amin'ny rindrina na fanorenana izany.*
  - 4° *Ar 30 000 isaky ny metatra tora-droa na ampahana metatra tora-droa isan-taona ho an'ny afisy na dokam-barotra mirehitra jiro rehetra na mipetraka ambony tanjan-drafitra na hafa na azo avy amin'ny fitifirana jiro ny dokam-barotra amin'ny efijery, na amin'ny fomba hafa. Ampitoviana amin'io sokajy io ny afisy, takelaby hazavain'ny jiro amin'ny alina amin'ny alalan'ny fitaovana manokana.*

## TOKO IV

### ANDRAKITRY NY MPANDOA HABA

- Andininy 10.09.05.- Ny haba mifandraika amin'ny afisy voalazan'ny paragirafy 1 sy 2 amin'ny andininy etsy ambony dia aloa mialoha ny hametahana azy. Ny fadoavana izany dia hita amin'ny alalan'ny soratra eo amin'ny afisy izay misy daty sy sonian'ny mpiasa miandraikitra ny famoriana eo anivon'ny Kaominina misy azy ary ahitana ihany koa ny saran'ny haba naloa natao an-tsoratra.

*Ho an'ny afisy, takelaby misy dokambarotra voalazan'ny paragirafy 3 sy 4 amin'ny andininy etsy ambony, ny haba dia aloa mialoha ny hametahana azy na ny fanovana azy amin'ny alalan'ny filazana ataon'ny mpisitraka ny dokambarotra na ny mpanatanteraka ny fametrahana afisy izay apetraka ao amin'ny biraon'ny Kaominina amin'ny lafin-tany tiana hametrahana ny dokambarotra.*

*Io fomba fandoavam-bola io dia atao ho an'ireo afisy voalazan'ny paragirafy 2°amin'ny andininy etsy ambony raha toa ka ny endriny dia tsy ahafana mametraka ilay soratra.*

## ZANA-DOHATENY II

### DOKAMBAROTRA AMIN'NY HAINO AMAN-JERY

#### TOKO I

#### FOTO-KEVITRA

- Andininy 10.09.06.- Omena alalana ny famoriana ny haba antsoina hoe "haba amin'ny dokambarotra atao amin'ny alalan'ny haino aman-jery na gazety an-tsoratra" ka ny yokatra azo avy amin'izany dia hamatsiana ny tahiry nationaly natao ifampitsinjovana izay tsinjaraina ara-drariny ho an'ireo Vondrom-bahoaka-paritra itsinjaram-pahefana.

## TOKO II

### SEHATRA FAMPIHARANA

- Andininy 10.09.07.- Iharan'ny haba amin'ny dokambarotra atao amin'ny alalan'ny haino aman-jery ny raharaha fanapariahana ny dokambarotra amin'ny endriny rehetra arabarotra amin'ny vata fahitalavitra, vata fampielezam-peo na gazety an-tsoratra eto Madagasikara.

*Na izany aza, ny hafatra ho an'ny asa nankatoavina ho fanasoavam-bahoaka na inona na inona fomba fifandrais-an-davitra nanapariahana azy dia afahana amin'ny haba rehefa feno ireto fepetra roa ireto:*

- ny fanapariahana ny dokambarotra dia mahakasika ny tombotsoam-pirenena;
- ny dokambarotra dia notanterahina ho an'ny asa nankatoavina ho fanasoavam-bahoaka na ho an'ny Fanjakana, Vondrom-bahoaka-paritra sy ny antokondraharaha-panjakana.

*Ny olona iharan'ny haba voalazan'ity zana-dohateny ity dia ny olon-tsotra na fikambanana izay miantoka ny fandrahahana ny fandefasana ny dokambarotra izay mety ho ny foiben'ny haino aman-jery ihany na antokon-draharaha mampiely ny dokambarotra na mpandrahahana voatendrin'ireo vondrom-pamoaham-peo sy sary na ireo antokon-draharaha na ireo, rantsa-mangaikan'ny gazety an-tsoratra, na ireo antokondraharaha mpanao dokambarotra amin'ny endriny rehetra na inona na inona fomba ampiasainy.*

## TOKO III

#### **FOTOTRA HAMERANA NY HABA**

- Andininy 10.09.08.- Ny haba dia afototra amin'ny vola aloan'ny mpanao filazana amin'ny fandrahaharana ny fandefasana ny dokambarotra mba handefasana sy hanapariahana ny dokam-barotr'izy ireo miainga avy eto Madagasikaraka, ka tsy ampidirina amin'izany ny anjara vola alain'ny antokondrahahaha mpanao dokambarotra sy ny haba amin'ny tataom-bidy.

#### **TOKO IV**

##### **FIKAJIANA NY HABA**

- Andininy 10.09.09.- Ny tahan'ny haba dia ferana toy izao:

**1° Ho an'ny dokambarotra amin'ny haino aman-jery: 1%**

**2° Ho an'ny dokambarotra amin'ny alalan'ny gazety an-tsoratra: 1%**

#### **TOKO V**

##### **ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA**

- Andininy 10.09.10.- Ny mpandoa ny haba dia tokony handrotsaka isam-bolana ny haba rehetra takiana aminy eo anivon'ny sampandrahaharan'ny hetra mpitantana ny antotan-taratasy ara-ketra amin'ny alalan'ny filazana mamintina ny dokambarotra natao nandrity ny iray volana miraka amin'ny tovana misy ny anarana, adiresy mazava, NIF na laharan'ny karapanondron'ireo mpanao filazana ary ny vola rehetra naloan'ny tsirairay, mialoha ny faha 15 ny volana manaraka ny volana nandraisana ny haba.

*Ny fomba fampiharana ity zana-dohateny ity dia afaka fenoina raha ilaina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika."*

Foronina ny lohateny X mirija toy zao :

**« LOHATENY X**

**HABA AMIN'NY RANO SY/NA HERIN'ARATRA**

#### **TOKO I**

##### **FEPETRA**

*Andininy 10.10.01.- Omena alalana ny fitakiana ny haba atao hoe « haba amin'ny rano sy/na herin'aratra » ho fidiram-bolan'ny Kaominina.*

#### **TOKO II**

**SEHATRA AMPIHARANA AZY**

*Andininy 10.10.02.- Ny haba amin'ny rano sy/na herin'aratra dia ampiharina amin'ireo, olon-tsotra na orinasa, mpanjifan'ny orinasan'ny rano sy herin'aratra manerana ny nosy ankoatra ny Kaominina misitraka ny haba.*

#### **TOKO III**

##### **FOTOTRA HAMERANA NY HABA**

*Andininy 10.10.03.- Ny fototra hamerana ny haba amin'ny rano sy/na herin'aratra dia ny tontalin'ny vola efaina tsisy tatao amin'ny fandianiana voarakitra ao amin'ny faktiora.*

## **TOKO IV**

### **FIKAJIANA NY HABA**

*Andininy 10.10.04.- Ny filankevitra monisipaly no mandany ny tahan'ny haba kaominaly amin'ny rano, tahan'ny haba kaominaly amin'ny herin'aratra, faritana amin'ny isan-jaton'ny tetibidy tsy misy tatao ao amin'ny faktiora ary tsy mihoatra ny 10 isan-jaton'ny filazam-bidy tsy misy tatao ho an'ny isan-tsokajiny nanaovana filazam-bidy mikasika izany. Mitovy avokoa ny fampiharana ny taha ho an'ny sokajy rehetra amin'ny filazam-bidy.*

*Ny tetibidin'ny haba amin'ny rano sy/na herin'aratra dia azo avy amin'ny fampiharana ny taha nolianian'ny filan-kevitra monisipaly amin'ny tetibidy tsy misy tatao amin'ny fandaniana voarakitra amin'ny faktiora.*

## **TOKO V**

### **FOMBA FAMORIANA NY HABA**

*Andininy 10.10.05.- Ny fitanisana mazana, ny taha ampiharana sy ny tetibidin'ny haba rehetra dia tokony ho hita miavaka tsara amin'ny faktiora alefa amin'ny mpanjifa. Ny famoriana ny haba dia azo avy amin'ny alalan'ny fandoavan'ny mpanjifa ny faktiora.*

*Ny tompon'orinasa dia tsy maintsy mandoa amin'ny Kaominina ny vokatry ny haba mifototra amin'ny faktiora voaloa vola. Tompon'andraikitra ara-bola amin'ny tsy fanatanterahana ny fampiharana ny haba sy ny tataon-kaba nolianian'ny Kaominina ny tompon'orinasa.*

*Ny fepetra fampiharana ity lohateny ity dia mety hisy famenoana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika. »*

Foronina ny lohateny XI mirija toy izao :

### **« LOHATENY XI**

#### **HABA ALAINA AMIN'NY FETY, LANONANA SY SEHO SAMIHAFA**

## **TOKO I**

### **FEPETRA**

*Andininy 10.11.01.- Omena alalana ny fitakiana ny haba atao hoe « haba alaina amin'ny fety, lanonana sy seho samihafa» izay nanontàna tapakila fidirana, ho fidiram-bolan'ny Kaominina.*

## **TOKO II**

### **SEHATRA AMPIHARANA AZY**

### **SOKAJY I**

### **RAHARAHA VOAN'NY HABA**

*Andininy 10.11.02.- Ny haba dia ampiharina amin'ny fidirana andoavam-bola rehetra amin'ny fety, lanonana sy seho samihafa anontàna tapakilam-pidirana, atao ao amin'ny faritry ny kaominaly sy monisipaly.*

### **SOKAJY II**

### **RAHARAHA TSY VOAN'NY HABA**

*Andininny 10.11.03.- Tsy ampiharana ny haba amin'ny fety sy lanonana :*

1° Ny seho mikasika ny fambolena, ny varotra, ny indostria na seho artistika antsoina hoe « foara, fampirantiana » karakarain'ny sampandrahaharam-panjakana na vondrom-paritra, na mahazo famatsiam-bola avy amin'izy ireo ary tsy ahitana seho mahasarika idiram-bola.

2° Ny seho ara-tsarimihetsika na horonan-tsary karakaraina ivelan'ny seho tsotra ataon'ny fikambanana miorina ara-dalàna tsy mikendry ny itadiavam-bola raha toa ka atao ho an'ny tanora sy y fianakaviana ka ny horonan-tsary mandrakitra ny programa dia nahazo fankatoavana tamin'ny Ben'ny tanàna na ny Filohan'ny birao mpanatanteraka ny vondrom-paritra.

3° Ny lanonana ara-kolotoraly atao maimaim-poana karakaraina mivantana tontosain'ny fikambanana mikasika ny fampianarana ho an'ny vahoaka nahazo fankatoavana tamin'ny Ben'ny tanàna na ny Filohan'ny birao mpanatanteraka ny vondrom-paritra voakasik'izany, ary natokana tanteraka ho an'ireo mpikambana maharitra sy ny olona nasain'izy ireo.

4° Ny fifaninanana an-tsekoly, ny fihaonan'ireo ekipa zandriny. Ny fihaonana ara-panatanjahan-tena karakaraina ho an'ny fikambanana mpanao asa soa mikasika ny voina sy ny loza voajanahary, ny fifaninanana iraisam-pirenena na fampielazan-kevitra ho an'ny fanatanjahan-tena sy kolotoraly.

*Andininny 10.11.04.- Ankoatra izay, ny Ben'ny tanàna dia afaka manaoana tanteraka na amin'ny ampahany ny haba amin'ny :*

1° Fety, lanonana, fihaonana ara-panatanjahan-tena, lalao, fandihizana, filokana seho samihafa karakarain'ny orinasa ifanavotan'ny mpikambana, ny orinasa fanavotana ny maratra ary ireo karakaraina ho amin'ny asa soa na entina hanampiana ireo traboina na voan'ny valan'aretina.

2° Ny seho atao tsy itadiavam-bola karakarain'ny Koperativan-tsekoly, ny fikambanan'ny raiamandrenin'ny mpianatra na maintimolalin'ny sekoly, tsy manana tanjona afatsy ara-kolotsaina na ho fanohanana manokana ny sekoly.

*Ny fanafahana manontolo na amin'ny ampahany ny haba dia tsy azo omena velively ny seho tsy nahazoana alalana mialoha tamin'ny tomponandraikim-panjakàna.*

### TOKO III

#### FOTOTRA HAMERANA NY HABA

*Andininny 10.11.05.- Ny fototra hamerana ny haba dia :*

- vidim-pidirana ho an'ny fampisehoana sarimihetsika amin'ny toerana raikitra, horonan-tsary, cirques, fampisehoana mozika anaty efitrano, toeram-pitsangatsanganana samihafa, fandihizana, hazakaza-tsoaval, raha fehezina dia ireo hetsika rehetra misy vidim-pidirana.
- volamaty tsy afa-karatsaka ho an'ny sarimihetsika azo entina mandehandeha ;
- volamaty tsy afa-karatsaka ho an'ny hetsika ara-panatanjahan-tena, teatra, konseritra, rindran-kira.

### TOKO IV

#### FIKAJIANA NY HABA

*Andininny 10.11.06.- Ny haba dia faritana ho :*

- 5% amin'ny vidimpidirana ho an'ny fampisehoana sarimihetsika amin'ny toerana raikitra, horonan-tsary, cirques, fampisehoana mozika anaty efitrano, toeram-pitsangatsanganana samihafa, fandihizana, hazakaza-tsoavaly, raha fehezina dia ireo hetsika rehetra misy vidim-pidirana.
- 3% amin'ny volamaty tsy afa-karatsaka ho an'ny sarimihetsika azo entina mandehandeha ;
- 3% amin'ny volamaty tsy afa-karatsaka ho an'ny hetsika ara-panatanjahan-tena, teatra, konseritra, rindran-kira.

*Ny haba dia kajiana amin'ny alalan'ny sora-pikajiana ataon'ny mpiandraikitra ny famoriam-bolan'ny Kaominina eo amin'ny toerana anaovana ny lanonana na ny fampisehoana.*

#### TOKO V

##### ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA

*Article 10.11.07.- Ny mpikarakara na ny miandraikitra ny lanonana, ny filokana na ny lalao an-tsapaka sy ireo fampisehoana dia tsy maintsy manao fanambaràna eny amin'ny biraon'ny vondrom-paritra voakasika, ao anatin'ny 24 ora mialohan'ny fisokafana. Didiana izy ireo hametraka antoka an-tselika mitentina 5 isan-jaton'ny totalim-bidin'ny tapakila ho varotana.*

*Ny haba dia aloa arakaraka ny sokajin'ny fety sy lanonana izay mety ho isan'andro, na isan-kerinandro na isam-bolana.*

#### TOKO VI

##### FAMORIAN-KABA

*Andininny 10.11.08.- Ny famorian-kaba dia ataon'ny mpitantam-bolan' ny Kaominina. »*

Foronina ny lohateny XII mirija toy izao :

##### « LOHATENY XII

##### HABA ALAINA AMIN'NY PILAONINA, FAMPITANA, ANTENINA NA MATS

#### TOKO I

##### FEPETRA

*Andininny 10.12.01.- Omena alalana ny fakana haba atao hoe « Haba amin'ny pilaonina, fampitana, antenina na mats » mitsinjara ho 50 isan-jato ho an'ny Kaominina, 30 isan-jato ho an'ny Faritra, 20 isan-jato ho an'ny Faritany.*

#### TOKO II

##### SEHATRA AMPIHARANA AZY

*Andininny 10.12.02.- Vokasik'izany ny pilaonina, fampitana, antenina na mats napetraky ny orinasan-tserasera, na dia amin'ny toerana manan-tompo aza, natao handraisana na handefasana famantaram-pifaneraserana, fampitana fifaneraserana ho an'ny orinasana haino aman-jery, ny pilaonina mitondra tarobian'herinaratra.*

*Ny haba dia aloan'ny mpandrahahara tompon'andraikiry ny fametrahana ny fitaovan-tserasera eo amin'ny pilaonina.*

*Ny antenina sy ny pilaonina voapetraka nandrity ny telovolana farany amin'ny taona dia andoavana haba manomboka ny voalohan'ny volana janoary amin'ny taona manaraka.*

### **TOKO III**

#### **FOMBA FAMERANA NY HABA**

*Andininy 10.12.03.- Ny haba amin'ny pilaonina dia tsy tokony hohoatra ny Ar 600 000 isaky ny pilaonina voapetraka, na inona na inona anarany, kanefa andraikiry ny fahefàna mpanapaka ao amin'ny vondrom-paritra farany ambony izay misitraka ny haba ny mamaritra ny sanda ampiharina isaky ny sokajy sy ny karazan'ny antenina na pilaonina ao anatin'ny fari-piadidiana.*

### **TOKO IV**

#### **ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA**

*Andininy 10.12.04.- Ny tompon'ny antenina na pilaonina voapetraka, na dia amin'ny faritra manokana na toerana manan-tempo aza, dia tsy maintsy manao fanambaràna isan-taona mikasika ny isa, ny toerana, ny mombamomba ary ny daty nametrahana ireo fitaovana sy ny famantarana ara-kaba ny orinasa ao amin'ny Kaominina nametrahana azy ireo, mialoha ny faha 15 oktobra ary mandoa avy hatrany ny totalin'ny haba takiana.*

*Andininy 10.12.05.- Amin'ny toe-javatra rehetra, raha ilaina, ny mpiasan'ny Faritany, ny Faritra na ny Kaominina voakasika, voatendry ara-dalàna na voatendrin'ireo vondrom-paritra dia afaka manatanteraka fitsirihana eny amin'ny antoerana misy ireo fitaovana akàna ny haba.*

### **TOKO V**

#### **FAMORIAN-KABA**

*Andininy 10.12.06.- Ny haba dia kajiana amin'ny alalan'ny sora-pikajiana ataon'ny tomponandraikiry fandraisam-bolan'ny Kaominina misy ny toerana nametrahana ny fitaovana, amin'ny fotoana nanaovana ny fanambaràna voalazan'ny andininy 10.12.04 etsy ambony.*

*Ny famorian.kaba dia iandraiketan'ny lehiben'ny boriborin-tany na ny tomponandraikiry ny sorabola eo anivon'ny tahirim-bolam-panjakana mahefa eo amin'ny toerana misy ireo fitaovana.*

*Ny fandrotsaham-bola rehetra ataon'ny mpandoa haba dia tsy maintsy anaovan'ny tomponandraikiry ny famorian-kaba rosia mirakitra ny totalim-bola, mba ho fanamarinana ho an'ny mpandoa haba.*

*Ny dika mitovin'ny famintinana ireo sora-pikajiana miaraka amin'ny antsipirian'ny famintinana ny fandrotsahana isam-bolana dia tsy maintsy alefan'ny tomponandraikiry ny famorian-kaba alohan'ny faha dimbiambinifolon'ny volana manaraka, eny amin'ny biraon'ny Faritra sy ny biraon'ny Faritany. »*

Foronina ny lohateny XIII mirija toy izao :

**« LOHATENY XIII**

**HABA AMIN'NY LALAO ATAO AMIN'NY ONJAM-PEO SY FAHITA LAVITRA**

### **TOKO I**

## **FEPETRA**

*Andininy 10.13.01.- Omena alalana ny fakana ny haba atao hoe « Haba amin'ny lalao atao amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra » ahafahana mamatsy ara-bola ny Tahiry nasiōnaly natao ifampitsinjovana.*

## **TOKO II**

### **SEHATRA AMPIHARANA AZY**

*Andininy 10.13.02.- Ampiharana izany ny antso an-taroby na fandefasana hafatra an-tsoratra an-taroby amin'ny fandraisana anjara amin'ny lalao amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra na amin'ny fanatanterahana lalao mivantana amin'ny fahitalavitra.*

## **TOKO III**

### **SANDAN'NY HABA**

*Andininy 10.13.03.- Ny sandan'ny haba alaina amin'ny lalao amin'ny onjam-eo sy fahitalavitra dia ferana toy izao :*

- Ar 10 isaky ny sms ;
- Ar 20 isaky ny antso.

*Ny manana andraikitra amin'ny fandoavana ny haba dia ny mpikarakara ny lalao amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra.*

## **TOKO IV**

### **SANDAN'NY HABA**

*Andininy 10.13.04.- Ny mpikarakara ny lalao akàna ny haba araka ny andininy 10.13.01 etsy ambony dia tsy maintsy manao ny fanambaràna an-tsoratra ny fisian'ny lalao, ny faharetany sy ny fivelarany manerana ny nosy, ny faritra na eo an-toerana, any amin'ny sampan-draharahan'ny hetra mpitantana ny antontan-taratasy ara-ketra, telopolo andro mialoha ny fanomboahana ofisialy ny lalao farafahakeliny.*

*Andininy 10.13.05.- Ny mpandoa haba dia tsy maintsy mandrotsaka isambolana, alohan'ny faha dimby ambinifolon'ny volana manaraka nandraisana ny totalin'ny haba tokony aloa any amin'ny sampan-draharahan'ny hetra mpitantana ny antontan-taratasy ara-ketra amin'ny alalan'ny fanambaràna izay mamaritra ny totalin'ny antso sy ny hafatra an-tsoratra voarakitra tao anatin'ny lalao amin'ny onjam-eo sy fahitalavitra tao anatin'ny iray volana.*

*Ny fepetra fampiharana ity lohateny ity dia mety hisy famenoana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika. »*

## **BOKY III**

### **FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY**

#### **LOHATENY I**

#### **FAMORIANA NY HETRA**

TOKO II  
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY HETRA  
SOKAJY VI  
FEPETRA IRAISANA AMIN'NY FANOHERAHA

• Andininy 20.01.47.

Ovàna toy izao ny rian-tenin'ny andalana farany amin'ity andininy ity

*“ Voarara ho an’ny mpitsara ny mandidy ny fampiatoana ny fanenjehana raha tsy misy fanapahana mialoha voalazan’ny andalana faha 5 amin’ity andininy ity, raha tsy izany dia tompon’andraikitra amin’ny anarany izy amin’ny fandoavana ireo hetra tokony aloa.”*

SOKAJY VIII  
ANDRAIKITR’OLON-KAFA

• Andininy 20.01.49.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rian-tenin’ity andininy ity:

*“Ny fanoherana fandrotsaham-bola avy amin’ny mpandoa hetra izay natao araka ny fepetra voafaritry ny andalana 3 sy ny manaraka amin’ity andininy ity miendrika fampahafantarana ireo olon-kafa mitazona fananana. Izany dia ampahafatarin’ny mpiasan’ny sampandrahaharan’ny hetra na araka ny fitsipika fampahafantarana ny antotan-taratasim-pitsaràna na amin’ny alalan’ny taratasy tsy very mandeha misy fanamarinana fandraisana azy.*

*Ny fampahafantarana ireo olon-kafa mitazona fananana dia manery azy handrotsaka amin’ny tomponandraikitry ny famorian-ketra ny vola izay tokony aloany na tazominy na izay mbola ho raisiny eo am-pelatanany mandrampahavitan’ny fandoavana ny hetra, ny sara na haba manana tombon’antoka.*

*Ny fanoherana natao toy ny voalaza etsy ambony dia lazaina an’ny olona ananan-trosa nanaovana fitazonam-pananana ao anatin’ny havalooana raha toa ka ao anatin’ny fari-piadidian’ny birao namoaka ny sora-pamerana izany, ao antin’ny dimy ambinifolo andro raha toa ka eto amin’ny faritra hafa eto amin’ny tanim-pirenena ary ao anatin’ny iray volana raha toa ka any ivelany. Ity fampahafantarana ity dia afaka atao araka ny fomba voalaza amin’ny fampahalalana ny fanerena.*

*Ny mpanofa tany, mpanofa, mpiandraikitra ny famorian-ketra, tompon’andraikitry ny fitantanana ny sekoly sy hôpitaly, sampandrahaharam-pitantam-bola, ireo rehetra miandraikitra ny fitantanana ny volam-panjakana avy amin’ireo mpandoa hetra izay ampiharana ny tombontsoan’ny sampandrahaharan’ny hetra, dia tompon’andraikitra amin’ny fanefana eo amin’ny toeran’ny mpandoa hetra hatramin’ny vola tokony efainy, ary izany dia miankina amin’ny fampisehoana ny famahana fitsivalanana ny fanefana.*

*Raha napetraka amin’ny sampandrahaharam-pitantanam-bola na mpampindram-bola iray na maromaro ny vola, ny Fanjakana dia manan-jo mivantana hijery ny toe-bola misy ao amin’ny kaonty rehetra misokatra amin’ny anaran’ny mpandoa hetra.*

*Tsy mahasakana ny fampiharana ny fepetry ny andalana faharoa amin’ity andininy ity raha toa ka manana kaonty roa na maromaro amin’ny sampandrahaharam-pitantanam-bola iray ny mpandoa hetra, ny toe-bola misy voarakitra amin’ny kaonty*

*tsirairay dia giazana mba ho tombotsoan'ny Fanjakana hatramin'ny hetra tokony naloan'ny tompon'ny kaonty.*

*Noho izany dia tsy azo atao ny manambatra kaonty maromaro raha tsy nisy fifanarahana mialoha teo amin'ny banky sy ny tompon'ny kaonty ka izany dia natao talohan'ny fitazonam-pananana ary ny dika mitovy amin'izany dia ampahafantarina ny Fanjakana ao anatin'ny 24 ora nanaovana ny fitazonam-pananana.*

*Raha toa ka ny kaonty iray na maromaro misokatra amin'ny anaran'ny mpandoa hetra ka mampiseho toe-bola iray na maromaro miiba na tsy ampy handoavana ny vola takiana aminy ka nanaovana fampahafantarana olon-kafa mitazona fananana, ny sampandrahaharam-pitantanam-bola mitana ny na ireo kaonty dia tsy maintsy manome ny Fanjakana ny taratasy milaza ny fihetseham-bola mahakasika ny kaontin'ny mpandoa hetra manomboka ny andro nanaovana ny fitazonam-panana ary tsy afaka manda izany nohon'ny tsiambaratelon'ny asa izy. Ankoatra izany ny Fanjakana dia mbola afaka mangataka fanazavana fanampiny amin'ilay sampandrahaharam-pitantanam-bola raha ilaina.*

*Ny olon-kafa nampahafantarina ny fanaovana fitazonam-pananana koa dia tsy maintsy manao fanambarana, ny andron'ny fitazonam-pananana, ny habetsaky ny tokony hefainy amin'ny mpandoa hetra, sy ireo fepetra mahakasika izany. Ny antontam-baovao dia tsy maintsy ampahafantarina avy hatrany miaraka amin'ireo taratasy fanamarinana. Raha misy trangan-javatra manokana manakana ny sampandrahaharam-pitantanam-bola tsy hanome ireo antontam-baovao ireo ao anatin'ny fepotoana nomena, ny sampandrahaharam-pitantanam-bola dia tsy maintsy manamarina ny anton'izany ary mampahafantatra ireo antontam-baovao ao anatin'ny fotoana fohy indrindra.*

*Ny tsy fanantanterahan'ny olon-kafa nampahafantarina ny fanaovana fitazonam-pananana ny andraikitra voalaza etoana, dia mahatonga fampiharana ny lamandy mifandraika amin'ny vola tokony haloa amin'ny Fanjakana, nefo izany dia tsy mahasakana azy hanenjika ny mpandoa hetra ananana trosa.*

*Ny filazana rehetra tsy marina na mifono lainga dia sokajiana ho fandikan-dalàna voalaza sy faizin'ny andininy 20.01.56-5 ao amin'ity fehezan-dalàna ity.*

*Ny fitazonam-panana mahakasika vola ananana rehetra any amin'ny olon-kafa ao anatin'izany ny vola misy fepetra, misy fetr'andro na atao mifampitohitohy. Ny fombafomba manokana an'ireo andraikitra ireo dia tsy maintsy ataon'ny tompom-bola manao ny fitazonana.*

*Ireto fepetra ireto dia mihatra ihany koa amin'ireo mpitantan-draharaha, tale na mpamaranam-pananana ny sosaiety ho an'ny hetra tokony aloan'ity farany. Ny mpamaranam-pananana dia tsy maintsy mandrotsaka ny sara sy haba ambiny tokony aloan'ny sosaiety eo andalam-pamaranam-pananana.*

*Ny mpividy ny fanana-mifaka na tokotanim-barotra eto Madagasikara, na varotra an-tery izany na an-tsitrano dia tsy afaka mandoa ny vola nividianany izany raha tsy mampiseho ny taratasy fanamarinana tsy misy sarany omen'ny sampandrahahara eo anivon'ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fampidiran-ketra ary manamarina fa ny tompony dia tsy manana trosa, haba na lamandy izay ny famoriana azy ireo dia nankinina amin'io sampandrahahara io.*

*Na iza na iza mandika izany fepetra izany dia tompon'andraikitra manokana amin'ny fandoavana ireo sara sy sazy tsy maintsy aloa raha tsy manao ny fanenjehana ilay mpandoa hetra izy.*

*Ho fandinganana ireo fepetra voalaza teo aloha, ny Lehiben'ny sampandrahahaha miandraikitra ny famorian-ketra, rehefa nahazo fahefana tamin'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra, raha mamela izany ny karazan'ny hetra, dia afaka mandidy ny famerenam-bola tsy mari-pototra amin'ny alalan'ny fampizakana izany amin'ny sara sy haba izay tokony aloany amin'ny sampandrahaharan'ny hetra.*

*Raha misy fandavana ny maha azo ekena ilay fangatahana, dia anjaran'ny mpandoa hetra mitondra ny araharaha eo anoloan'ireo fitsarana.*

*Ny famerenana amin'ny olona ananan-trosa dia tsaraina araka ny fepetry ny andininy 20.01.43 sy ny manaraka."*

### TOKO III

**SAZY SY LAMANDY**

**SOKAJY II**

**TSY FAMETRAHANA FILAZANA**

- **Andininy 20.01.52.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*"Ny tsy fametrahana filazana amin'ny vola raisina isan-taona, haba, hetra, amin'ny fanoratana fifanaraham-panofana, vola maty na raharaha andoavan-ketra na ireo vola rehetra fandoa ara-potoana, fametrahana filazana noho ny famaritana, fampiantohana manontolo na amin'ny ampahany ny asa ataon'ny orinasa, na noho ny antony famindrana izany, na ny iray amin'ireo antontantarasy takian'ny sampandrahahaha misahana ny hetra araka ity Fehezan-dalàna ity, amin'ny fe-potoana voalaza ao, dia iharan'ny sazy Ar 100 000."*

**SOKAJY VI**

**FANDIKAN-DALANA HAFA**

- **Andininy 20.01.56.15.**

Foronina ny paragirafy faharoa izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*"Na eoaza ny fepetra manokana voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, ny tsy fanatanterahina ireo andraikitra voalazan'ny andininy 20.06.15 na fandavana rehetra ataon'ny sampandrahahaha mpapindram-bola na/sy mpitantam-bola ary ny antokondrahahaha rehetra mitazona fananana, ny filazana amin'ny Fandrahaharhana ara-ketra ny antotam-baovao nangatahana, dia iharan'ny lamandy 40 isan-jato ny totalin'ny fananana voatazon'izy ireo ao amin'ny boky firaketana."*

Amin'ny faran'ity sokajy ity dia foronina ny andininy 20.01.56.22 izay mirija toy izao :

- “**Andininy 20.01.56.22.**
- I - **Ny fahazoan-dalana hanangana na hiasa na hiary dia azo ahantona na sintonina amin’ny fotoana rehetra amin’ny alalan’ny fanapahan’ny manam-pahefana mahefa noho ny tsy fandoavana ny hetram-pahazoan-dalana sy noho ny fadikana ny lalàna manankery.**

*II – Ho an’ireo olona tsy manana karatra ara-ketra, ny fanaovana ny raharaha voalazan’ny andininy 10.06.80 ka tsy nahazo fahazoan-dalana dia iharan’ny lamandy avo telo henin’ny hetra tokony naloa. Raha izany, ny hetra izay tokony aloany ihany no azo takiana.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.23 izay mirija toy izao :

- **“Andininy 20.01.56.23. Raha toa ka tsy manao fanambaràna na manao fanambarana diso na tsy feno na tsy mazava araka ny andininy faha 10.03.04 ny mpandoa hetra, dia takiana ny fandoavana ny hetra miampy ny tataon-ketra avo roa henin’ izany.”**

Foronina ny andininy 20.01.56.24 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.24. Ny tsy fanaovana fanambaràna ara-potoana, na fanaovana fanambarana diso na tsy feno na tsy mazava mifanaraka amin’ny andininy 10.04.05 dia tratry ny lamandy Ar 10 000.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.25 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.25. Ankoatry ny fandoavana ny hetra, ny tsy fanaovana fanambaràna ara-potoana dia ampiharana ny andininy 20.01.53 amin’ity Fehezan-dalàna ity. Ny fanambarana diso, tsy feno na tsy mazava, araka ny andininy 10.05.04, dia ampiharana ny lamandy Ar 100.000.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.26 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.26. Ankoatry ny fandoavana ny hetra tokony hefaina amin’ny Kaominina mipisitraka, ny tsy fanarahana ny voalazan’ny andininy faha 10.08.05 dia ampiharana ny sazy voalazan’ny andininy 20.01.52 sy 20.01.53 amin’ity Fehezan-dalàna ity.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.27 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.27. Ankoatrany hetra tokony aloa voalazan’ny andininy 10.09.01, ny tsy fandoavana izany dia ampiharana lamandy 25 isan-jaton’ ny totalin’ ny hetra.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.28 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.28. Ankoatry ny fandoavana ny hetra araka ny voalazan’ny andininy 10.09.06, ny tsy fandoavana izany dia ampihara na sazy voalazany andininy 20.01.53 amin’ity Fehezan-dalàna ity.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.29 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.29. Ny tsy fandrotsahana ny hetra araka ny voalazan’ny andininy 10.10.01 na ny fanaovana fahadisoana mitarika fampihenana ny totalin’ny hetra notazomin’ireo orinasa miandraikitra izany dia ampiharana ny sazy voalazan’ny andininy 20.01.52 sy 20.01.53, ankoatry ny fandoavany ny hetra amin’ny vondrom-paritra tsy nanefana izany.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.30 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.30. Ny tsy fandoavana sy/na ny fahataran’ny fandoavanketra voalazan’ny andininy 10.11.01 dia ampiharana ny sazy voalazan’ny andininy 20.01.53 ankoatry ny fandoavana ny hetra amin’ny vondrom-paritra tsy nanefana izany.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.31 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.31. Ny tsy fandoavan-ketra voalazan’ny andininy 10.12.01 dia ampiharana lamandy mitentina 25 isan-jaton ‘ny totalin’ny hetra tokony aloa, ankoatry ny fandoavana ny hetra amin’ny vondrom-paritra tsy nanefana izany.”*

Foronina ny andininy 20.01.56.32 izay mirija toy izao :

*“Andininy 20.01.56.32. Ny tsy fandoavan-ketra sy/na ny fahataran’ny fandoavanketra voalazan’ny andininy 10.13.01 dia ampiharana ny sazy voalazan’ny andininy 20.01.53 ankoatry ny fandoavana ny hetra amin’ny vondrom-paritra tsy nanefana izany.”*

## LOHATENY II

### FIFANOLANANA ARA-KETRA

### FEPETRA ANKAPOBE

### TOKO II

### SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

- **Andininy 20.02.08.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ ity andininy ity:

*“ Ny fanapahan-kevitra dia ampahafantarina ny mpangataka izay afaka mampiakatra izany any amin’ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra ao anatin’ny iray (1) volana manaraka ny fampahafantarana izany. Ny mpangataka dia manana izany fahefana izany ihany koa raha toa ka tsy naharay ny fanapahan-kevitra tao anatin’ny roa (2) volana ao aorinan’ny nametrahany ny fangatahany.”*

### TOKO III

### NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA

### FITARAINANA

- **Andininy 20.02.13.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana faharoa ao amin’ ity andininy ity:

*“Ny fitarainana mikasika ny famerana ny hetram-panjakana voarakitra ao anatin’ny Boky I amin’ity Fefezan-dalàna ity sy/na ny fitarainana mikasika ny sora-pamerana dia apetraka ao amin’ny biraon’ny heta miandraikitra ny fitantanana ny antontantaratasin’ny mpandoa heta.”*

Foronina ny andalana farany amin’ity andininy ity izay mirija toy izao :

*«Mba hiarovana ny volam-panjakana ary koa mba hisakanana izay tetika rehetra tsy ahafahana manefa ny trosa, dia tsy azon’ny mpandoa heta atao ny mivarotra na mamindra ny fananany rehetra mandritra ny raharaha fifolanana momba ny heta. Toa izany koa, ny mpandray vola momba ny heta dia raràna tsy hiroso amin’ny fanoratana ny taratasy famindram-pananana raha tsy hoe ny tenany manokana no atao tompon’antoka amin’ny fandoavana ny heta voakasikin’ny fifolanana voalaza etsy ambony. »*

#### Andininy 20.02.14.

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana faharoa ao amin’ity andininy ity:

*“Mikasika ny hetran-tany, ny fe-potoana fanaovana fitarainana dia telo volana ao aorian’ny fampahafantarana ny sora-pamerana ny heta.”*

#### Andininy 20.02.15.

Ovàna ho “**Vaomiera ara-ketra**” ny teny “**CFRA**” ao amin’ity andininy ity

Amin’ny faran’ity andininy ity dia ampiana tsipika farany izay mirija toy izao :

*“ – miaraka amin’ny dika mitovy amin’ny sora-pamerana, taratasy fampahafantarana izany ary misy fanamarinana fandraisana azy.”*

#### Andininy 20.02.18.

Ovàna toy izao ny rijantenin’ny andalana voalohany amin’ity andininy ity:

*“Ny sampandrahaharan’ny heta dia manapa-kevitra amin’ny fitarainana, ny famotsorana ankitsirano novolavolain’ny mpiasa miandraikitra ny famerana ny heta, ny fitakiana ny heta ao anatin’ny fepotoana roa volana nanaovana fitarainana.”*

### **TOKO IV NY FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN’NY FITSARANA SOKAJY I SAMPAM-PITSARANA MAHEFA**

#### Andininy 20.02.20.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

*“Ny fanapahan-kevitry ny Fanjakana momba ireo fitarainana mikasika ny famerana ny heta ka tsy nahafa-po ny mpitaraina dia azo entina eo anoloan’ny Filakevi-panjakan’ny Fitsarana tampony ho an’ny heta-panjakana, ary eo anoloan’ny tribonaly misahana ny ady amin’ny Fanjakana ho an’ny hetran’ny vondrom-bahoaka.*

*Ny fanapahan-kevitra momba ny fitsivalanana mikasika ny sora-pamerana dia azo entina eo anoloan’ny Filakevi-panjakan’ny Fitsarana tampony. Voarara ho an’ny mpitsara ny mandidy ny fanafoanana ny sora-pamerana raha tsy misy fanapahana mialoha, raha tsy izany dia tompon’andraikitra amin’ny anarany izy amin’ny fandoavana ireo heta tokony aloa.*

*Ny mpanao fitarainana dia manana io fahafahana io ihany koa raha toa tsy naharay ny fanapahan-kevitra tao anatin’ny roa volana manaraka ny fametrahana ny fangatahana.*

*Ny Fanjakana dia afaka mametraka avy hatrany eo amin'ny fitsarana ny fitarainana atao'n'ny mpandoa hetra ary tsy maintsy mampahanfantatra ity farany izany izy.*

*Ny Foibe-pitondrana misahana ny fifanolanana na ny sampandrahahaha miankina aminy no misolotena ny Fandraharahana ara-ketra manoloana ny fitsarana.”*

## SOKAJY II

### III- FAMPIATONANA NY FANDOAVAM-BOLA

#### Andininy 20.02.44.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin' ny andalana 3° amin' ity andininy ity:

*“ Ny Tale misahana ny fifanolanana, manam-pahefana ara-ketra mahefa, no mampahafantatra ny tohin'ny fangatahana fampiantonana fandoavan-ketra ao anatin'ny 10 andron'ny naharaisan sy ny fangatahana. Raha toa ka nolavina ny fangatahany, ny mpandoa hetra dia afaka mampiakatra ny raharaha eo anivor'ny Filankevimb-panjakana izay mandray fanampahan-kevitra araka izay haingana. Afaka manao izany ihany koa ny mpandoa hetra raha toa ka tsy nisy valiny ny fangatahany ao anatin'io fe-potoana io.”*

## SOKAJY V

### ANDRAIKITRA SY FIARAHAMIENTANA

#### Andininy 20.02.97.-

Foronina ny andalana faharoa izay mirija toy izao manaraka izao:

*« Raha toa ka tsikaritry ny Fanjakàna, na inona na inona fomba nahitana izany, ny fanaovana fifanarahana mitondra anarana nindramina mba hanaovana hosoka ary tsy voatery ho hita io fifanarahana miafina eo amin'ny mpandoa hetra manana laharam-pamantarana sy ny nanome baiko azy io ary raha misy vaovao eo ampelatanan'ny Fandraharahana ara-ketra, ito farany dia afaka mampandoa ny mpanome baiko ny hetra takiana ao anatin'ny taratasim-panenjehana ny mpanatanteraka ary tsy mahasakana ny fampiharana ny lamandy izay voalazan'ny andininy 20.01.56.18 – tsipika faha 3. »*

## LOHATENY V

### LAHARAM-PAMANTARANA NY MPANDOA HETRA

#### TOKO I

### FEPETRA ARAHINA SY FILAZANA

- Andininy 20.05.03.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rian-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

*“Ny orinasa rehetra na toy inona na toy inona endrin na sehatra iasany dia tsy maintsy, eo amin'ny fotoana hanatanterahana ny fombafomba fananganana sy mialoha ny hanombohana ny asa, manao fanambarana manokana ny ahazoana laharam-pamantarana araka ny lasitra napetraky ny Fanjakana.*

*Ny orinasa rehetra vao niforona dia iharan'ny hetra tambatra ka ny hetra aloa amin'izany dia tahaka ny ampaham-bola harotsaka mialoha manaraka ny fombafomba voafaritry ny fepetry ny andininy 01.02.05.*

*Na izany aza, afaka misafidy ny sata mifehy ny hetra alaina amin'ny vola miditra izy. Ny safidy dia tanterahana amin'ny alalan'ny fametrahana taratasy tsotra ao amin'ny biraô miandraikitra ny fananganana orinasa. Ny hetra aloa amin'izany dia tahaka ny ampaham-bola harotsaka mialoha izay voalazan'ny fepetry ny andininy 01.01.14-I andalana faha 6 araka ny karazan'ny asa atao.*

*Ankoatra izany, ny orinasa izay manana ny foibe toerana ivelan'ny toeram-pitrandroidrahana, dia tokony hametraka ny fanambaram-pisiana eo amin'ny Ivon-ketra misy ilay toeram-pitrandroidrahana amin'ny fanombohan'ny asa.*

*Tsy maintsy atao eny anivon'ny fandrahaharana ara-ketra ny fanambarana fanakatonana orinasa raha ilaina izany.”*

## LOHATENY VI

**FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY –**

**FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON'NY ASA**

**(DC-DDC-DV-SP)**

## SOKAJY I

**FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY**

### **Andininy 20.06.01.**

Foanana ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

## SOKAJY VII

**FANAMARINANA**

### **Andininy 20.06.21 ter.**

Ovâna ny andian-teny “**fampahafantarana raikitra**” ao amin’ny IV, V sy VI amin’ity andininy ity ho “**fampahafantarana ny fanitsiana**”

Ovâna ho « **fampahafantarana voalohany** » ny andian-teny « **tolo-kevimpansiansiana** » ao amin’ny III sy VI ao amin’ity andininy ity.

### **Andininy 20.06.25.**

Ovâna ny andian-teny “**fampahafantarana raikitra ny fanitsiana**” ao amin’ny I sy II amin’ity andininy ity ho “**fampahafantarana ny fanitsiana**”

### **Andininy 20.06.29 bis.**

Ovâna toy izao ny rijantenin’ny I amin’ity andininy ity:

*I. Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanaraha-maso eny an-toerana voalazan'ny andininy 20.06.21 amin'ity Fehezan-dalàna ity na fanaraha-maso ny antontan-taratasiny voalazan'ny andininy 20.06.21 bis amin'ity Fehezan-dalàna ity dia afaka mamestraka fitarainana eo anivon'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fanitsiana. Tsy mahasakana ny fampiharana ny andininy 20.09.08 amin'ity fehezan-dalàna ity, raha toa ka ny mpanamarina na ny sampandrahahara misahana ny antonta-taratasin'ny mpandoa hetra dia tsy nahazo filazana mikasika ny fampahafantarana manoloana ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny fepotoana takiana amin'izany, ny fampahafantarana raikitra ny fanitsiana ampiahaharana amin'ny sora-pamerana sy ny taratasy fampahafantarana ny sora-*

*pamerana dia ampahalalana ny mpandoa hetra ao anatin'ny 15 andro manaraka ny fahataperan'izany feprotoana izany."*

Foronina indray ny lohateny VII izay mirija toy izao manaraka izao:

### **“LOHATENY VII**

#### **DIDY AMAM-PITSIPIKA**

##### **Andininy 20.07.01.**

*Na eo aza ny fepetra mazava isaky ny andininy, ny Manam-pahefana ara-ketra mahefa dia afaka mamaritra amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny fombafomba fampiharana sy fanazavana ny fepetr'ity Fehezan-dalàna ity.”*

### **LOHATENY IX**

#### **VAOMIERA ARA-KETRA MISAHANA NY FITARAINANA**

Ovàna ny “**VAOMIERA ARA-KETRA MISAHANA NY FITARAINANA**” amin’ny lohateny IX ho “**VAOMIERA ARA-KETRA**”.

### **II- FIRAFITRY NY VAOMIERA**

##### **Andininy 20.09.03.**

Ovàna toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

*“Ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra no manendry amin’ny alalan’ny Didim-pitondrana ireo mpikambana ao amin’ny Vaomiera ara-ketra ka ny fotoam-piasan’izy ireo dia roa taona, toy izao manaraka izao:*

*Manana zo hanapa-kevitra:*

- *Ny filoha, isan’ireo mpikambana ao amin’ny vaomiera;*
- *Mpampianatra avy amin’ny ambaratonga ambony iray (1) manampahaizana manokana momba ny lalàna na fitantanana na mpitsara iray (1) eo amin’ny girady voalohany;*
- *Solon-tena roa (2) avy amin’ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny hetra;*
- *Solon-tena iray (1) avy amin’ny Fiombonamben’ny Antenimieran’ny Varotra sy ny Indostria eto Madagasikara;*
- *Solon-tena iray (1) avy amin’ny fikambanana sy/na vondron’ireo orinasa matihanina;*
- *Solon-tena iray (1) avy Filan-kevitra ambony ny fitanan-kaonty;*

*Ny fitanana an-tsoratra dia hiandraiketan’ny mpiasa iray (1) avy amin’ny Foibe-pitondrana ankapobe momba ny hetra.*

*Ny vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy mandefa ny lisitr’ireo mpikambana ao aminy any amin’ny Sampan-draharahan’ny hetra.*

*Ho fepetra vonjimaika, ireo mpikambana ankehitriny ao amin’ny vaomiera dia manohy ny asany mandritra ny telo (3) volana azo avaozina mandrapaha voatendry ireo mpikambana vaovao.”*

### **III- FAMPAHAFANTARANA ATAO AMIN’NY VAOMIERA ARA-KETRA**

### Andininy 20.09.06.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 1 amin'ity andininy ity:

**“ 1.Ny Vaomiera ara-ketra dia ampahafantarina ao anatin’ny 15 andro manaraka ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fanitsiana. Ny taratasy fampahafantarana nampidirina mihoatra ny fe-potoana dia tsy azo raisina.”**

### Andininy 20.09.07.

Ovàna ny andian-teny **“fampahafantarana raikitra”** ao anatin'ity andininy ity ho **“fampahafantarana ny fanitsiana”**

## IV- FANDINIHANA NY ANTONTAN-TARATASY

### Andininy 20.09.11.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

**“Ny vaomiera dia manana fe-potoana 15 andro manomboka ny daty nandraisana ny fanamarihana an-tsortra nataon’ny Fandrahahana momba ny hetra mba ampahafantariny ny heviny.”**

### Andininy 20.09.14.

Fanitsiana ny teny frantsay **“lorsque qu’au”** ho **“lorsqu’au”** ao amin’ny 1amin'ity andininy ity

## V- FANAPAHAKEVITRY NY VAOMIERA ARA-KETRA

### Andininy 20.09.16.

Ovàna ho **«fampahafantarana ny fanitsiana»** ny andian-teny **«fampahafantarana raikitra»** ary ovàna ho **«fampahafantarana raikitra»** ny andian-teny **«fampahafantarana raikitra nasiam-panitsiana»** ao amin’ny 4. amin'ity andininy ity.

Foronina ny 5 amin'ny faran'ity andininy ity izay mirija toy izao:

**“5. Ny fampahafantarana raikitra, ny sora-pamerana ary ny taratasy fampahafantarana ny sora-pamerana dia tsy maintsy ampahalalana ny mpandoa hetra ao anatin’ny 15 andro manomboka ny andro nandraisany ny fanapahan-kevitry ny vaomiera.”**

### Andininy 20.09.17.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 2. amin'ity andininy ity:

**“2. Ny tsy fisian’ny fanapahan-kevitra mari-pototra na mihoatra ny fe-potoana nataon’ny vaomiera, ny fandrahahana ara-ketra dia afaka manao sora-pamerana, kanefa tsy manakana ny ampiakarana azy any amin’ny sehatry ny fifanolanana hafa indray any aoriania. Noho izany, tsy mahasakana ny fampiharana ny andininy 20.09.15 amin'ity fehezan-dalàna ity, ny sora-pamerana, ny taratasy fampahafantarana ny sora-pamerana ary ny fampahafantarana raikitra dia tsy maintsy ampahalalana ny mpandoa hetra ao anatin’ny 15 andro manaraka ny fahataperan’ny fepotoana takiana hamoahana ny fanapaha-kevitry ny vaomiera.”**

Mialoha ny andininy 20.09.18 dia foronina ny lohateny VI :

**“LOHATENY VI- HAFA”**

**Andininy 20.09.18.**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

***“Ny vola fampandehanan-draharahan’ny vaomiera dia azo avy amin’ny saran’ny antontan-taratasy voaray ka ny sara sy ny fomba fandoavana izany dia faritan’ny didy amam-pitsipika.”***

**Ny ambiny tsy misy fanovana**

## ANDININY FAHA-3

### FADINTSERANANA

#### A- MIKASIKI NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA:

##### 1) Ovaina toy izao manaraka izaony fepetra voalazan'ny andininy faha-46 :

Antony: Manoloana ny tranga izay misy famantarana azo antoka fa misy hosoka ary koa iantohana ny fahavitan'ny asan'ny Fadintseranana haingana mba hiarovana ny zo sy ny tombontsoam-pirenena, na tsy eo aza ilay mpandika lalàna, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mangataka didy avy amin'ny fitsarana avy hatrany mba hitsirihana ireo entana. Raha toa kosa tranga tratra ambodiomby mikasika zavamaniry sy biby manananaina dia afaka mitsirika avy hatrany ny entana ny mpandraharahan'ny Fadintseranana izay atrehin'ny Sampandrahara mifehy ireo karazan'entana ireo.

##### Tsy hoe:

**Andininy 46.** 1°-Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalana ity sy hoenti-mikaroka ny hosoka, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao fitsirihana ny entana, ny fitaoval-pitaterana ary ny olona, na ao amin'ny biraon any amin'ny fari-piasana izany na aiza na aiza eo amin'ny toerana eto amin'ny tanim-pirenena. Amin'izany, nympandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mitaky ny fanomezana ny taratasy firaketana manamarina ny fiavian'ny entana notanana na notaterina.

Raha toa ny fanaraha-maso eny amin'ny sisin-tany ka hiantohan'ny fitondrandon-draharaham-panjakana maromaro, ny mpandraharahan'ny fadintseranana no mitarika ny fitsirihana ny entana ka ny Sampan-draharaham-panjakana hafa dia afaka manampy azy.

2° Ankoatra ny didy amam-pitsipika azo ampiharina ao amin'ny fari-piasan'ny Fadintseranana ary koa ireo entana voalazan'ny andininy faha-254 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana, raha tsy misy ny fanomezana ireo taratasy firaketana ireo amin'ny fitakiana voalohany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mamindra ny entana, ka ny tompon'ny entana no mandoa ny lany amin'izany, any amin'ny biraon'ny Fadintseranana akaiky indrindra na raha ilaina, mametraka azy ireny ho eo ambany fanaraha-mason'ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fametrahana ny firainty na eo amin'ny vatavy lehibe fametrahana entana, na eo amin'ny fisokafan'ny toerana nametrahana azy, mba hisorohana ny fanodinkodinana izany entana izany.

##### Fa vakio hoe:

**Andininy 46.** -1° Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalana ity sy hoenti-mikaroka ny hosoka, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao fitsirihana ny entana, ny fitaoval-pitaterana ary ny olona, na ao amin'ny biraon any amin'ny fari-piasana izany na aiza na aiza eo amin'ny toerana eto amin'ny tanim-pirenena. Amin'izany, nympandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mitaky ny fanomezana ny taratasy firaketana manamarina ny fiavian'ny entana notanana na notaterina.

Raha toa ny fanaraha-maso eny amin'ny sisin-tany ka hiantohan'ny fitondrandon-draharaham-panjakana maromaro, ny mpandraharahan'ny fadintseranana no mitarika ny fitsirihana ny entana ka ny Sampan-draharaham-panjakana hafa dia afaka manampy azy.

2° Ankoatra ny didy amam-pitsipika azo ampiharina ao amin'ny fari-piasan'ny Fadintseranana ary koa ireo entana voalazan'ny andininy faha-254 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana, raha tsy misy ny fanomezana ireo taratasy firaketana ireo amin'ny fitakiana voalohany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mamindra ny entana, ka ny tompon'ny entana no mandoa ny lany amin'izany, any amin'ny biraon'ny Fadintseranana akaiky indrindra na raha ilaina, mametraka azy ireny ho eo ambany fanaraha-mason'ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fametrahana ny firainty na eo amin'ny vatavy lehibe fametrahana entana, na eo amin'ny fisokafan'ny toerana nametrahana azy, mba hisorohana ny fanodinkodinana izany entana izany.

3° Raha toa ka tsy hita ny tompony na izay mitazona ny entana, ny sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia afaka manao ny fitsirihana ireo entana sy izay manao ny fitaterana, na tsy eo aza ny tompony ankoatry ny voalazan'ny andininy faha 109-2 n'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana. Na izany aza, ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy mampilaza mialoha ireo tompon'entana ary mandidy azy ireo hanaraka azy avy hatrany. Raha toa ka tsy misy vokany ny fampiantsoana, ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana dia mametraka fangatahana any amin'ny filohan'ny fitsarana mahefa hanome alalana hitsirihana ireo entana ary mangataka ny fanatrehan'ny manam-pahefana sivily na miaramila mandritra ny fanamarinana arakany lalàna manan-kery.

Raha toa kosa tranga tratra ambodiomby mikasika zavamaniry na biby mananaina izay voaràra ny famoahana, na dia tsy eo aza ny tompony, ny mpandrahaharan'ny fadintseranana dia afaka manatanteraka avy hatrany ny fitsirihana ary mangataka ny fanatrehan'ny Sampandrahahara mifehy io karazan'entana io.

## 2) Ovaina toy izao manaraka izaony fepetra voalazan'ny andininy faha-52 sy 53:

Antony: Ho fanamafisana sy famaritanany fahefan'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana mikasika ny fanaraha-maso sy ny fikarohana ny hosoka: zo mivezivezy amin'ireo toeram-piasana, fanaraha-maso any aoriana ary zo atrehan'ireo olona manam-pahaizana manokana.

### Tsy hoe:

- Sokajy II

#### **Fitsirihana any an-trano**

**Andininy 52.-1°** Amin'ny fikarohana ny entana notanana tsy ara-dalàna ao anatin'ny faritra iasan'ny Fadintseranana, ary koa amin'ny fikarohana, na aiza na aiza toerana, ny entana fehezin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-254 manaraka etoana, ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana dia afaka manao ny fitsirihana any an-trano. Afa-tsny toe-javatra mahatratra ambodiomby, ny baiko fitsirihana dia tsy maintsy azo avy amin'ny Mpampanoa, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

2° Ny fitsirihana dia atao eo anatrehan'ny olona mipetraka eo amin'ny toerana na ny solontenany. Raha misy tsy fahafahana manao izany, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia mitaky vavolobelona roa nofidiana ivelan'ny olona miankina amin'ny fari-pahefany.

Ny fitsirihana natomboka dia afaka tohizana mandrapahataperan'izay asa tokony atao.

**Andininy 53.-Ny Sampandrahaharan'** ny Fadintseranana dia afaka, aorian'ny fanomezana ny fahazoan-dalana momba ny fanalana tsatoka ny entana, manao ny fandinhana indray ny fanambarana, ny fanaraha-maso ny taratasy firaketana ara-barotra mikasika ny entana na ny fanamarinana ireo entana ireo raha toa ka mbola azo aseho izy ireny.

Raha vokatry ny fandinhana indray ny fanambarana na ny fanaraha-maso tany aoriana dia hita fa voakasika ny fepetra izay mifehy ny satan'ny Fadintseranana ary nampiharinatamin'ny singa tsy marina na tsy feno, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia mandray, ao anatin'ny fanajana ny fepetra araka ny lalàna sy araka ny fitsipika manan-kery ny fepetra ilaina mba hanarenana ny toe-javatra ka raisina amin'izany ireo singa vaovao ananany.

### Fa vakio hoe:

- Sokajy II

#### **Zo mivezivezy amin'ireo toerana sy faritra fiasana**

**Andininy 52.-** 1° Mba ho fanatanterahana ny fikarohana sy ny fizahana fototra ny fandikan-dalàna voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka miditra amin'ireo toerana sy fari-piasana ary koa ireo tany sy ireo toeram-pitobiana entana ary mijery ireo atontan-taratasy ilaina amin'ny fanaraha-maso mikasika ny fandikan-dalàna izay afaka tazonina na inona na inona mitondra azy. Mitovy amin'izany koa, izy ireo dia afaka miditra amin'ireo fitaterana entana sy ny fampiakarana azy.

2° Ny fidirana amin'ireo toerana ireo dia manomboka amin'ny 5 ora maraina ka hatramin'ny 7 ora hariva na ankoatr'izay raha toa ka azon'ny rehetra idirana ny faritra na koa mbola eo am-panatanterahana ny asa famokarana, fanamboarana, famonosana, fitaterana, fanobiana na fivarotana.

Tsy maintsy hajaina ireo ora ireo, afatsy ny tranga miseho mandritra ny fitsirihana aorian'nyfitoriana hita taratra na natomboka tamin'ny ora mahazatra ka mitohy mandrapahavitany.

3° Mandritra ny fanadihadiana, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka maka santoniany, araka ny fepetra noraisin'ny Tale Jeneraly ary koa manao ny fanagiazana na ny fitazonana ny antontan-taratasy ilaina amin'ny famotorana na maka dika mitovy.

4° Raha toa ka ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa kanefa tsy misy lèlana iombonana afaka idirana avy hatrany, ireo mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mamakivaky eo amin'ny tanin'olon-tsotra mba ahatongavana eo amin'izay toerana iasany. Manana zo ihany koa izy ireo hametraka vela-pandrika amin'ny tanin'olon-tsotra tsy misy fefy.

Ny fananganana sakana na ny fanakanana ireo mpandraharahan'ny Fadintseranana tsy handalo dia midika ho fanoherana amin'ny fanatanterahana ny andraikiny voalaza ao amin'ny andininy faha-35 etsy ambony.

### Sokajy III

#### Fitsirihana any an-trano

**Andininy 52 bis. -** 1° Amin'ny fikarohana ny entana notànana tsy ara-dalàna ao anatin'ny faritra iasan'ny Fadintseranana, ary koa amin'ny fikarohana, na aiza na aiza toerana, ny entana fehezin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-254 manaraka etoana, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao ny fitsirihana any an-trano. Afa-tsny toe-javatra mahatratra ambodiomby, ny baiko fitsirihana dia tsy maintsy azo avy amin'ny Mpampanoa, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

2° Ny fitsirihana dia atao eo anatrehan'ny olona mipetraka eo amin'ny toerana na ny solontenany. Raha misy tsy fahafahana manao izany, ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana dia mitaky vavolobelona roa nofidiana ivelan'ny olona miankina amin'ny fari-pahefany.

Ny fitsirihana natomboka dia afaka tohizana mandrapahataperan'izay asa tokony atao.

### Sokajy IV

#### Fanaraha-maso any aoriana

**Andininy 53.-1°** Ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia afaka, aorian'ny fanomezana ny fahazoan-dàlana momba ny fanalana tsatoka ny entana, manao ny fandinhana indray ny fanambarana, ny fanaraha-maso ny taratasy firaketana ara-barotra mikasika ny mombamomba ny entana na ny fanamarinana ireo entana ireo raha toa ka mbola azo aseho izy ireny.

**Ny endrika sy fomba fanaraha-maso dia soritan'ny Fanapanahan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.**

**2° Mandritra ny fanaraha-maso any aoriana, tsy misy afaka misakana, mamalivaly na manohitra, na manandrana manakana na mamalivaly na manohitra ireo mpandrahaharan'ny fadintseranana manatanteraka ny asa izay voalazan'izao lalàna izao, na misakana na manandrana misakana ireo mpiasa . Ny fandikana ireo voalaza ireo dia midika ho fanoherana ny mpiasa tsy hanao ny asany voalaza ao amin'ny andininy faha-35 etsy ambony.**

**3°** Raha toa vokatry ny fandinhana indray ny fanambarana na ny fanaraha-maso any aoriana dia hita fa voakasika ny fepetra izay mifehy ny satan'ny Fadintseranana ary nampiharina tamin'ny singa tsy marina na tsy feno, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana dia mandray, ao anatin'ny fanajana ny fepetra araka ny lalàna sy araka ny fitsipika manan-kery ny fepetra ilaina mba hanarenana ny toe-javatra ka raisina amin'izany ireo singa vaovao ananany.

### **Sokajy V**

#### **Fampiasana olona manam-mpahaizana manokana**

**Andininy 53 bis. - Ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana dia afaka mampiasa olona manam-pahaizana manokana mba hanatontosa asa voafaritra, na any amin'ny iraka fanombanana teknika ilaina amin'ny fanatanterahana ny iraka ary afaka mampanaiky izay zavatra sy antontan-taratasy ilaina amin'ny fanombanana. Ireo olona voaantsosy ireo dia manoratra tatitra mirakitra ny asa fanombanana sy izay fehin-kevitra nataony. Io tatitra io dia ampitaina amin'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana ary araikitra amin'ny paika arahina. Raha misy fahamehana, ny fehin-kevitr'ireo manam-pahaizana manokana dia azon'ireo mpandrahaharan'ny Fadintseranana angonina ka araikitra ao amin'ny fitanana an-tsoratra na amin'ny antontan-taratasy mifanarakaka aminy. Ireo olona manam-pahaizana manokana ireo dia manatanteraka ny iraka eo ambany fanaraha-mason'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana ary koa mano ny tsiambaratelon'ny asa voalazan'ny andininy faha-38 anatin'izao fehezan-dalàna izao.**

#### **3) Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-54-5° sy 6° :**

**Antony :Satria azo atao amin'izay fomba rehetra voatondron'ny lalàna ny famoriana ny trosan'ny fadintseranana, dia ilaina ny hanitarana ho an'ny mpiasan'ny fadintseranana miandraikitra ny famoriana ny vola ny zo momba ny fampitan-draharaha ho fanamafisana ny asany.**

#### **Tsy hoe :**

**Andininy 54. - 5°** Ao anatin'ny sehatry ny Fifanampiana ara-pitondran-draharaha eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana di omen-dalana, raha toa izany ka tsy mandeha ila, hanome ny manampahefana tandrify izany any amin'ny firenena vahiny ny zava-pantatra rehetra, taratasy fanamarinana, fitanana an-tsoratra ary taratasy firaketana hafa, mety hampiseho ny fandikana ny lalàna sy fitsipika ampiharina eo am-pidirana na eo am-pivoahana ny taniny.

#### **Fa vakio hoe :**

**Andininy 54. -5° Ny zo momba ny fampitan-draharaha voalazan'izao andininy izao dia itarina ho an'ny mpandrahahann'ny fadintseranana miandraikitra ny famoriana ny vola samihafa alaina araka ny fombafomba izay voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.**

**6°** Ao anatin'ny sehatry ny Fifanampiana ara-pitondran-draharaha eo amin'ny sehatra iraisam-pirenenena, ny Sampandrahaharan'ny Fadintseranana di omen-dàlana, raha toa izany ka tsy mandeha ila, hanome ny manampahefana tandrify izany any amin'ny firenena vahiny ny zava-pantatra rehetra, taratasy fanamarinana, fitanana an-tsoratra ary taratasy firaketana hafa, mety hampiseho ny fandikana ny lalàna sy fitsipika ampiharina eo am-pidirana na eo am-pivoahana ny taniny.

4) **Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-58:**

**Antony:** Ho fanamasina ny fiarovana ny paika arahina mikasika ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo.

**Tsy hoe:**

**Andininy 58.- a)** Ny kapitenin'ny sambo iray tonga ao anatin'ny faritra an-dranomasina iasan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy, amin'ny fitakiana voalohany, manolotra ny dika mitovy ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo amin'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana izay tonga eny ambony sambo.

**b)** Ny kapiteny na ny vatatenan'olona na fikambanana rehetra afaka misolo tena ny sambo mpitratitra dia tsy maintsy manolotra ny matoan'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo hosoniavin'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana farafahatarany valo amby efapolo ora aorian'ny fahatongavan'ny sambo.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 58.- a)** Ny kapitenin'ny sambo iray tonga ao anatin'ny faritra an-dranomasina iasan'ny Fadintseranana dia **tsy maintsy, amin'ny fitakiana voalohany, manolotra ny matoan'ny taratasy manambara ny entana misy tomboka tsy miova amin'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana izay tonga eny ambony sambo ary manome dika mitovy iray ny taratasy manambara ny entana.**

**b)** Ny kapiteny na ny vatatenan'olona na fikambanana rehetra afaka misolo tena ny sambo mpitratitra dia tsy maintsy manolotra ny matoan'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo hosoniavin'ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana **amin'ny fotoana ahatongavan'ny sambo** ao anatin'ny faritra an-dranomasina iasan'ny Fadintseranana.

**c) Aorian'nyfametrahana,na mialoha aza, ny taratasy manambara ny entana dia tsy azo ovaina intsony raha tsy ahazoana alàlana avy amin'ny manam-pahefan'ny Fadintseranana izay voakasika.**

5) **Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-67:**

**Antony:** Fanitsiana nyteny.

**Tsy hoe:**

**Andininy 67.** – Ny entana na very nailiky ny ranodia apetraka eo ambany fanaraha-maso roa sosona iarahan'ny Sampandrahaharan' ny Fadintseranana sy ny Sampan-draharahan'ny Sambom-barotra mandra-panomezana azy ny toerana tena ametrahana ny entana araka ny lalàna sy fitsipika manan-kery.

**Fa vakio hoe:**

Ny entana **voavonjy tamin'ny voina** na very nailiky ny rano dia apetraka eo ambany fanaraha-maso roa sosona iarahan'ny Sampandrahaharan' ny Fadintseranana sy ny Sampan-draharahan'ny Sambom-barotra mandra-panomezana azy ny toerana tena ametrahana ny entana araka ny lalàna sy fitsipika manan-kery.

6) **Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-83, 237 ary 238:**

**Antony:**Mba ho fanamoràna ny fametrahana ny entana ao anatin'ny satan'ny fitobian'entana, ho fampihenana ny tranga amin'ny fivarotana entana voarara na mampidi-doza ary ho fametrahana amin'ny fomba tsy miangatra ny fametrahana ny vidin'ny entana ao anatin'ny fikarakarana ny varotra ampahibemaso.

**Tsy hoe:**

**Andininy 83.** - Raha dila ny fe-potoana fipetrahana ao amin'ny magazay sy toerana famoahana entana araka izay voalazan'ny andininy faha-80 etsy ambony, ny mpitrandraka dia tsy maintsy mitondra ny entana any amin'ny toerana tondroin'ny Sampandrahara han'ny Fadintseranana izay mahatonga azy ireo avy hatrany ho eo ambany fitondran'ny fametrahana entana amin'ny Fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-236, 237, 238 ary 239 amin'izao fehezan-dalàna izao.

**Andininy 237.-** 1°Ny entana izay tsy nalaina tao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka amin'ny vaninandro nanoratana izany tao amin'ny rejisyry ny fametrahana entana dia varotana amin'ny alalan'ny lavanty atao ampahibemaso.

2°Ny entana latsaky ny 50 000 Ariary ny sandany ka tsy nalaina tamin'ny fahataperan'ny fe-potoana roa volana voatondro ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia neverina ho toy ny nafoy. Azon'ny Sampandrahara han'ny Fadintseranana atao ny mivarotra izany amin'ny alalan'ny lavanty atao ampahibemaso na manolotra izany ho fanomezana any amin'ny hopitaly, toerana fitaizana ny beantitra na antokon-draharaha hafa manao asa fano soavana

**Andininy 238.-** 1°Ny fivarotana ny entana dia ataon'ny Sampandrahara han'ny Fadintseranana ho an'izay sahy mandoa ambony indrindra.

2°Ny entana dia amidy malalaka tsy andoavana sara sy habantseranana, miaraka amin'ny fahazoan'ilay mpivid� mampiasa izany amin'izay rehetra anaovany azy ka eken'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 83.-** Raha dila ny fe-potoana voalazan'ny andininy faha-80 voalaza etsy ambony, tonga dia miditra ao anatin'ny satan'ny fametrahana entana avy hatrany ireo entana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-236, 237, 238 et 239 anatin'izao fehezan-dalàna izao.

**Andininy 237.-** 1°Ireо entana tsy navoaka tao anatin'ny roa volana, nanomboka ny nidirany tao amin'ny sata fametrahana arak'izay voalazan'ny fepetra ny andininy faha-83 dia amidy ampahibemaso.

2°Ny entana latsaky ny 50 000 Ariary ny sandany ka tsy nalaina tamin'ny fahataperan'ny fe-potoana roa volana voatondro ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia neverina ho toy ny nafoy. Azon'ny Sampandrahara han'ny Fadintseranana atao ny mivarotra izany amin'ny alalan'ny lavanty atao ampahibemaso na manolotra izany ho fanomezana any amin'ny hopitaly, toerana fitaizana ny beantitra na antokon-draharaha hafa manao asa fano soavana.

**Andininy 238.-** 1°Ny fivarotana ny entana dia ataon'ny Sampandrahara han'ny Fadintseranana ho an'izay sahy mandoa ambony indrindra.

2°Ny entana dia amidy malalaka tsy andoavana sara sy habantseranana, miaraka amin'ny fahazoan'ilay mpivid� mampiasa izany amin'izay rehetra anaovany azy ka eken'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

**3°Ao anatin'ny fikarakarana ny fivarotana ny entana, afaka manokatra ireo entana ao amin'ny fametrahana ary manamarina izay ao anatin'eo anatrehan'ny tompon'andraikiry**

ny toeram-pitobiana ny mpandrahaharan'ny Fadintseranana izay mitondra baiko misy iraka ara-dalàna nosoniavin'ny Lehibe an'ny Mpandray Fadintseranana.

7) Ovaina toy izao manaraka izao nyvoalazan'ny andininy faha-109:

**Antony:** Arak'ireo tranga fahita, ny fe-potoana 8 andro izay ekena dia tsapa fa ela ioatra kanefa ny entana dia ahiana misy hosoka mahery vaika izay ilaina fanamarinana haingana. Hita ihany koa fa raha ny ankabeazan'ny tranga, ny tompon'entana, ny mpitazona na ny mpanao fanambarana na ny mpanelanelana amin'ny Fadintseranana dia tsy mipoitra rehefa hanatrika ny fitsirihana ny entana ahiana ho misy hosoka mahery vaika.

**Tsy hoe:**

**Andininy 109.-** 1°Ny fanamarinana dia atao eo anatrehan'ny mpanelanelan-draharahan'ny Fadintseranana.

2° Raha toa ka tsy tonga hanatrika ny fanamarinana nympanelelan-draharahan'ny Fadintseranana, 'ny Sampandrahaharan' ny Fadintserananadia mampahafantatra azy amin'ny alàlan'ny taratasy tsy very mandeha ny fikasany hanomboka ny asa fanadihadiana, na hanohy izany raha toa ka nahato izany ; rahefa dila ny fe-potoana valo andro aorian'ny fampahafantarina, ka mbola tsy nisy vokany izany, ny mpitsara, ao amin'ny fari-piadidiana misy ny biraon'ny Fadintseranana, dia manondro avy hatrany, araka ny fangatahan'ny Lehibe an'ny Mpandray Fadintseranana, olona iray hisolo tena ilay mpanelanelan-draharahan'ny Fadintserananabtsy tonga sy hanatrika ny fanamarinana.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 109.-** 1°Ny fanamarinana dia atao eo anatrehan'ny mpanelanelan-draharahan'ny Fadintseranana.

2° Raha toa ka tsy tonga hanatrika ny fanamarinana ny mpanelanelan-draharahan'ny Fadintseranana., **ny Sampandrahaharan' ny Fadintserananadia mampahafantatra azy amin'ny alàlan'ny taratasy asiana mariky ny nandraisana izanyizay atolotry ny mpandrahaharan'ny fadintseranana roa an-tànana nakoa mangataka ny fanamarinan'ny lehiben'ny fokontany eo amin'ny fari-piasan"ilay mpanelanelan-draharaha fa efa nandalo ny mpandrahaharan'ny fadintseranana nampahahantatra ny fikasany hanomboka ny asa fanadihadiana, na ny hanohy izany raha toa ka nahato izany. Raha dila ny fe-potoana **teloandro** aorian'ny fampahafantarana, ka mbola tsy nisy vokany izany, ny mpitsara, ao amin'ny fari-piadidiana misy ny biraon'ny Fadintseranana, dia manondro avy hatrany, araka ny fangatahan'ny Lehibe an'ny Mpandray Fadintseranana, olona iray hisolo tena ilay mpanelanelan-draharahan'ny Fadintseranana tsy tonga mba hanatrika ny fanamarinana.**

8) Ovaina toy izao manaraka izaony voalazan'ny andininy faha-152-2 sy 157-2:

**Antony:** Fanitsiana ny teny.

**Tsy hoe:**

**Andininy 152. - 2°** Ny satan'ny Fadintseranana ara-toekarena dia ahitana :

- ny fametrahana entana eo amin'ny lafiny Fadintseranana ;
- ny fametrahana entana eo amin'ny lafiny industria ;
- ny fampidirana entana mandritra ny fotoana voafetra ;
- ny fanatsarana ny hoenti-mihetsika ;
- ny fanondranana entana mandritra ny fotoana voafetra ;
- ny fanondranana entana mandritra ny fotoana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana;

- ny fanodinana tsy andoavana habantseranana ;
- ny fanafarana sy fanondranana mandritra ny fotoana tsy maharitra ny zavatra an'olon-tokana mpivezezy ;
- ny ozinina iasana.

**Andininy 157. - 2°** Misy sokajy efatra ny fametrahana entana amin'ny Fadintseranana :

- ny fametrahana entana ho an'ny besinimaro ;
- ny fametrahana entana manokana ;
- ny fametrahana entana tsy miankina amin'ny Fanjakana ;
- ny fametrahana entana eo amin'ny lafiny indostria.

#### **Fa vakio hoe:**

**Andininy 152. - 2°** Ny satan'ny Fadintseranana ara-toekarena dia ahitana :

- ny fametrahana entana eo amin'ny lafiny Fadintseranana ;
- ny fampidirana entana mandritra ny fotoana voafetra ;
- ny fanatsarana ny hoenti-mihetsika ;
- ny fanondranana entana mandritra ny fotoana voafetra ;
- ny fanondranana entana mandritra ny fotoana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana ;
- ny fanodinana tsy andoavana habantseranana ;
- ny fanafarana sy fanondranana mandritra ny fotoana tsy maharitra ny zavatra an'lon-tokana mpivezezy ;
- ny ozinina iasana.

**Andininy 157. - 2°** Misy sokajy telo ny fametrahana entana amin'ny Fadintseranana :

- ny fametrahana entana ho an'ny besinimaro ;
- ny fametrahana entana manokana ;
- ny fametrahana entana tsy miankina amin'ny Fanjakana.

#### **9) Ovaina toy izao manaraka izao nyvoalazan'ny andininy faha-262:**

**Antony:** Ho fampiharana ny tahan'ny haba hifandray amin'ny zava-misy aratoekarena ankehitriny (18 Arisaky ny barika famarana afa-karatsaka nakarina 400 Ar ary 36 Arisaky ny barika famarana afa-karatsaka nakarina 1.000 Ar).

#### **Tsy hoe:**

#### **TOKO IV**

SARAM-PIFAMOIVOIZANA

**Andininy 262. -** Alaina amin'izay sambo rehetra avy any ivelany ny saram-pifamoivozana ankapobe natao araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-3 sy faha-9 etsy ambony.

Io sara io dia efaina sy raisin'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana araka ny fepetra sy fitsipika ferana amin'ny alalan'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny tahan'io sara io dia ferana ho 18 Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka sy isaky ny dia.

Ahena antsasany io taha io ho an'ny sambo miditra nohamainana ary mivoaka misy entana, na miditra miaraka amin'ny entana ary mivoaka tsy misy entana. Heverina ho toy ny tsy mitondra entana ny sambo izay ny entana hoentiny dia tsy mihoatry ny ampaharoapolon'ny hadiry

tokony ho zakany. Ny kapiteny maniry ny hisitraka io taha nahena io dia tokony hanao fangatahana any amin'ny Lehibe an'ny Mpandray Fadintseranana, hanome ny fanamarinana rehetra ilaina ary hametraka ny sambony amin'izay fitsirihana rehetra ilaina.

Ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy ambony dia neverina ho toy ny dia, ny fitambaran'ny fidiran'ny sambo iray ny seranan-tsambo ao amin'ny faritra fehezin'ny Fadintseranana na any Comores mandritra ny zotra "mandroso sy miverina". Mandritra io dia io, ny zotra dia mety ahitana fijanonana kely iray na maromaro any amin'ny seranan-tsambon'ny nosy La Réunion, ny nosy Maurice sy ireo izay miankina aminy, ny Union Sud –Africaine, Mozambique, Tanzanie ary Kenya, atao eo anelanelan'ny hiazoana an'i Madagasikara.

Ireo sambo natokana irery ihany ho amin'ny fifamoivoizana eo amin'ireo faritra fehezin'ny Fadintseranana na ny Comores dia tsy maintsy mandoa sara isan-taona izay 36 Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka.

**Fa vakio hoe:**

**TOKO IV**

SARAM-PIFAMOIVOIZANA

**TOKO IV**

SARAM-PIFAMOIVOIZANA

**Andininy 262.-** Alaina amin'izay sambo rehetra avy any ivelany ny saram-pifamoivozana ankabobe natao araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-3 sy faha-9 etsy ambony.

Io sara io dia efaina sy raisin'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana araka ny fepetra sy fitsipika ferana amin'ny alalan'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny tahan'io sara io dia ferana ho **400** Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka sy isaky ny dia.

Ahena antsasany io taha io ho an'ny sambo miditra nohamainana ary mivoaka misy entana, na miditra miaraka amin'ny entana ary mivoaka tsy misy entana. Neverina ho toy ny tsy mitondra entana ny sambo izay ny entana hoentiny dia tsy mihoatry ny ampaharoapolon'ny hadiry tokony ho zakany. Ny kapiteny maniry ny hisitraka io taha nahena io dia tokony hanao fangatahana any amin'ny Lehibe an'ny Mpandray Fadintseranana, hanome ny fanamarinana rehetra ilaina ary hametraka ny sambony amin'izay fitsirihana rehetra ilaina.

Ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy ambony dia neverina ho toy ny dia, ny fitambaran'ny fidiran'ny sambo iray ny seranan-tsambo ao amin'ny faritra fehezin'ny Fadintseranana na any Comores mandritra ny zotra "mandroso sy miverina". Mandritra io dia io, ny zotra dia mety ahitana fijanonana kely iray na maromaro any amin'ny seranan-tsambon'ny nosy La Réunion, ny nosy Maurice sy ireo izay miankina aminy, ny Union Sud –Africaine, Mozambique, Tanzanie ary Kenya, atao eo anelanelan'ny hiazoana an'i Madagasikara.

Ireo sambo natokana irery ihany ho amin'ny fifamoivoizana eo amin'ireo faritra fehezin'ny Fadintseranana na ny Comores dia tsy maintsy mandoa sara isan-taona izay **1.000** Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka.

10) **Ovaina toy izao manaraka izao nyvoalazan'ny andininy faha-266-1:**

**Antony:** Ho fametrahana ny famaritana ara-dalàna ny fanamaivanana ny asa atao amin'ny lafiny fifanolanana. Hita tokoa fa amin'izao fotoanan'ny fanamaivanana ny paika izao: paika arahina amin'ny famoahana entana, paika amin'ny fifanolanana, mety raha ampitoviana lenta ny sonia elektronika sy ny sonia an-tànana.

**Tsy hoe:**

## **TOKO VOALOHANY**

FAMARITANA NY FANDIKAN-DALÀNA AMIN'NY FADINTSERANANA

**Andininy 266.-** Ny atao hoe fandikan-dalàna momba ny Fadintseranana dia ny fandikan-dalàna amin'ireo fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy ny fandikana ireo lalàna sy fitsipika momba ny Fadintseranana faritan'ny andininy voalohany etsy ambony.

**Fa vakio hoe:**

**LOHATENY X**

**FIFANOLANANA**

**TOKO MIALOHA**

**FANAMAIVANANA NY SORATRA**

**Andininy 266. -** Ny fitanana an-tsoratra sy ny soratra mipetraka amin'ny fampiharana an'ity fehezan-dalàna ity dia afaka raiketina anatin'ny sonia arak'isa na electronika. Ny lisitry ny soratra voakasika sy ny fanatanterahana izany sonia izany ary ny olona afaka mampiasa an'ireo dia azavaina amin'ny fitsipi-dalàna. Ny votoatin'ireo soratra ireo dia tehirizina amin'ny fomba namaivanina ara-tsoratra izay miantoka ny atiny manontolo sy ny tsy fahaverezany.

## **TOKO VOALOHANY**

FAMARITANA NY FANDIKAN-DALÀNA AMIN'NY FADINTSERANANA

**Andininy 266 bis.-** Ny atao hoe fandikan-dalàna momba ny Fadintseranana dia ny fandikan-dalàna amin'ireo fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy ny fandikana ireo lalàna sy fitsipika momba ny Fadintseranana faritan'ny andininy voalohany etsy ambony.

11) **Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha 319-1°a):**

**Antony:**

Mba ho fampiasana teny mifandraika kokoa ary famaritana ny Fahefana Tompon'andraikiry ny fanapahana mikasika ny fampikatsoana ny fizotran'ny asa ao amin'ny sydonia izay atao amin'ireo mpanelanelan-draharahan'ny Fadintseranananahazo fankatoavana sy ireo mpanafatra sy mpanondrana entana.

**Tsy hoe:**

**Andininy 319. 1° a)** Fampikatsoana ny raharaha fampidirana sy fanondranana entana ;

Mandritra ny fotoan'ny sazy, ny iharan'ny lalàna ara-ketra dia tsy maintsy manome karama ny mpiasany, ny karama isan-taona, tamby sy tombontsoa isan-karazany izay ananany zo hatramin'izay.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 319. 1° a)** Fampikatsoana ny raharaha **famoahana entana izay faritan'ny Fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana:**

Mandritra ny fotoan'ny sazy, ny iharan'ny lalàna ara-ketra dia tsy maintsy manome karama ny mpiasany, ny karama isan-taona, tamby sy tombontsoa isan-karazany izay ananany zo hatramin'izay.

12) Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-328-4:

**Antony:** Mba ho fanamoràna sy fanafainganana ny paik'ady amin'ny famorian-ketra, mety kokoa raha manatanteraka ny antoka amin'ny alalan'ny fanapaha-kevitry ny Tale jeneralin'ny Fadintseranana izay voalaza ao amin'ny andininy faha 326-2° n'ny fehezan-dalànan'ny Fadintseranana.

Tsy hoe:

**Andininy 328. - 4°** Ny fanerena amin'ny Fadintseranana dia zary antoka araka ny fomba sy fepetra mitovy amin'ny fanamelohana avy amin'ny manampahefana ara-pitsarana.

Fa vakio hoe:

**Andininy 328. - 4°** Ny fanerena amin'ny Fadintseranana dia zary antoka araka ny fomba sy fepetra mitovy amin'ny fanamelohana avy amin'ny manampahefana ara-pitsarana **araky ny fepetra voalazan'ny andininy faha 326-2° etsy ambony.**

13) Ovaina toy izao manaraka izao ny voalazan'ny andininy faha-353:

**Antony:** Mba ho fanamafisana fa ireo mpanelanelana nahazo fankatoavana amin'ny Fadintseranana sy ny mpanao fanambarana dia mpiray antoka sy azo terena isaky ny vatatena miaraka amin'ireo mpanjifa momba ny fandoavana ny onitra sy ny famaboana izay nateraky ny fandikan-dalàna amin'ny Fadintseranana voazaha fototra tamin'ny fanambarana nataony.

Tsy hoe:

**Andininy 353.-** Ny tompon'ny entana misy hosoka, ireo izay miandraikitra ny fanafarana na ny fanondranana izany, ny voakasiky ny hosoka, ny mpiray tsikombakomba sy mpandray anjara dia miara-mientana daholo sy azo terena isaky ny vatatena tsirairay handoa ny onitra, ny vola nisy tamin'ny famaboana sy ny fandoavana ny vola lany amin'ny fitsarana.

Fa vakio hoe:

**Andininy 353.-** Ny tompon'ny entana misy hosoka, ireo izay miandraikitra ny fanafarana na ny fanondranana izany, ny voakasiky ny hosoka, ny mpiray tsikombakomba sy mpandray anjara, **ny mpanao fanambarana sy ny mpanelanelan-draharahan'ny Fadintserananadia ankoatry ny voalazan'ny andininy faha 342-2° etsy ambony** dia miara-mientana daholo sy azo terena isaky ny vatatena tsirairay handoa ny onitra, ny vola nisy tamin'ny famaboana sy ny fandoavana ny vola lany amin'ny fitsarana.

14) Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-356-2b sy 361 :

Antony :

Ho fanamarinana fa voasokajy ho heloka madinika kilasy voalohany ny fandikan-dalàna mikasika ny fanadinoana amin'ny fanoratana ao amin'ny filazalazana an-tsoratra ary ho fanamafisana ny sazy mikasika ny fanoherana ny baiko omen'ny mpandrahaharan'ny fadintseranana izay efa iharan'ny famaboan'ny fitaovam-pitaterana araky ny voalaza ao amin'ny andininy 372.

Tsy hoe:

**Andininy 356.-2°** Miverina, manokana, hofehezin'ny fepetra voalazan'ny andalana teo aloha :

- b) Ny fanadinoana rehetra amin'ny fanoratana ao amin'ny filazalazana an-tsoratra ;

c) Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-47, faha-58.b), faha-60, faha-61, faha-64, faha-71.2° ary faha-129.2° etsy ambony na amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina ho fampiharana ny andininy faha-12.2° amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 361.-** Mety iharan'ny sazy ara-ketra araky ny voalazan'ny andininy teo aloha sy ny fampidirana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny roa taona ny fampidirana entana antsokosoko natao tamin'ny alalan'ny fitambaran'ny olona telo sy mihoatra hatramin'ny enina tafiditra ao anatiny, na mitondra na tsia izy rehetra, ireo entana misy hosoka ary tombo-marika, niara-tompo-marika na voakasiky ny hosoka.

Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35-1°, faha-54 ary faha-95 etsy ambony, dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 100.000 hatramin'ny 2.500.000 Ariary.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 356. -2°** Miverina, manokana, hofehezin'ny fepetra voalazan'ny andalana teo aloha :

b) Ny fanadinoana rehetra amin'ny fanoratana ao amin'ny filazalazana an-tsoratra ;

d) Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-58.b), faha-60, faha-61, faha-64, faha-71.2° ary faha-129.2° etsy ambony na amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina ho fampiharana ny andininy faha-12.2° amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 361.-** Mety iharan'ny sazy ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy teo aloha sy ny fampidirana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny roa taona ny fampidirana entana antsokosoko natao tamin'ny alalan'ny fitambaran'ny olona telo sy mihoatra hatramin'ny enina tafiditra ao anatiny, na mitondra na tsia izy rehetra, ireo entana misy hosoka ary tombo-marika, niara-tompo-marika na voakasiky ny hosoka.

Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35-1°, **faha-47**, faha-54 ary faha-95 etsy ambony, dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 100.000 hatramin'ny 2.500.000 Ariary.

15) Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalaza ao amin'ny andalana c) ao amin'ny andininy faha-360-2° ary foanana ny fepetra voalaza ao amin'ny andalana g) ao amin'ny andininy faha 360-2.ka hatsofoka ao amin'ny andininy faha-362-4° :

Antony: Ho fanitsiana ny teny sy ho fanamafisana ny famaizana ny fandikan-dalàna mikasika ny fanapahana ny firaka mipetaka amin'ny entana, ny amin'ny hidin'ny toeram-pitobiana sy ny fivarotana, ary koa ny amin'ny fisokafan'ny entana tsy nahazoana alalana avy amin'ny Fadintseranana.

**Tsy hoe:**

**Andininy 360. - 2°** Miverina manokana hofehezin'ny fepetra voalazan'ny andalana teo aloha ny fandikan-dalàna manaraka etoana:

c) Ny fanambarana diso rehetra atao amin'izay mikendry ny ahazo tsy an-drariny ny tombontsoa amin'ny fanafahana tsy handoa araka ny voalazan'ny andininy faha-240-1°, faha-258 ary faha-263 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina, raha toa ka misy, ho fampiharana ireo andininy ireo ;

g) Ny fampisehoana teo am-pahatongavana ny kase tapaka na simba tamin'ny entana nalefa misy firaka na fitomboky ny Fadintseranana.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 360. - 2°** Miverina manokana hofehezin'ny fepetra voalazan'ny andalana teo aloha ny fandikan-dalàna manaraka etoana:

c) Ny fanambarana diso rehetra atao amin'izay mikendry ny ahazo tsy an-drariny ny tombontsoa amin'ny fanafahana tsy handoa araka ny voalazan'ny andininy faha-240-1° ary faha-263

amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny didimpitondrana noraisina, raha toa ka misy, ho fampiharana ireo andininy ireo ;

**g) Foana.**

**Tsy hoe:**

**Andininy 362.**-Mety iharan'ny famaboana ny zavatra misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny zavatra nentina nanaronana ny hosoka, ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny avo roa heny sy telo avo heny amin'ny tetibidin'ny zavatra nobaboina sy fampidirana an-tranomaizina roa ka hatramin'ny telo taona :

1° Ny heloka tsotra amin'ny fampidirana entana antsokosoko nataon'ny olona mihoatra ny enina, na nataon'ny telo na mihoatra nitaingin-tsoavalny na bisikileta, na mitondra na tsy mitondra ny entana misy hosoka izy rehetra ireo ;

2° Ny heloka tsotra amin'ny fampidirana entana antsokosoko tamin'ny alalan'ny fiaramanidina, ho an'ny fiara tarihina na mihetsitenany, tamin'ny alalan'ny sambo na lakan-drafitra eny amin'ny ranomasina latsaky ny zato barika amin'ny fatra sisa tavela na tamin'ny alalan'ny sambondranomamy ;

3° Ny fomba fitaterana nampiasaina natao fanahy iniana mba hanatanterahana sy hanaovana ny heloka tsotra ao amin'io sokajy io izay lasa fananam-panjakana, solo'in'ny Sampandrahaharan' ny Fadintseranana tena, taorian'ny fanodinana ny fanagiazana izany ho famaboana araka ny fanapahana ara-pitondran-draharaha sy ara-pitsarana.

Tsy azon'ny tompony atao ny mitaky, na ny vidiny, na nampiandraiketina izany na tsia, notakian'ireo tompon-trosa nomena tombon-jo.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 362.**-Mety iharan'ny famaboana ny zavatra misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny zavatra nentina nanaronana ny hosoka, ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny avo roa heny sy telo avo heny amin'ny tetibidin'ny zavatra nobaboina sy fampidirana an-tranomaizina roa ka hatramin'ny telo taona :

1° Ny heloka tsotra amin'ny fampidirana entana antsokosoko nataon'ny olona mihoatra ny enina, na nataon'ny telo na mihoatra nitaingin-tsoavalny na bisikileta, na mitondra na tsy mitondra ny entana misy hosoka izy rehetra ireo ;

2° Ny heloka tsotra amin'ny fampidirana entana antsokosoko tamin'ny alalan'ny fiaramanidina, ho an'ny fiara tarihina na mihetsitenany, tamin'ny alalan'ny sambo na lakan-drafitra eny amin'ny ranomasina latsaky ny zato barika amin'ny fatra sisa tavela na tamin'ny alalan'ny sambondranomamy ;

3° Ny fomba fitaterana nampiasaina natao fanahy iniana mba hanatanterahana sy hanaovana ny heloka tsotra ao amin'io sokajy io izay lasa fananam-panjakana, solo'in'ny Sampandrahaharan' ny Fadintseranana tena, taorian'ny fanodinana ny fanagiazana izany ho famaboana araka ny fanapahana ara-pitondran-draharaha sy ara-pitsarana.

Tsy azon'ny tompony atao ny mitaky, na ny vidiny, na nampiandraiketina izany na tsia, notakian'ireo tompon-trosa nomena tombon-jo.

**4°Iharan'ny fepetra voalazan'ity andininy ity ihany koa ireto fandikan-dalàna manaraka ireto:**

a) Ny manokatra na mamboraka, ny mampanokatra na mampamboraka ny entana nafarana nefà mbola tsy nahaloa haba ary tsy nahazo alàlana tamin'ny Fadintseranana;

b) Ny fampisehoana teo am-pahatongavana ny kase tapaka na simba tamin'ny entana nalefa misy firaka na fitomboky ny Fadintseranana ;

c) Ny manapaka na manimba, ny mampanapaka na mampanimba ny fitomboka, hidim-baravarana na ny firaiketana miraikitra na mipetaka araka ny lalàna na ny fitsipi-dalàna mikasika ny entana, na ny fitaovam-pitaterana, ny fanobian'entana na ny fivarotana tsy mandoa hetra tsy misy alalana avy amin'ny sampandrahaharan'ny Fadintseranana.

Ny mpitondra, ny mpitantana na ny tompon'andraikitra nomem-pahefana misolo toerana ny orinasa, izay nanome ny baiko na alàlana hampanao ny fandikan-dalàna, na izay nanaiky na nandray anjara amin'izany, dia raisina ho mpiray tompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna avokoa ary iharan'ny sazy voatondro amin'izany.

16) **Manova ny fepetra voalazan'ny andininy faha-365:**

**Antony:**Mba ho fanamafisana fa ireo entana tsy misy fanamarinana ny fiaviany nefà iharan'ny fitsirihana ataon'ny Fadintseranana ka tsy eo anatrehan'ny tompony na ny mpitazona ny entana izay voalazan'ny andininy 46-3°, dia ambara ihany koa fa fanafarana entana antsokosoko satria dia fandikana mikasika ny fitazonana na ny fifamoivoizan'ny entana tsy misy fanamarinam-piaviana.

**Tsy hoe:**

**Andininy 365.-** 1° Ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-254 etsy ambony dia heverina fa nafarana antsokosoko raha tsy misy ny fanamarinana ny nihaviany na raha toa ny taratasy natolotra ka diso, tsy feno na tsy azo ampiharina ;

2° Nogiazana izany tamin'ny toerana ahitana azy ary ny olona voalaza ao amin'ny paragrafy 1° sy 2° amin'ny andininy faha-254 dia engehina sy faizina araky ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-360 ka hatramin'ny faha-362 etsy ambony ;

3° Raha toa ka fantatr'izy ireo fa ilay nanome azy ireo ny fanamarinam-pihaviana izay tsy vita ara-dalàna na ilay nivarotra, nanome, nanakalo na nanankinana ny entana tamin'izy ireo, izay tsy afaka manamarina ny fitazoana izany ara-dalàna, ny mpitazona sy ny mpititatitra dia homelohina araka ny sazy mitovy amin'izany ary ny entana dia hogiazana sy hobaboana araky ny fepetra mitovy amin'ny etsy ambony na inona na inona izany, ny fanamarinana izay tokony navoaka.

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 365.-** 1° Ny entana voalaza ao amin'ny **andininy faha-46-3° sy ny** andininy faha-254 etsy ambony dia heverina fa nafarana antsokosoko raha tsy misy ny fanamarinana ny nihaviany na raha toa ny taratasy natolotra ka diso, tsy feno na tsy azo ampiharina ;

2° Nogiazana izany tamin'ny toerana ahitana azy ary ny olona voalaza ao amin'ny paragrafy 1° sy 2° amin'ny andininy faha-254 dia engehina sy faizina araky ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-360 ka hatramin'ny faha-362 etsy ambony ;

3° Raha toa ka fantatr'izy ireo fa ilay nanome azy ireo ny fanamarinam-pihaviana izay tsy vita ara-dalàna na ilay nivarotra, nanome, nanakalo na nanankinana ny entana tamin'izy ireo, izay tsy afaka manamarina ny fitazoana izany ara-dalàna, ny mpitazona sy ny mpititatitra dia homelohina araka ny sazy mitovy amin'izany ary ny entana dia hogiazana sy hobaboana araky ny fepetra mitovy amin'ny etsy ambony na inona na inona izany, ny fanamarinana izay tokony navoaka.

17) **Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andininy faha 378-2:**

**Antony:**Mba ho fanarenana ny fahasarotan'ny fametrahana ny sandan'ny entana mikasika ny fandikan-dalàna mahasahana ny harem-pirenena toy ny bolabola sy ny sokatra izay iharan'ny fandràrana iraisam-pirenena ny famarotana azy ary koa mba hanakiviana ireo mpandroba ny harem-pirenena.

**Tsy hoe:**

**Andininy 378. 2° - Ho an'ny fampiharana ny sazy ara-bola, ny sanda horaisina dia ny sanda eo amin'ny tsena anatin'ny na eo amin'ny fanafarana entana izany na eo amin'ny fanondranana entana.**

**Fa vakio hoe:**

**Andininy 378. 2° - Ho an'ny fampiharana ny sazy ara-bola, ny sanda horaisina dia ny sanda eo amin'ny tsena anatin'ny na eo amin'ny fanafarana entana izany na eo amin'ny fanondranana entana.**

**Nefà kosa, ho an'ireo fandikàn-dalàna mikasika ny entana izay voaràra tanteraka ny fidirany na ny fivoahany eto amin'ny firenena, ny sanda ampiharina amin'ny fikajiana ny sazy dia ny vidin'entana iraisam-pirenena.**

**A- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY MOMBA NY FADINTSERANANA :**

**1) Fampiharana ny toromariky ny Vondrona iraisam-pirenena momba ny Fadintseranana mikasika fanovàna ny sokajy sasantsany anaty lazam-bidy ho fampitoviana amin'ny SH 2017:**

**Tsy hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
0303.55 00	- - Chinchards noirs (Trachurusspp.) -----	Kg	20	20	20

**Fa vakio hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
0303.55 00	- - Chinchards (Trachurusspp.) -----	Kg	20	20	20

**Tsy hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
2853.00 10	- - - Chlorure de cyanogène .....	kg	5	20	5
2853.00 90	- - - Autres.....	kg	5	20	5

**Fa vakio hoe :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
2853.10 00	- - Chlorure de cyanogène (chlorcyan) .....	kg	5	20	5
2853.90 00	- - Autres.....	kg	5	20	5

**2) Fampihenana 8% ho 5% ny tahan'ny habantseranana mifandraika amin'ny « vokatra anelanelana » anaty lazam-bidy miisa 1546 araky ny fifanarahana APEi: (jereo ny tabilao tarif APEi 2017)**

N°	Position tarifaire	Libellé	DD APEi	
			Au lieu de:	Lire :
1	03052000	Foies,oeufs,laitances de poissons,sales,seches,fumes ou en saumure	8	5
2	03054100	Saumons du Pacifique,de l'Atlantique et du Danube,fumes y compris les filets,fumes	8	5
3	03054910	Autres poissons fumes,y compris les filets, faits a la main	8	5
4	03054990	Autres poissons fumes, y compris les filets autre que faits a la main	8	5
5	03055100	Morues,sechees,memes salees, mais non fumees	8	5
6	03056100	Harengs,sales ou en saumure,non seches ni fumees	8	5
7	03056200	Morues,salees ou en saumure,non sechees ni fumees	8	5
8	03056300	Anchois,sales ou en saumure,non seches ni fumes	8	5

N°	Position tarifaire	Libellé	DD APEi	
			Au lieu de:	Lire :
9	03072900	autrement presentation de Coquilles St jacques,peignes,petoncles,vanneaux,...autrement presentes	8	5
10	03073900	Moules,autrement presentees	8	5
11	03074900	Seiches,sepioles,calamars et encornets,autrement presentes	8	5
12	03079900	Autres presentation de Mollusques, même séparés de leur coquille, séchés, salés ou en saumure; mollusques, même décortiqués, fumés, même cuits avant ou pendant le fumage; farines, poudres et agglomérés sous forme de pellets de mollusques, propres à l'alimentation humaine	8	5
13	07112000	Olives,conserves provisoirement,mais impropre a l'alimentation en l'etat	8	5
14	07115100	Champignon d genre agaricus,conserve provisoirt mais impropre a l'alimentat en l'etat	8	5
15	07115900	Autre champignon et truffe, conserve prolisoirem mais impropre a l'alimentation en l'eta	8	5
16	07123100	Champignons du genre agaricus,secs, meme coupes,broyes,pulverises, mais non autrement ...	8	5
17	07123200	Oreillesdejudas (auricularia spp),secs,memecoupes, broyes,pulverises, mais non autres	8	5
18	07123300	Tremelles (tremella spp),seches,meme coupees,broyees,pulverises,mais non autrmt preparee	8	5
19	07123900	Autres champignons en tranches, broyes ou pulverises	8	5
20	07141000	Racines de manioc,fraiches,refrigeree,congeles, ou seches, m debitees en pulvres	8	5
21	11029000	Farines d'autres cereales	8	5
22	11031900	Gruaux et semoules d'autres cereales	8	5
23	11041200	Grains d'avoine, aplatis ou en flocons	8	5
24	11041900	Grains d'autres cereales aplatis ou en flacons	8	5
25	11042200	Grains d'avoine,travailles autrement (mondes,perles,tranches,concasses,...)	8	5
26	11042900	Grains d'autres cereales,travailles autrement,(mondes,perles,...)	8	5
27	11043000	Germes d'autres cereales,entiers,aplatis,en flacons ou moulus	8	5
28	11061000	Farines, semoules et poudres des legumes a cosse secs du nu7.13	8	5
29	11072000	Malt torrefie	8	5
30	11081900	Autres amidons et fecules	8	5
31	11082000	Inuline	8	5
32	12081000	Farine de feves de soja	8	5
33	12089000	Autres farines de graines ou de fruits oleagineux, autres que la farine de moutarde	8	5
34	15030000	Stearine solaire,huile de saindoux,oleostearine,oleomargarine et huile de suif	8	5
35	15041000	Huile de foie de poisson et leurs fractions	8	5
36	15042000	Graines et huiles de poissons et leurs fractions,autres que les huiles de foies	8	5
37	15043000	Graisses et huiles de mamifères marins et leurs fractions	8	5
38	15050000	Graisse de suint et substances grasses derivees,y compris la lanoline	8	5
39	15060000	Autres graisses et huiles animales et leurs fractions,meme raffinees	8	5
40	15111011	Conditionné pour la vente au détail	8	5
41	15111091	Conditionné pour la vente au détail	8	5
42	15131111	Conditionné pour la vente au détail	8	5
43	15131191	Conditionné pour la vente au détail	8	5
44	15132900	Autres huiles raffinees de babassu ou de palmiste et leurs fractions	8	5
45	15155000	Huile de sesame et ses fractions, meme raffinee	8	5
46	15161000	G., H.anim,leurs frac.,hydrogenees,inter sterifiees,reesterifiees,elaidinisees,meme raff	8	5
47	16030000	Preparations d'extraits et jus de viandes,poissons,crustaces,mollusques	8	5
48	17022000	Sucré et sirop d'erable, sans aromatisants ni colorants a l'etat solide	8	5

N°	Position tarifaire	Libellé	DD APEi	
			Au lieu de:	Lire :
49	22071000	Alcool ethylique non denature,d'un titre alcoolimetrique volumique de 80% vol ou plus	8	5
50	25020000	Pyrites de fer non grillees.	8	5
51	25221000	Chaux vive (a l'exclusion de l'oxyde et de l'hydroxyde de calcium du n.8.25)	8	5
52	25222000	Chaux eteinte(a l'exclusion de l'oxyde et de l'hydroxyde de calcium du n.8.25)	8	5
53	25223000	Chaux hydraulique(a l'exclusion de l'oxyde et de l'hydroxyde de calcium du n.8.25)	8	5
54	25232100	Ciments Portland blancs,meme colores artificiellement	8	5
55	25232900	Autres ciments Portland,meme colores	8	5
56	25233000	Ciments alumineux ou fondus,meme colores	8	5
57	25239000	Autres ciments hydrauliques,meme colores	8	5
58	25241000	Crocidolites	8	5
59	25249000	Autres amiantes ( asbestes)	8	5
60	27040010	Coke et semicoke de houille,charbon de cornue	8	5
61	27040020	Cokes et semicoke de lignite ou de tourbe	8	5
62	27050000	Gaz de houille,gaz a l'eau pauvre et gaz simil,a l'excl.des gaz de ptrl et autr hydrc gz	8	5
63	27071000	Benzol(benzene)	8	5
64	27072000	Toluol(toluene)	8	5
65	27073000	Xylol (xylenes)	8	5
66	27074000	Naphtalene	8	5
67	27075000	Autr melanges d'hydrocarbures aromatiq distillt 65%ou+de leur vol a 250°C d'apres la methode ISO 3405(équivalente à la méthode ASTMD 86).	8	5
68	27079100	Huiles de creosote	8	5
